REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# VOLAVOLAN-DALANA N° 053/2016 TAMIN'NY 29 NOVAMBRA 2016 MOMBAN'NY FANDRAVONANA NY TETIBOLA HO AN'NY TAONA 2013

# Fanoroam-pejy


Lisitr'ireo fanafohezan-teny ... 3
Lisitr'ireo fafana ... 4
Lisitr'ireo kisary ... 5
Lisitr'ireo tovana ... 6
Fizarana voalohany : FAMELABERANA IREO ANTONANTONY ... 7
**I- FANEHOANA NY FITOMBOAN'NY TOEKARENA ERAN-TANY** ... 8
**II- TOERAN'IREO SEHATRA ARA-TOEKARENA TETO AMIN'NY FIRENENA** ... 8
1. Ny seha-pamokarana ... **9**
2. Fisondrotry ny vidim-piainana sy vidin'entana ... **12**
3. Ny sehatra ara-panjakana ... **13**
4. Ny sehatra ivelany ... **18**
**III- FANADIHADIANA NY FIHATSARAN'IREO ATRIK'ASAM-PANJAKANA** ... 18
A. Fanadihadiana ny fihatsaram-pirenena ... **19**
1. Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola isaky ny Andrim-panjakana sy Ministera tamin'ny 2013 (Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana) ... 19
2. Fivoaran'ny fihatsaram-pirenena tao anatin'ny telo taona ... 21
B. Fanadihadiana ny fihatsarana isan-tsehatra ... **22**
1. SEHATRA FITANTANAN-DRAHARAHA ... 24
2. SEHATRA SOSIALY ... 36
3. SEHATRA FAMOKARANA ... 44
4. SEHATRA FOTODRAFITRASA ... 49
**IV- JERY TODIKA MOMBA NY FIVOARAN'NY SORA-BOLAN'NY TETIBOLA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA** ... 58
Fizarana faharoa : ENDRIKY NY TETIBOLA SY VOLAVOLAN-DALANA MOMBA NY FANDRAVONANA NY TETIBOLA 2013 ... 62
**I. Vinavina, fanatanterahana ary vokatra ankapobeny tamin'ny tetibola** ... 64
**II. Fanadihadiana antsipiriany ireo fampiasana ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana** ... 65
A. Ny endrik'ireo fidiram-bola ... **65**
B. Ny endrik'ireo fandaniana ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana ... **67**
1. Endrik'ireo fandaniana isaky ny iraka sy isaky ny fandaharan'asa ... 67
2. Endrik'ireo fandaniana isaky ny karazan'ny lahasa ... 73
3. Endrik'ireo fandanian'ny fampandehanan-draharaha isaky ny karazan-kaonty goavana ... 74
4. Endrik'ireo FHPP isaky ny karazana famatsiam-bola ... 75
5. Endrik'ireo fandaniana isaky ny faritra ... 77
**III. Ireo Tetibola Anankina** ... 78
A. Tranompirintim-pirenena ... **78**
1. Vola niditra tamin'ny Tranompirintim-pirenena ... 78
2. Fandanian'ny Tranompirintim-pirenena ... 79
B. Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao ... **81**
1. Fidiram-bolan'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao ... 81
2. Fandanian'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao ... 81
C. Fintina ho an'ireo Tetibola Anankina ... **83**
**IV. Kaonty Manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana** ... 85
**V. Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany (FCV)** ... 86
**VI. Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakana (OCDP)** ... 88
VOLAVOLAN-DALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA ... 89

# Lisitr'ireo fanafohezan-teny

| | |
|---|---|
| **BA** | Budget Annexe |
| **BAD** | Banque Africaine du Développement |
| **BCM** | Banque Centrale de Madagascar |
| **BGE** | Budget Général de l'Etat |
| **BIANCO** | Bureau Anti-Corruption |
| **BTA** | Bon du Trésor par Adjudication |
| **CGAF** | Compte Général de l'Administration des Finances |
| **CPR** | Caisse de Prévoyance des Retraites |
| **CPT** | Comptes Particuliers du Trésor |
| **CRCM** | Caisse de Retraite Civile et Militaire |
| **CSB** | Centre de Santé de Base |
| **CTD** | Collectivités Territoriales Décentralisées |
| **DGB** | Direction Générale du Budget |
| **DTI** | Droits et Taxes à l'Importation |
| **DTS** | Droits de Tirages Spéciaux |
| **FCV** | Fonds de Contre-Valeur |
| **HCC** | Haute Cour Constitutionnelle |
| **IN** | Imprimerie Nationale |
| **INSTAT** | Institut National de la Statistique |
| **LFI** | Loi de Finances Initiale |
| **LOLF** | Loi Organique sur les Lois de Finances |
| **ND** | Non Disponibles |
| **OGT** | Opérations Globales du Trésor |
| **PGA** | Paierie Générale d'Antananarivo |
| **PIB** | Produit Intérieur Brut |
| **PIP** | Programme d'Investissement Public |
| **PTNT** | Postes, Télécommunications et Nouvelles Technologies |
| **RAP** | Rapport Annuel de Performance |
| **SEG** | Secrétariat d'Etat chargé de la Gendarmerie |
| **SIIGFP** | Système d'Information Intégré de la Gestion des Finances Publiques |
| **SSEB** | Service de la Synthèse de l'Exécution Budgétaire |
| **TIC** | Technologies de l'Information et de la Communication |
| **TPI** | Tribunal de Première Instance |
| **TVA** | Taxe sur la Valeur Ajoutée |

# Lisitr'ireo fafana


**Fafana 1** Taham-pitomboana isaky ny sehatr'asa (fiova isan-taona amin'ny isan-jato)
**Fafana 2** Tsy fitoviana teo amin'ny fivoaran'ny harin-karena faobe isan-taona sy ny harin-karena isam-batan'olona
**Fafana 3** Fivoaran'ny saran'ny fanjifana araka ny fiova isan-taona (fiova amin'ny %)
**Fafana 4** Fivoaran'ny fidiram-bolam-panjakana
**Fafana 5** Fivoaran'ireo fandaniam-bolam-panjakana
**Fafana 6** Fiova isan-taona teo amin'ny fatiantoky ny tetibola
**Fafana 7** Famintinana ny fihatsarana sy ny fandaniana ny sora-bola
**Fafana 8** Fintina ho an'ireo RAP 2013
**Fafana 9** Fivoaran'ny fihatsarana ny taona 2011 hatramin'ny taona 2013
**Fafana 10** Fitsinjarana ireo sora-bolan'ny Tetibola ankapobe sy taham-panatanterahana ny tetibola isaky ny sehatra
**Fafana 11** Fanatanterahana ireo tondromarika isaky ny sehatra
**Fafana 12** Famintinana ny fihatsarana sy ny fandaniana ny sora-bolan'ny sehatra fitantanan-draharaha
**Fafana 13** Fihatsaran'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2013
**Fafana 14** Famintinana ny fihatsarana sy ny fandaniana ny sora-bolan'ny sehatra sosialy
**Fafana 15** Fihatsarana ara-tsosialy tamin'ny 2013
**Fafana 16** Famintinana ny fihatsarana sy ny fandaniana ny sora-bolan'ny sehatra famokarana
**Fafana 17** Fihatsaran'ny sehatra famokarana
**Fafana 18** Famintinana ny fihatsarana sy ny fandaniana ireo sora-bolan'ny sehatra fotodrafitrasa
**Fafana 19** Fihatsaran'ny sehatra fotodrafitrasa
**Fafana 20** Tahan'ny fanatanterahana ireo tondromarika isaky ny fandaharan'asa sy taham-pandaniana ny sora-bola mifanaraka amin'izany (amin'ny %)
**Fafana 21** Endrik'ireo fanovana sora-bola, fitantanana 2013
**Fafana 22** Vokatra ankapoben'ny fanatanterahana ny tetibola
**Fafana 23** Endrik'ireo vola miditra tamin'ny tetibola ankapobe
**Fafana 24** Endriky ny fandaniana ireo sora-bola araka ny iraka sy ny fandaharan'asa
**Fafana 25** Fitsinjarana ny fampiasana ireo fandaniana araka ny karazany
**Fafana 26** Fitsinjarana isaky ny karazan-kaonty goavana ireo fandanian'ny fampandehanan-draharahan'ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana
**Fafana 27** Fitsinjarana ny fampiasana ireo Fandaniana ho an'ny Hana-Pamokaram-Panjakana (FHPP) araka ireo karazam-pamatsiam-bola
**Fafana 28** Fitsinjarana ny fampiasana ireo fandaniana isam-paritra
**Fafana 29** Vola niditra tamin'ny Tranompirintim-pirenena 2013
**Fafana 30** Fandanian'ny Tranompirintim-pirenena 2013
**Fafana 31** Fidiram-bolan'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao
**Fafana 32** Fandanian'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao 2013
**Fafana 33** Fintina ho an'ireo Tetibola Anankina 2013
**Fafana 34** Vinavina sy fanatanterahana ireo fidiram-bolan'ny Kaontim-barotra 2013
**Fafana 35** Endrika ankapoben'ireo CPT 2013
**Fafana 36** Endrik'ireo vola ateraky ny fanomezana sy fanampiana avy any ivelany 2013
**Fafana 37** Fivoaran'ireo vola ateraky ny fanomezana sy fanampiana avy any ivelany 2013
**Fafana 38** Endriky ny OCDP 2013

# Lisitr'ireo kisary

**Kisary 1-** Fanatanterahana ireo tondromarika isaky ny Andrim-panjakana sy Ministera

**Kisary 2-** Fivoaran'ny fihatsarana ny 2011 hatramin'ny 2013 (amin'ny %)

**Kisary 3-** Fitsinjarana ireo sora-bola faran'ny tetibola ankapobe isaky ny sehatra

**Kisary 4 -** Fanatanterahana ireo tondromarika isaky ny sehatra (amin'ny %)

**Kisary 5-** Fihatsaran'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2013

**Kisary 6-** Fihatsaran'ny sehatra ara-tsosialy tamin'ny 2013

**Kisary 7-** Fihatsaran'ny sehatra famokarana tamin'ny 2013

**Kisary 8 -** Fihatsaran'ny sehatra fotodrafitrasa tamin'ny 2013

**Kisary 9 :** Endriky ny fidiram-bola teo amin'ny fanjakana

**Kisary 10 :** Fitsinjarana ny fampiasana ireo fandaniana araka ny karazany

**Kisary 11 :** Fitsinjarana isaky ny karazan-kaonty goavana ireo fandanian'ny fampandehanan-draharahan'ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana

**Kisary 12 :** Fitsinjarana ny fampiasana ireo Fandaniana ho an'ny Hana-Pamokaram-Panjakana (FHPP) araka ireo karazam-pamatsiam-bola

**Kisary 13 :** Fandanian'ny Tranompirintim-pirenena 2013

**Kisary 14 :** Fandanian'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao 2013

**Kisary 15:** Fintina ho an'ireo Tetibola Anankina 2013

**Kisary 16 :** Endrik'ireo vola ateraky ny fanomezana sy fanampiana avy any ivelany 2013

## Lisitr'ireo tovana

1. Ny endrik'ireo fidiram-bola
2. Ireo Tetibola Anankina
3. Ny Fampiasana ireo tamberin'ny vidin'entana
4. Ny famadihana ho renivola ny trosam-panjakana
5. Ny fampiasana ireo kaonty manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana
6. Ireo fandaniana (fampandehanan-draharaha, karama, hana-pamokarana) isaky ny Andrim-panjakana/Ministera
7. Ny famelabelarana ny sora-bola isaky ny Andrim-panjakana/Ministera
8. Ny C.G.A.F.
9. Ny RAP

# Fizarana voalohany :

# FAMELABELARANA IREO ANTONANTONY

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

## I- FANEHOANA NY FITOMBOAN'NY TOEKARENA ERAN-TANY

Ny tetibola 2013 dia notanterahina tao anatin'ny vanim-potoana nisian'ny fihemorana maivana teo amin'ny fandrosoana eran-tany izay nihena ho 3,0% raha 3,1 % tamin'ny 2012. Na dia niaritra ny fiantraikan'ny krizy ara-bola aza dia nahay niatrika ny fitotongan'ny toekarena ary nahita miandàlana ny fahamarinan-toerana ara-toekarena ny faritr'i Eoropa. Tamin'ny fampiharana ny politika fanapariaham-bola mazana dia niakatra ho 1,7% ny toekaren'i Japon raha 1,4% tamin'ny taon-dasa. Ary manamarina ny fihisatry ny fiakaran'ny toekarena amerikanina io vokatra io (1,9% raha 2,8% tamin'ny 2012). Ho an'i Chine, afaka nitazona ny fitomboany hatramin'ny 7,7% izy noho ireo ezaka teo amin'ny fampiasam-bola tamin'ny hana-pamokarana. Ho an'ireo firenena afrikanina ambanin'i Sahara kosa, ny fitrandrahana ireo harena voajanahary no nahafahana nanatsara ny fampitomboany ny toekareny tamin'ny fiakarana voarakitra ho 5,1% raha tsy nahatratra afa tsy 4,8% izany ny taon-dasa.

Voafehy ny fisondrotry ny vidim-piainana maneran-tany noho ny fanarahan'ireo firenena maro ny politika matotra teo amin'ny toekarena, ary koa ny tsy fisian'ny fiovaovan'ny vidin'ireo vokatra ara-tsakafo sy ara-angovo.

Nanamarika ity taona ity koa ny fatiantoka goavana teo amin'ny vidin'ireo akora fanodina. Akora fototra vitsivitsy no nahitana fihenam-bidy : ny siramamy, serealy ary ny kafe. Ny vidin'ny barila teo amin'ny solitany ihany koa dia niharan'ny fihenana maivana (104,1 dolara tamin'ny 2013 raha 105 dolara ny 2012). Ny kakao ihany no niaka-bidy satria tsy ampy ny tolotra nandritra ity vanim-potoana ity.

## II-TOERAN'IREO SEHATRA ARA-TOEKARENA TETO AMIN'NY FIRENENA

Taorian'ny dimy taonan'ny tetezamita, ny tontolo politika izay marin-toerana sy nilamina kokoa no nanohana ireo atrik'asa ara-toekarena. Araka izany dia nahitana ny fikarakarana ireo fifidianana natambatra ny taona 2013, filoham-pirenena sy mpanao lalàna, voamariky ny fiverenan'ny fanjakana Malagasy tao anatin'ny lamin'ny lalàm-panorenana ihany koa. Fanampiny,

na dia teo aza ny fiverenana tsikelikely ny fiakaran'ny toekarena maneran-tany dia mbola niantraika tamin' ny toekarem-pirenena ihany ny akon'ny krizy. Anton'izany ny fanafoanana ireo fanampiana avy any ivelany ankoatra ny momba ny fiahiana ny maha olombelona. Nanampy trotraka izany koa ny fahosan'ny firenena teo amin'ny fiatrehana ireo loza voajanahary toy ny rivo-doza sy ny fihanak'ireo biby mpanimba ny voly toy ny valala. Na dia teo aza ireo dia naneho vokatra tsara ny taham-pitomboan'ny harin-karena faobe, voafehy koa ny fisindrotry ny vidim-piainana.

Ny Governemanta dia nametraka ho tanjona lehibe :

- ny fametrahana ny Repoblika fahaefatra ;
- ny fampihenana ny fatiantoky ny tetibola sy ny fitadiavana famatsiam-bola matotra.

Ny laharam-pahamehana kosa dia nifantoka tamin'ny :

- fanitarana ireo indostria mpanodina ;
- fananganana politika ara-ketra mahomby ;
- fanohanana ny sehatry ny angovo ;
- fampitomboana ireo fanondranan'entana ;
- fampihenana ny fisondrotry ny vidim-piainana ;
- famaliana ireo filàna ara-tsosialim-bahoaka (fahasalamana, fanabeazana).

**1. Ny seha-pamokarana**

Marina fa tsara tokoa ny fiverenan'ireo atrik'asa ara-toekarena nefa mbola notombanana ho marefo ihany izany. Raha tafakatra 3% ny taham-pitomboan'ny toekarena nandritra ny taona 2012, tsy nahitana afa tsy 2,3% izany nandritra ny taona 2013, izany hoe fihenana 0,7%. Izany dia noho ny fidinan'ny tinady anatiny ary indrindra ny fihenan'ny fanjifana vokatry ny fampiharana ny politikam-pitsitsiana ary koa ny fahosan'ny fampiasam-bola teo amin'ny hana-pamokarana.

Voaporofo matetika fa nitondra tombontsoa tsy azo tsinotsinoavina teo amin'ny toekarem-pirenena ny fampandrosoana ny indostria mpanodina. Niditra tamin'ny faharoa taonan'ny famokarany ny orinasa Sherritt. Izany no nahatonga ny seha-pamokarana faharoa niavaka teo amin'ny taham-piakarana izay 22,7% raha 9,3% tamin'ny 2012. Nandray anjara tamin'ny fampiakarana ny fandrosoan'ity sehatra ity manokana ireo sampan'ny orinasa afakaba (5,9% raha 3,5% tamin'ny 2012) sy ny angovo (5,6% raha 3,9% tamin'ny 2012) tamin'ny

fihatsarana miavaka. Namerina ireo atrik'asany ny sampan'ny indostria momba ny taratasy ary nahitana fiakarana 2,9% raha tsy nisy mihitsy izany tamin'ny taon-dasa.

Nefa tamin'io fihemorana io dia ny fitotongan'ny seha-pamokarana voalohany no nisy akony mafy raha oharina tamin'ireo seha-pamokarana hafa ka nahitana taha -6,1% raha 1,5% tamin'ny taon-dasa. Antony maro no nahatonga io vokatra io : niantraika mafy tamin'ny sampan'ny fambolena ireo loza voajanahary ( ny hai-tany, ny rivo-doza Haruna, ny fihanak'ireo valala mpanimba ny voly), ny fitrandrahana an-tsokosoko ireo hazo sarobidy. Ny sampana momba ny biby kosa anefa dia nahitana fitomboana (1,4% tamin'ny 2013 raha 0,8% tamin'ny 2012) noho ny fanamafisana ny fanaraha-maso ireo atrik'asa momba ny fanjonoana, sy ny fanavaozana ny fifanarahana teo amin'ny fiaraha-miasan'ny firenena sy ny Vondrona Eoropeanina mba hampitomboana ny vokatra teo amin'ny fanatanterahana ny politika momba ny fiompiana omby sy kisoa.

Nitazona ny laharana faharoa hatrany ny seha-pamokarana fahatelo. Na dia tsara aza ny fiakaran'ny hary teo amin'ity sehatra ity, ny fihatsarany dia nihena ho 1,3% raha 3% tamin'ny taona 2012. Sampana roa no tena nahitana fihenana: ny fitateran'olona (3,5 % raha 10,1% tamin'ny 2012) sy ny sampana varotra (-3,4% raha 1,9% tamin'ny 2012). Fanampiny, mbola voafetra hatrany ireo atrik'asa momba ny fizahan-tany noho ny tsy fandriam-pahalemana misy amin'ireo tanan-dehibe.

**Fafana 1 –** Taham-pitomboana isaky ny sehatr'asa (fiova isan-taona amin'ny isan-jato)

| | | 2012 | 2013 |
|---|---|---|---|
| **Seha-pamokarana voalohany** | | **1,5** | **-6,1** |
| | Fambolena | 3,8 | -12,8 |
| | Fiompiana sy Jono | 0,8 | 1,4 |
| | Fikarakarana ny ala | -7,4 | -1,9 |
| **Seha-pamokarana faharoa** | | **9,3** | **22,7** |
| | Indostria vaventy | 28,9 | 11,4 |
| | Indostria mpanodina | 183,2 | 219,2 |
| | Angovo | 3,9 | 5,6 |
| | Indostrian-tsakafo | 1,4 | 3,0 |
| | Indostrian'ny zava-pisotro | 1,4 | 3,2 |
| | Indostrian'ny sigara | 2,8 | -12,4 |
| | Indostria fanatavezana hena | 3,4 | 6,6 |
| | Fivarotam-panafody | 1,5 | -6,6 |
| | Indostrian'ny tenina | 1,9 | 0,5 |
| | Indostrian'ny hoditra | 1,4 | 0,6 |
| | Indostrian'ny hazo | -3,9 | 3,3 |
| | Fitaovana fananganan-trano | 2,5 | -7,7 |
| | Indostrian'ny vy | 1,8 | 2,3 |
| | Fitaovam-pitaterana | 1,5 | 2,0 |
| | Fitaovana mandeha amin'ny herinaratra | 1,0 | 1,0 |
| | Indostrian'ny taratasy | 0,0 | 2,9 |
| | Hafa | -7,8 | 2,0 |
| | Orinasa afakaba indostrialy | 3,5 | 5,9 |
| **Seha-pamokarana fahatelo** | | **3,0** | **1,3** |
| | Tao-trano sy Asa vaventy | 3,4 | -2,2 |
| | Fitateran'entana | 3,5 | 3,7 |
| | Fitateran'olona | 10,1 | 3,5 |
| | Fitaterana fanampiny | 7,1 | 3,6 |
| | Fifandraisan-davitra | 4,4 | 8,5 |
| | Varotra | 1,9 | -3,4 |
| | Banky | 5,3 | 8,1 |
| | Fiantohana | 1,4 | 7,8 |
| | Asa voatolotra, orinasa, & sampan-draharaha | 0,8 | 0,8 |
| | Fitantanan-draharaha | 1,1 | 1,0 |
| | Fandaniana tsy voasoratra | 5,3 | 5,0 |
| | **Harin-karena amin'ny saran'ireo entana** | **3,2** | **1,6** |
| | Hetra tsy mivantana | 2,0 | 8,4 |
| | **Fitambaran'ny Harin-karena Faobe** | **3,0** | **2,3** |

*Loharanom-baovao*: INSTAT

Ny fanadihadiana ny fisondrotry ny toekaren'i Madagasikara dia naneho ihany koa ireo vokatra tena nifanohitra momba ny fifandanjana teo amin'ny fivoaran'ny harem-pirenena sy ny fivoaran'ny harin-karena faobe ho an'ny isam-batan'olona. Taorian'ny fihatsaran'ny fiakaran'ny toekarena tamin'ny 2012 (3% raha 1,5% tamin'ny 2011), dia tsapa ny fihenan'ny harin-karena ho an'ny isam-batan'olona (440,2 USD raha 454,2 USD tamin'ny 2011). Toy izany koa ny tamin'ny taona 2013 satria nifanohitra tamin'ny fihenan'ny taham-pitomboan'ny toekarena izay 2,3% sy ny

harin-karena isam-batan'olona nandritra ity vanim-potoana ity izay nihatsara ka tafakatra 461,2 USD.

**Fafana 2**- Tsy fitoviana teo amin'ny fivoaran'ny harin-karem-pirenena isan-taona sy ny harin-karena isam-batan'olona

| | **2011** | **2012** | **2013** |
|---|---|---|---|
| **Taham-pitomboan'ny toekarena (%)** | 1,5 | 3 | 2,3 |
| **Harin-karena isam-batan'olona (amin'ny USD)** | 454,2 | 440,2 | 461,2 |

*Loharanom-baovao*: BCM, Tatitry ny taona 2013

## 2. Fisondrotry ny vidim-piainana sy vidin'entana

Nahitana fihenana ny fisondrotry ny vidim-piainana satria tsy ampy ny fahafaha-manaon'ireo mpanjifa nanoloana ny fitobaky ny tolotra. Raha ampitahaina tamin'ny vinavina tao amin'ny tetibola dia notombanana ho 5,8% ny tahan'ny vidim-piainana raha 7,4% ny vinavina teny am-piandohana. Antony maro no mamaritra ity fiovaovan'ny vidin'entana ity : ny fitazonana ny vidin'ny angovo sy ny fiakaran'ny vidim-bary (1 472,6 Ariary ny kilao raha 1 386,2 Ariary tamin'ny 2012, izany hoe nahitana fiakarana 6,2%). Torak'izany koa dia nahitana fiakarana 8,3% ny vidin'ireo entana ilaina andavanandro raha oharina tamin'ny taon-dasa.

Na izany aza dia saiky marin-toerana ny salam-bidin'ny solika tamin'ny fiakarana 4,3% ho an'ny lasantsy ary 2,3% ho an'ny gazoala. Fepetra iray manokana no noraisina dia ny fanohizana ireo fanampiana mivantana sy ankolaka amin'ireo solika ka nandraisana an-tànana ireo taratasim-bola tsy tao anatin'ny MID, ary tamin'ny taha raikitra. Ny fandraisana anjaran'ny Banky Foibe dia natao tamin'ny fifanarahana mikasika ny solika niarahana tamin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana momba ireo fanafarana solika tamin'ny alalan'ny fivarotana ny vola vahiny amin'ny taha miavaka ka 2 000 Ariary ny USD iray. Isan'ny antony iray tsy azo atao tsinotsinona ihany koa ny politikan'ny vola sy ny takalo nentin'ny Banky Foibe. Ireo fepetra ireo dia tsy nametra ny fiakaran'ny vidin'ny solika ihany fa nampihena ihany koa ny fitotongan'ny Ariary. Vokany, tsy niakatra afa tsy 5,3% ny vidin'ny angovo raha nahatratra 9,2% izany nandritra ny taona 2012.

Na dia nahitana fihatsarana aza ny Ariary ny enim-bolana voalohany, araka ny salan'isa isan-taona, dia nitotongana 3,5% izany raha oharina tamin'ny Euro (2 921,4 Ariary raha 2 821,5

Ariary tamin'ny 2012) ary 0,5% mihoatra tamin'ny USD (2 206,9 Ariary raha 2 195,0 Ariary tamin'ny 2012).

**Fafana 3 –** Fivoaran'ny saran'ny fanjifana araka ny fiova isan-taona (fiova amin'ny %)

| Vanim-potoana | 2012 | 2013 |
|---|---|---|
| **Janoary** | 5,4 | 5,8 |
| **Febroary** | 3,9 | 5,6 |
| **Martsa** | 4,6 | 5,4 |
| **Aprily** | 5,9 | 5,1 |
| **May** | 6,5 | 5,2 |
| **Jona** | 6,6 | 5,5 |
| **Jolay** | 6,1 | 6,0 |
| **Aogositra** | 6,1 | 6,1 |
| **Septambra** | 6,1 | 6,3 |
| **Oktobra** | 6,0 | 6,4 |
| **Novambra** | 6,9 | 6,4 |
| **Desambra** | 6,8 | 6,3 |
| **Salan'isan-taona** | **5,7** | **5,8** |

*Loharanom-baovao*: INSTAT

### 3. Ny sehatra ara-panjakana

Ny Lalàna laharana 2012-021 tamin'ny 17 desambra 2012 mitondra ny Lalàna mifehy ny tetibola 2013 dia nahitana ireo fanovana ankapobeny momba ny fitantanana ny tetibola sy ny vola nentin'ny Governemanta Malagasy nandritra ity vanim-potoana ity. Izany dia nametraka ho tanjona :

- ny fitazonana ny fahamarinan-toeran'ny toekarena ;
- ny fiverenana amin'ny filaminana ara-politika tamin'ny alalan'ny fikarakarana ireo fifidianana ;

- ny fanohizana ny politikan’ny famerana ny tetibola ;
- Ny fampiharana ny politikam-pampandrisihana handoa hetra.

*a)* ***Ireo vola miditra***

Raha nohadihadiana ny firafitr’ireo vola niditra dia hita ny fitomboana samihafa tamin’izany. Ireo fidiram-bola tamin’ny hetra novinavinaina ho 2 451,5 Lavitrisa Ariary dia nahitana fiakarana 8,3% ka ny 52,2% tamin’izany dia avy tamin’ireo hetra anatiny.

Nampiakatra kely ny fitomboana tahaka ny tamin’ny taon-dasa ny fitantanana ireo vola niditra. Raha tsy tafakatra afa tsy 2 380,5 Lavitrisa Ariary ny vola niditra tamin’ny 2012, notombanana ho 2 522,0 Lavitrisa Ariary izany nandritra ny taona 2013, izany hoe fiakarana 6,0% raha 4,8% tamin’ny 2012. Fanampiny, nahitana fiakarana kely 6,6% ny fitambaran’ny vola niditra sy ireo fanomezana izay nitentina 2 818,7 Lavitrisa Ariary raha 2 643,4 Lavitrisa Ariary tamin’ny 2012.

Na dia teo aza ity fiakarana ity, vola mitentina 348,4 Lavitrisa Ariary no tsy tafiditra mihoatra tamin’ny vola miditra 3 167,1 Lavitrisa Ariary novinavinaina tao anatin’ny tetibola.

Mba hiantohana ny politika ara-toekarena sy ara-piarahamonina dia nanetsika ny hetra anatiny ny fanjakana satria tonga miandàlana ny fiverenan’ny famatsiam-bola. Mba hanatrarana izany dia fepetra maro no nampiharina : ny fampihenana ho 20% raha 21% ny tahan-ketra alaina amin’ny vola miditra sy ny mitovy aminy ; ny fampiakarana ny tahan’ny hetra alaina mivantana amin’ny sigara ; ny fanomezana ny hetra tambatra ho an’ny Tranoben’ny Varotra sy ny Indostria ary koa ny hetra alaina amin’ny tombom-barotra momba ny famindran-tompo ny tany ho an’ny Tahirim-bolam-pirenena momba ny Fananan-tany ; ny fanatsorana ireo dingana arahina amin’ny fandoavan-ketra ; ny ady amin’ireo sehatra tsy manara-dalàna ; ny fanohizana ny tsy fampandoavan-ketra amin’ny saram-pandovàna.

Ho an’ny vola niditra tamin’ny fadin-tseranana, nitentina 1 172,3 Lavitrisa Ariary ny fanatanterahana, izany hoe fiakarana 11,8% mihoatra tamin’ny taona 2012. Izany dia noho ny fampiakarana ny TVA alaina amin’ny solika ary koa ny fampiharana ireo fepetra isan-karazany toy ny fanesorana ny hetra sy haba alaina tamin’ireo fitaovana mandeha amin’ny angovo azo havaozina, ny fanesorana ny haban-tseranana tamin’ireo fitaovam-pambolena. Natao ireny mba hampirindrana ny fampiharana ny Lalàna mifehy ny fadin-tseranana.

Ho an'ireo fidiram-bola nanana endrika fanomezana, dia fantatra fa nahitana fiverenana. Niakatra 12,6% ireo fanomezana azo raha oharina tamin'ny fanatanterahan'ny taona 2012. Tafakatra 296,1 Lavitrisa Ariary izany ka ny 99,8% dia avy tamin'ireo fanomezana renivola niaraka tamin'ny fahazoana ireo fanampiana manana endrika sosialy. Ny fanomezana araka izany no nandrafitra ny 10,5% n'ny vola niditra nandritra ity vanim-potoana ity.

Nihena ireo vola niditra tsy hetra tamin'ny taona 2013 ary tsy nisy afa-tsy 70,5 Lavitrisa Ariary.

Farany, araka ny salan'isan-taona, nahafahana nahatratra ny tahan'ny tsindrin-ketra ho 10,5% ireo fepetra nentina hanatsarana ny fidiram-bola raha 11,6% ny tanjona noraiketina tao amin'ny Lalàna mandrafitra ny tetibola voalohany.

**Fafana 4 –** Fivoaran'ny fidiram-bolam-panjakana

| Lohateny | Amin'ny lavitrisa Ar | | Fiova (%) |
|---|---|---|---|
| | 2012 | 2013 | |
| ***FIDIRAM-BOLA*** | **2 380,5** | **2 522,0** | **6,0** |
| **Vola miditra tamin'ny hetra** | 2 263,0 | 2 451,5 | 8,3 |
| ***Fidiram-bola anatiny*** | 1 214,4 | 1 279,2 | 5,3 |
| ***Fidiram-bola tamin'ny varotra ivelany*** | 1 048,6 | 1 172,3 | 11,8 |
| **Vola miditra tsy hetra** | 117,5 | 70,5 | -39,5 |
| ***FANOMEZANA*** | **262,9** | **296,1** | **12,6** |
| **Fanomezana tsotra** | 0,6 | 0,6 | 0,0 |
| **Fanomezana Renivola** | 262,3 | 295,5 | 12,7 |
| **VOLA MIDITRA REHETRA** | **2 643,4** | **2 818,7** | **6,6** |

*Loharanom-baovao*: OGT

### *b) Ireo fandaniana*

Amin'ny ankapobeny dia nahitana fiakarana ny ankamaroan'ny fandaniana ankoatra ny fandoavana ireo zana-bola tamin'ny trosa izay tena nihena noho ny fampihemorana ny fandoavana ireo zana-bola sasan-tsasany sy ny fihenan'ny tahan'ny zana-bola fanefana ny BTA nandritra ity fotoana ity.

Tafakatra 3 235,6 Lavitrisa Ariary ny fitambaran'ny fandaniana raha 2 918,0 Lavitrisa Ariary izany tamin'ny 2012, izany hoe fiakarana nananika ny 10,9%. Amin'ny ankapobeny dia ireo fandaniana andavanandro no nitazona ny ampahany betsaka, izany hoe 77,4% n'ny fandaniana rehetra.

Mahakasika ireo fandaniam-pampiasam-bola, tsikaritra fa niverina tsikelikely ny famatsiam-bola avy any ivelany. Araka izany, raha notombanana ho 595,2 Lavitrisa Ariary izany tamin'ny taon-dasa, dia tafakatra 730,4 Lavitrisa Ariary tamin'ny 2013 ka ny 81,1% dia avy tamin'ireo loharanom-bola ivelany. Naompana indrindra tamin'ireo tetik'asa ara-tsosialy ireo vola niendrika fanomezana sy trosa.

Ireo fandaniana andavanandro dia nahitana fiakarana 7,9% raha 8,4% tamin'ny 2012. Ny fandaniana teo amin'ny fampandehanan-draharaha no nitazona ny ampahany betsaka izay tafakatra 22,6%, arahin'ny fandaniana momba ny fitantanana ny mpiasam-panjakana izay niakatra ho 14,9%. Isan'ireo antony nampiakatra ireo fandaniana tamin'ny karama ny fandoavana ireo tambin-karaman'ny mpampianatra mpikaroka sy ireo mpampianatry ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, ny fanomezana tetibola ahafahana mampiditra mpiasa tamin'ireo hopitaly Manara-penitra ary ny fandoavana ireo vola mangatsiaka mbola tsy voaloan'ny CRCM.

Fanampiny, tamin'ny vinavinam-pandaniana nitentina 3 308,3 Lavitrisa Ariary tao anatin'ny Tetibola 2013 dia 3 235,6 Lavitrisa Ariary ihany ny fandaniana tontosa ka nahatonga ny elanelana 72,7 Lavitrisa Ariary. Tena nahomby araka izany ny fampiharana ireo fepetra ho famerana ny tetibola.

**Fafana 5**- Fivoaran'ireo fandaniam-bolam-panjakana

| **Lohateny** | **Amin'ny Lavitrisa Ar** | | **Fiova (%)** |
|---|---|---|---|
| | **2012** | **2013** | |
| **FANDANIANA MAHAZATRA** | **2 322,8** | **2 505,2** | **7,9** |
| ***Mpiasa*** | 1 167,3 | 1 341,7 | 14,9 |
| ***Fampandehanan-draharaha*** | 702,1 | 860,5 | 22,6 |
| ***Zana-bola tamin'ny trosa anatiny*** | 106,3 | 85,3 | -19,8 |
| ***Zana-bola tamin'ny trosa ivelany*** | 37,7 | 38,7 | 2,7 |
| ***Lahasa hafa an'ny Tahirim-bolam-panjakana*** | 309,4 | 179 | -42,1 |
| **FANDANIANA NY RENIVOLA** | **595,2** | **730,4** | **22,7** |
| ***Tamin'ny famatsiam-bola anatiny*** | 165,2 | 137,7 | -16,6 |
| ***Tamin'ny famatsiam-bola ivelany*** | 430,0 | 592,7 | 37,8 |
| **FANDANIANA REHETRA** | **2 918,0** | **3 235,6** | **10,9** |

Loharanom-baovao : OGT

### *c) <u>Ny famatsiana ny fatiantoky ny tetibola</u>*

Koa satria vola tokony ho niditra 348,4 Lavitrisa Ariary no tsy tafiditra raha ampitahaina tamin'ny vinavina tao amin'ny Tetibola, nampian'ny fitomboan'ny fandaniana, dia tsy nahafahana nitazona ny fiakaran'ny fatiantoka. Tsara ny manamarika fa nihombo ny fatiantoky ny tetibola nandritra ity vanim-potoana ity.

Nandrafitra ny 1,9% n'ny harin-karena tamin'ny 2013 ny fatiantoka ary nihoatra ny vinavina 0,6% noraiketina tao amin'ny Tetibola. Nefa izany dia tafajanona teo ambanin'ny fetra 3% n'ny harin-karena izay fenitra tsy tokony hihoarana raha eo amin'ny sehatry ny fitantanana.

Raha hadihadiana ny famenoana io fatiantoka io dia tsapa ny fivoarana kely teo amin'ireo famatsiam-bola ka ny 51,1% dia avy tamin'ireo loharanom-bola ivelany.

Ny fampihenana ny fanavotam-bidy sy ny fiakaran'ny vola nalaina tamin'ireo findramam-bola ho an'ny tetik'asa teo amin'ny sehatra sosialy dia nandray anjara tamin'ny fitomboan'ny famatsiam-bola avy any ivelany ary nahafahana nameno ny fatiantoka hatramin'ny 233,7 Lavitrisa Ariary.

Nandray anjara betsaka tamin'ny famatsiana anatiny ny rafitra ara-banky tamin'ny fampidirany vola nitentina 440,0 Lavitrisa Ariary raha 266,2 Lavitrisa Ariary fotsiny tamin'ny taon-dasa. Ny rafitra tsy ara-banky dia tsy nampiditra afa tsy 63,4 Lavitrisa Ariary tamin'ny alalan'ny fanokafana BTA raha ampitahaina amin'ny fandoavana 100,6 Lavitrisa Ariary ny taona 2012.

**Fafana 6 –** Fiova isan-taona teo amin'ny fatiantoky ny tetibola

| **Lohateny** | **Amin'ny Lavitrisa Ar** | | **Fiova (%)** |
|---|---|---|---|
| | **2012** | **2013** | |
| **FAMATSIAM-BOLA IVELANY AFA-KARATSAKA** | **98,4** | **233,7** | **137,6** |
| ***Fangalana vola (tetik'asa)*** | 167,7 | 297,1 | 77,2 |
| ***Fanavotam-bidy*** | -69,3 | -63,4 | -8,5 |
| **FAMATSIAM-BOLA ANATINY AFA-KARATSAKA** | **165,6** | **503,4** | **204,0** |
| ***Rafitra ara-banky*** | 266,2 | 440,0 | 65,3 |
| ***Rafitra tsy ara-banky (BTA)*** | -100,6 | 63,4 | -163,0 |
| ***Dépôts des correspondants du Trésor net*** | 38,7 | -268,1 | -792,8 |
| **FITAMBARAN'IREO FAMATSIAM-BOLA** | **264** | **737,1** | **179,2** |

*<u>Loharanom-baovao</u>: BCM, Tatitry ny taona 2013*

### 4. Ny sehatra ivelany

Nahitana fihenana 28,5% ireo famatsiam-bola mivantana avy any ivelany nandritra ny taona 2013. Izany indrindra no nitarika ny fihenana goavana 241,8 tapitrisa DTS teo amin'ny famadihana ho renivola sy ho vola, izany hoe fihenana 47,3%.

Satria tsy nitsahatra ny Fanjakana nanohana ireo atrik'asa fanondranana, dia nahafahana nampiditra vola 1 265,1 tapitrisa DTS raha 989,7 tapitrisa DTS fotsiny izany tamin'ny 2012, izany hoe fiakarana 27,8%. Andaniny, ireo fanafaran'entana dia nahatratra 1 823,1 tapitrisa DTS tamin'ny 2013. Ny fampifandanjana ankapobeny tamin'ny fiafaran'ny taona dia namoaka ny fatiantoka 174,0 tapitrisa DTS.

Mikasika ny varotra ivelany manokana dia tafakatra hatramin'ny 4 202,1 Lavitrisa Ariary ny vola niditra, ka ny ampahany betsaka tamin'izany dia avy tamin'ny fanondranana nickel sy cobalt tao Ambatovy. Izy araka izany no nandrafitra ny 22,5% n'ny vola niditra rehetra. Raha nahitana fiakarana 24,7% ny vola niditra tamin'ireo vokatra avy amin'ny biby, nihena 12,6% kosa ny vokatra avy amin'ny zava-maniry noho ny fihenana tafahoatra teo amin'ny fatran'ny jirofo izay naondrana (-45,2%). Farany, nihena izany na teo amin'ny habetsahany na teo amin'ny vidiny ho an'ireo vokatra avy tamin'ireo indostria ara-tsakafo, ny siramamy dia tsy nampidi-bola afa tsy 1,6% tamin'ny fanondranana raha 2,2% tamin'ny 2012.

Tsy niova ny firafitr'ireo trosa : nibahan-toerana hatrany ireo trosa ivelany. Ireto farany dia nahitana 96,2% n'ny trosam-panjakana, ary 0,7% ihany ny trosa tsy miankina. Raha sandaina, ny trosa ivelany dia tafakatra 1 615,51 tapitrisa DTS tamin'ity vanim-potoana ity raha 1 538,39 tapitrisa DTS tamin'ny taona 2012, izany hoe fiakarana 5%. Marihina fa tsapa ny fihenan'ireo trosam-panjakana amin'ireo mpamatsy vola toa an'ny BAD (40,3%) sy ny FMI (12,4%). Izany dia nahafahana nampihena ny trosa ivelany mihoatra amin'ny harin-karena faobe izay notombanana ho 23,1% raha 23,8% tamin'ny taon-dasa.

## III- FANADIHADIANA NY FIHATSARAN'IREO ATRIK'ASAM-PANJAKANA

Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fitantanam-bolam-panjakana ny tombana eo amin'ny fitantanana ny fihatsarana ary isan'ireo singa nandrafetana ny Lalàna fandravonana ny Tetibola natomboka tamin'ny taona 2009. Araka izany, ny endriky ny fihatsarana dia fitaovam-pitantanana iray ho enti-manatsara ny fahombiazan'ny fandaniam-bolam-panjakana ho amin'ny fitantanana ahitam-bokatra ara-piaraha-monina sy toekarena mifanaraka amin'ny vinavina izay efa nofaritana mialoha.

Araka izany dia ho fintinina ao anatin'ny takelaka « fanadihadiana ny fihatsarana » ireo fanatanterahana mivaingana isaky ny Andrim-panjakana sy Ministera izay tena niavaka indrindra tamin'ny taona 2013, izay notsongaina tao anatin'ireo Tatitra momba ny Fihatsarana voasonian'ireo Tompon'andraikitry ny Fandaharan'asa. Ny antsipiriany kosa nefa dia ho raiketina ao anatin'ny tovana ampiarahina tamin'ity lalàna ity. Teo amin'ny fampiharana ny tetibola ara- pandaharana, dia ho aseho amin'ny fanadihadiana ireo fanatanterahana ara-bola ary indrindra koa ny fihatsarana izay ao anatin'ny tondrom-pahombiazana (fahatratrarana ny tanjona marina) sy ny tondrom-pahamafisana (amin'ny sarany ambany).

## A. Fanadihadiana ny fihatsaram-pirenena

Tamin'ny taona 2013 dia nahitana Andrim-panjakana dimy (05) sy Ministera dimy amby telopolo (35). Mialohan'ny hanehoana ireo fivoaran'ny fihatsarana tamin'ireo telo taona nisesy lasa dia tsara raha averina etoana ireo fanatanterahana ankapobeny mivaingana sy ara-bola tamin'ny fitantanana ny 2013.

### 1. Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola isaky ny Andrim-panjakana sy Ministera tamin'ny 2013 (Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana)

Tamin'ny fanatanterahana ny politikany, ny fitondrana Malagasy dia niasa mba hanatanterahana ireo iraka 51, nivondronan'ny fandaharan'asa 135 ary mifantoka amin'ny tanjona 340. Ny tetibola natokana ho an'ireto fandaharan'asa ireto dia tafakatra 3 122 048 952 Ariary ho an'ireo sehatra rehetra, nefa 2 439 638 093,591 Ariary ihany no lany, izany hoe taham-pampiasana ny tetibola 78,14%. Teo amin'ny fanatanterahana mivaingana, tondromarika 787 no noraiketina ho enti-manombana ireo vokatra azo tamin'ireo atrik'asa natao, ka 282 ihany no nahatratra 100% ny tanjona nokendrena, izany hoe taham-panatanterahana 35,83%. Ho an'ireo tondromarika sasany, 437 no tsy tratra ary 50 no tsy ananana antontanisa. Fintinina ao anatin'ireto sary ambany ireto ireo teny nifanomezana fototra sy fanatanterahana vita tamin'ny 2013.

**Fafana 7-** Famintinana ny fihatsarana sy ny fandaniana ny sora-bola

| **Amin'ny isa** | | | | | | (Amin'nyAriary) | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Andrim-panjakana/Ministera** | **Iraka** | **Fandaharan'asa** | **Tanjon'ny fihatsarana** | **Zava-kendrena** | **Zava-bita** | **Sora-bola voalohany** | **Fandaniana** |
| **40** | 51 | 135 | 340 | 787 | 282 | 3 122 048 952 000 | 2 439 638 093 591,23 |

*Loharanom-baovao* : *RAP sy CGAF 2013*

**Fafana 8 –** Fintina ho an'ireo RAP 2013

| KAOD – MIN | Andrim-panjakana sy Ministera | Irak | Fand. | Tanj. | Tond. Tanj. | Tond. Tratra | Tond. Tsy tratra | Tsy voaf aritra | Hafa |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 01 | **Fiadidiana ny Tetezamita** | 1 | 5 | 10 | **27** | 10 | 17 | | |
| 02 | **Filan-kevitra Ambonin'ny Tetezamita** | 1 | 2 | 3 | **8** | 5 | 3 | | |
| 03 | **Kongresin'ny Tetezamita** | 1 | 2 | 3 | **4** | 1 | 3 | | |
| 04 | **HCC** | 1 | 2 | 3 | **6** | 4 | 2 | | |
| 05 | **Primatiora** | 1 | 4 | 27 | **74** | 30 | 37 | 3 | 4 |
| 10 | **Ministeran'ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana** | 1 | 3 | 10 | **10** | 4 | 6 | | |
| 11 | **Ministeran'ny Raharaham-bahiny** | 1 | 2 | 8 | **32** | 15 | 17 | | |
| 12 | **Ministeran'ny Fiarovam-pirenena** | 2 | 6 | 7 | **20** | 5 | 8 | 7 | |
| 13 | **Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarmaria** | 1 | 5 | 11 | **11** | 0 | 11 | | |
| 14 | **Ministeran'ny Atitany** | 1 | 3 | 13 | **24** | 12 | 10 | | 2 |
| 15 | **Ministeran'ny Filaminana Anatiny** | 1 | 2 | 5 | **12** | 5 | 7 | | |
| 16 | **Ministeran'ny Fitsarana** | 1 | 3 | 9 | **30** | 9 | 20 | | 1 |
| 17 | **Ministeran'ny Fitsinjaram-pahefana** | 1 | 2 | 7 | **8** | 4 | 4 | | |
| 21 | **Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola** | 1 | 6 | 30 | **108** | 36 | 55 | 12 | 5 |
| 25 | **Primatiora Lefitra misahana ny Toekarena sy ny Indostria** | 2 | 4 | 7 | **8** | 3 | 5 | | |
| 32 | **Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy** | 3 | 7 | 9 | **79** | 22 | 56 | | 1 |
| 35 | **Ministeran'ny Fizahan-tany** | 1 | 3 | 3 | **4** | 3 | 1 | | |
| 36 | **Ministeran'ny Varotra** | 1 | 2 | 3 | **6** | 3 | 3 | | |
| 37 | **Ministeran'ny Fifandraisana** | 1 | 3 | 7 | **10** | 6 | 4 | | |
| 38 | **Ministera misahana ny Fampiroboroboana ny Taozavatra** | 1 | 2 | 2 | **2** | 1 | 1 | | |
| 41 | **Ministeran'ny Fambolena** | 1 | 3 | 13 | **32** | 13 | 18 | | 1 |
| 42 | **Ministeran'ny Fiompiana** | 1 | 2 | 6 | **15** | 4 | 10 | 1 | |
| 43 | **Ministeran'ny Jono sy ireo Harena an-dranomasina** | 1 | 2 | 8 | **13** | 4 | 9 | | |
| 45 | **Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Ala** | 1 | 3 | 5 | **7** | 5 | 2 | | |
| 51 | **Ministeran'ny Angovo** | 1 | 2 | 8 | **8** | 0 | 7 | | 1 |
| 52 | **Ministeran'ny Rano** | 1 | 2 | 4 | **10** | 4 | 6 | | |
| 53 | **Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany** | 1 | 2 | 2 | **4** | 3 | 1 | | |
| 54 | **Ministeran'ny Solika** | 1 | 2 | 2 | **4** | 0 | 4 | | |
| 61 | **Ministeran'ny Asa Vaventy sy ny Famantarana ny toetr'andro** | 2 | 4 | 8 | **14** | 5 | 9 | | |
| 62 | **Primatiora Lefitra misahana ny Fampandrosoana sy ny Fanajariana ny Tany** | 2 | 4 | 7 | **16** | 3 | 12 | 1 | |
| 63 | **Ministeran'ny Fitaterana** | 1 | 3 | 7 | **15** | 8 | 7 | | |
| 66 | **Ministeran'ny Fifandraisan-davitra, ny Paositra ary ny Teknolojia Vaovao** | 2 | 2 | 2 | **2** | 0 | 2 | | |
| 71 | **Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka** | 1 | 6 | 22 | **55** | 25 | 28 | 2 | |
| 75 | **Ministeran'ny Tanora sy ny Fialam-boly** | 2 | 3 | 8 | **22** | 8 | 12 | | 2 |
| 76 | **Ministeran'ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy** | 2 | 7 | 31 | **53** | 3 | 25 | 24 | 1 |
| 78 | **Ministeran'ny Fanatanjahan-tena** | 1 | 2 | 6 | **7** | 2 | 5 | | |
| 81 | **Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena** | 2 | 7 | 8 | **11** | 7 | 4 | | |
| 83 | **Ministeran'ny Fampianarana Teknika sy Fampiofanana arak'asa** | 1 | 2 | 4 | **4** | 2 | 2 | | |
| 84 | **Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika** | 2 | 4 | 7 | **7** | 7 | 0 | | |
| 86 | **Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Vakoka** | 1 | 5 | 5 | **5** | 1 | 4 | | |
| **FITAMBARANY** | | **51** | **135** | **340** | **787** | **282** | **437** | **50** | **18** |
| **Taham-panatanterahana amin'ny %** | | | | | | **35,83** | **55,53** | **6,35** | **2,29** |

*Loharanom-baovao : RAP 2013*

**Kisary 1-** Fanatanterahana ireo tondromarika isaky ny Andrim-panjakana sy Ministera




*Loharanom-baovao* : *RAP 2013*

Avoakan'io kisary io fa tsy tratra ny ankamaroan'ireo tondromarika natao hanombanana ny fanatanterahana ireo fandaharan'asa. Sakana maro momba ny fitantanana ny fihatsarana no hita tamin'ny alalan'ny fanadihadiana ireo RAP. Isan'ireo olana azo lazaina manokana ny tsy fahampiana ara-bola tamin'ny fanatanterahana ireo fandaharan'asa novinavinaina, izay vokatry ny fampiharana ny fampihenana ny tetibola sy ny taham-pandaminana..Nanampy izany ny tsy famaritana mazava ireo tanjona kendrena izay nahatonga ny elanelana goavana tsapa teo amin'ireo tanjona napetraka teny am-piandohana sy ireo zava-bita tamin'ny fiafaran'ny taona. Nefa na dia mbola eo amin'ny dingana voalohany hatrany aza ny tombana ho an'ny fihatsaran'ny sehatra ara-panjakana izay efa nanomboka tamin'ny 2009, dia marihina tsara ihany fa mbola tsy ampy hatrany ireo antontanisa ao tao anatin'ny RAP satria ny ankamaroan'ireo elanela-panatanterahana tamin'ireo departemanta dia tsy nahitana afa tsy fanazavana kely dia kely na tsy nazavaina mihitsy aza.

## 2. Fivoaran'ny fihatsaram-pirenena tao anatin'ny telo taona

Nahitana fitomboana ny isan'ireo tondromarika raha ampitahaina tamin'ireo taona roa teo aloha. Araka izany , andaniny dia tondromarika 732 no hita tamin'ny taona 2011 ka ny 37,84% no tratra, ary tondromarika 735 ankilany, ho an'ny taona 2012 ka ny 45,17% no tanteraka. Nihena ny tahan'ireo tondromarika tratra ny taona 2013 izay tsy nahatanteraka afa tsy 35,83%. Amin'ny ankapobeny dia tsy niova firy ireo vokatra teo amin'ny fihatsarana, nihena aza raha oharina

tamin'ireo fanatanterahana mivaingana tamin'ny taon-dasa. Ireo kisary manaraka dia anehoana ny endriky ny fihatsarana ho an'ny taona 2011, 2012, ary 2013.

**Fafana 9-** Fivoaran'ny fihatsarana ny 2011 hatramin'ny 2013

| Taona | Voarakitra | Tratra | Tsy Tratra | Tsy misy antontanisa | Hafa |
|---|---|---|---|---|---|
| **2011** | 732 | 277 | 389 | 46 | 20 |
| | | 37,84%, | 53,14% | 6,28% | 2,73% |
| **2012** | 735 | 334 | 361 | 22 | 18 |
| | | 45,44% | 49,12% | 2,99% | 2,45% |
| **2013** | 787 | 282 | 437 | 50 | 18 |
| | | 35,83% | 55,53% | 6,35% | 2,29% |

*Loharanom-baovao: RAP 2011, 2012 ary 2013*

**Kisary 2-** Fivoaran'ny fihatsarana ny 2011 hatramin'ny 2013 (amin'ny %)




*Loharanom-baovao : RAP 2011, 2012 ary 2013*

## B. Fanadihadiana ny fihatsarana isan-tsehatra

Mba hanombanana tsaratsara kokoa ny vokatr'ireo atrik'asa natao teo amin'ny politika ara-tsosialy sy ara-toekarena malagasy dia hozaraina amin'ny sehatra efatra (04) ny fanadihadiana : fitantanan-draharaha, sosialy, famokarana ary fotodrafitrasa. Tsara ny milaza fa ny Ministeran'ny Fampianarana ambony sy ny Fikarohana Siantifika ihany no nahatanteraka 100% ny tanjona napetraka. Tsy nisy tondromarika tratra 100% kosa ho an'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria, ny Ministeran'ny Angovo, ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Ala, ny Ministeran'ny Solika sy ny Ministeran'ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao.

Ireo kisary manaraka dia maneho ny fampiasana ny tetibola ary koa ny fintina ho an'ny fihatsarana isan-tsehatra.

**Fafana 10-** Fitsinjarana ireo sora-bolan'ny Tetibola ankapobe sy taham-panatanterahana ny tetibola isaky ny sehatra

| | **Amin'ny Ariary** | | | **Amin'ny %** | |
|---|---|---|---|---|---|
| **Sehatra** | **Sora-bola farany** | **Fandaniana** | **Sora-bola tsy nampiasaina** | **Taham-panatanterahana** | **Anjara ao amin'ny TAF** |
| **Fitantanan-draharaha** | 1 677 206 377 00,00 | 1 505 946 885 777,11 | 24 339 974 722,89 | 89,79 | 53,72 |
| **Fotodrafitrasa** | 263 677 897 000,00 | 99 645 257 036,10 | 15 060 131 778,90 | 37,79 | 8,45 |
| **Famokarana** | 210 589 196 000,00 | 56 594 509 619,91 | 14 738 399 952,09 | 26,87 | 6,75 |
| **Sosialy** | 970 575 482 000,00 | 777 451 441 158,11 | 62 528 806 341,19 | 80,10 | 31,09 |
| **TOTALY** | **3 122 048 52 000,00** | **2 439 638 093 591,23** | **116 667 312 795,07** | | |

*Loharanom-baovao* : CGAF 2013

**Kisary 3-** Fitsinjarana ireo sora-bola faran'ny tetibola ankapobe isaky ny sehatra




*Loharanom-baovao* : CGAF 2013

**Fafana 11-** Fanatanterahana ireo tondromarika isaky ny sehatra

| Sehatra | Tondromarika | Tratra | Tsy Tratra | Tsy misy antontanisa | Hafa |
|---|---|---|---|---|---|
| **Fitantanan-draharaha** | 388 | 146 | 208 | 22 | 12 |
| | 100% | 37,63% | 53,61% | 5,67% | 3,09% |
| **Sosialy** | 243 | 77 | 136 | 26 | 4 |
| | 100% | 31,69% | 55,97% | 10,70% | 1,65% |
| **Famokarana** | 81 | 33 | 46 | 1 | 1 |
| | 100% | 40,74% | 56,79% | 1,23% | 1,23% |
| **Fotodrafitrasa** | 75 | 26 | 47 | 1 | 1 |
| | 100 | 34,67% | 62,67% | 1,33% | 1,33% |

<u>*Loharanom-baovao*</u> : RAP 2013

**Kisary 4 -** Fanatanterahana ireo tondromarika isaky ny sehatra (amin'ny %)




<u>*Loharanom-baovao*</u> : RAP 2013

## 1. <u>SEHATRA FITANTANAN-DRAHARAHA</u>

Ny sehatra fitantanan-draharaha no nampivondronana ireo atrik'asa ataon'ny Governemanta ka ny tanjona dia ny hamaly ireo filana ho an'ny tombontsoa ankapoben'ny mponina toy ny fandriam-pahalemana, ny fandehanan'ny raharaham-panjakana, ny fitsarana, sns… Manoloana ny halehiben'ireo iraka iandraiketany dia nozaraina tamin'ny sehatra fitantanan-draharaha ny ampahany betsaka tamin'ireo sora-bola tao amin'ny tetibolam-panjakana, izany hoe ny 53,72%, izay nitentina 1 677 206 377 000 Ariary. Tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana dia ny 89,79% n'io sora-bola io no lany. Ka 24 339 974 722,89 Ariary no tsy nampiasaina.

Ahitana Andrim-panjakana dimy (05) sy Ministera iraika ambin'ny folo (11) ity sehatra ity, dia ny : Fiadidiana ny Repoblika, Filan-kevitra Ambonin'ny Tetezamita, Kongresin'ny Tetezamita, Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, Fiadidiana ny Praiminisitra,

Ministeran'ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana, Ministeran'ny Raharaham-bahiny, Ministeran'ny Fiarovam-pirenena, Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarmariam-pirenena, Ministeran'ny Atitany, Ministeran'ny Filaminana Anatiny, Ministeran'ny Fitsarana, Ministeran'ny Fitsinjaram-pahefana, Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, Primatiora Lefitra misahana ny Toekarena sy ny Indostria, Ministeran'ny Varotra.

Nahitana fihenana kely teo amin'ireo fanatanterahana satria tamin'ny taon-dasa dia nananika ny 44,14% ny taham-panatanterahana ireo tondromarika, ary nihena izany tamin'ny 2013 ka tsy nahatratra afa tsy 37,63%. Tsara ny mampatsiahy fa nahitana fitomboana ireo tondromarika voasoratra ary mihoatra ny isany raha oharina tamin'ny 2012, izay nanana tondromarika 333 raha 388 tamin'ny 2013. Fintinina ao anatin'ireto sary ambany ireto ireo fanatanterahana lehibe tao amin'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2013.

**Fafana 12-** Famintinana ny fihatsarana sy ny fandaniana ny sora-bolan'ny sehatra fitantanan-draharaha

| Amin'ny isa | | | | | | Amin'ny Ariary | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Andrim-panjakana/ Ministera** | **Iraka** | **Fandaharan'asa** | **Tanjon'ny fihatsarana** | **Zava-kendrena** | **Zava-bita** | **Sora-bola voalohany** | **Fandaniana** |
| **16** | 18 | 53 | 156 | 388 | 146 | 1 677 206 377 000 | 1 505 946 885 777,11 |

*Loharanom-baovao* : RAP sy CGAF 2013

**Fafana 13-** Fihatsaran'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2013

| **Voasoratra** | **Tratra** | **Tsy tratra** | **Tsy misy antontanisa** | **Hafa** |
|---|---|---|---|---|
| **388** | 146 | 208 | 22 | 12 |
| **100%** | 37,63% | 53,61% | 5,67 % | 3,09% |

*Loharanom-baovao* : RAP 2013

**Kisary 5-** Fihatsaran'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2013




**Fiadidiana ny Repoblika**

Ny Fiadidiana ny Repoblika no miantoka ny fampandehanana ireo fahefam-panjakana sy ny fitohizan'ny fitantanam-panjakana. Raha 36 372 209 000 Ariary ny sora-bola nomena azy teny am-piandohana, tsy nahalany afa tsy ny 73,20% izy tamin'ny fiafaran'ny taona, izany hoe vola nitentina 26 625 691 180,01 Ariary. Noho ny fahafahana ara-bola teo amin'ity Andrim-panjakana ity dia nampihatra fandaharan'asa dimy (05) izy izay nampivondrona tanjona folo (10). Tamin'ny

taon-dasa dia tondromarika 39 no voasoratra mba hanombanana ny fihatsaran'ireo atrik'asany, nihena io tarehimarika io ka 27 fotsiny tamin'ny 2013 ary ny folo (10) tamin'ireo ihany no nifanaraka tamin'ny vinavina.

Fintinina araka izao manaraka izao ireo fanatanterahany nandritra ny taona 2013 :

- fikarakarana ireo hetsika fanentanana nataon'ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly (BIANCO) ;
- fanamafisana ny maha tany tan-dalàna tamin'ny alalan'ny fampiharana ireo fitsipika fototra mifandray amin'izany, ny fampiofanana ireo tompon'andraikitra izay nihoatra ny vinavina satria ireo mpiofana ihany no niantoka ny saram-piofanany.

Na dia teo aza ny fihatsarana, olana maro no nanakana ny fanohizana ireo tanjona sasany toy ny tsy fahampian'ny isan'ny fankatoavana mba hampihenana ny kolikoly ary koa ny fampihantonana ara-bola izay niantraika tamin'ny fanatsarana ny fanampiana ireo tena mahantra sy malemy ara-pivelomana.

**<u>Filan-kevitra Ambonin'ny Tetezamita</u>**

Ny Filan-kevitra Ambonin'ny Tetezamita dia nampiasa fandaharan'asa roa (02) : ny iray dia momba ny fitantanana sy fandrindrana ary ny iray dia ny fanohanana ireo mpikambana amin'ity Andrim-panjakana ity. Ny sandan'ireto fandaharan'asa rehetra ireto dia tafakatra 15 257 012 927,87 Ariary tamin'ny farany, izany hoe taham-pampiasana tetibola 96,61%. Dimy (05) tamin'ireo tondromarika valo (08) notazonina no nifanaraka vinavina.

Mikasika ny fandaharan'asa voalohany, ny tanjona dia ny hanamafisana ireo asa aman-draharaham-panjakana, tondromarika roa (02) tamin'ireo telo (03) no tanteraka tamin'ny 2013 : ny salan'ny fe-potoana fikirakirana ireo antontan-taratasy sy ny isan'ny antontan-taratasy voadinika ho an'ny fampandehanan-draharaha.

Ny fandaharan'asa faharoa dia nanana tondromarika telo (03) tratra tamin'ireo dimy (05) novinavinaina. Ny tena niavaka dia ny fandraisana ireo taratasy fanaraha-maso ny asan'ny governemanta, ka 41 no voaray raha dimy (05) ny vinavina teny am-piantombohana, noho ny fihaonana tamin'ny governemanta sy ireo vondrom-panadihadiana parlemantera. Valin'izay dia nihena be ny fitsidihana vita tany amin'ireo Vondrom-Paritra Itsinjaram-pahefana satria nifantoka tamin'ny fanaovana ireo fifidianana ny Andrim-panjakana mpanao lalàna ny atrik'asany.

**Kongresin'ny Tetezamita**

Sora-bola 24 585 585 000 Ariary no natokan'ny Lalàna mifehy ny Tetibola ho fampandehanan-draharahan'ny Kongresin'ny Tetezamita. Ny fandaniana marina vitany dia tafakatra 23 414 022 334,46 Ariary, izany hoe taham-pampiasana ny tetibola nananika ny 95,23%. Tamin'ny vola azony nampiasaina dia nanangana fandaharan'asa roa (02) ny Kongresin'ny Tetezamita, nanana tanjona telo (03) ary notombanana tamin'ny tondromarika efatra (04) ka ny iray amin'ireo no nahatratra ny tanjona.

Ity tondromarika tokana tanteraka ity dia mikasika ny fanatsarana ny fampandehanana ny fitantanana tamin'ny alalan'ny fikirakirana ara-potoana ireo antontan-taratasim-panjakana, izay voasoratra tao anatin'ny fandaharan'asa « fitantanana sy fandrindrana ».

Ho an'ny fandaharan'asa « fanjakana tsara tantana », nitovy tamin'ny taon-dasa ireo fanatanterahana satria tsy nisy tanjona tanteraka mihintsy. Raha ny fampihenana ny fe-potoanan'ny fivoriana ara-potoana faharoa 2013 no antony nampihena ny isan'ireo lalàna voafidy sy ny isan'ireo fanaraha-maso vita ; ny fampiharana ny politikan'ny fitsitsiana tamin'izany fotoana izany kosa no nitarika ny fihenan'ny isan'ny fandraisana anjara tamin'ireo fivoriana iraisam-pirenena.

**Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana**

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana dia Andrim-panjakana misahana ny fitsarana ny maha araka ny Lalàm-panorenana ireo fifanarahana, ireo lalàna, ireo Didim-panjakana, ary ireo fitsipika hafa. Mba hampandehanana izany dia nahazo 3 918 101 000 Ariary izy ny fiandohan'ny taona, nefa 3 188 350 764,8 Ariary ihany no lany. Teo amin'ny fitantanana ny politikany dia fandaharan'asa roa no norafetina, « fitantanana sy fandrindrana » sy « fanjakana tsara tantana », tanjona telo (03) no notohizana ary tondromarika enina (06) no noraiketina.

Fanatsarana niavaka no hita tamin'ny fandaharan'asa « fanjakana tsara tantana » raha ampitahaina tamin'ireo fanatanterahana tamin'ny taon-dasa satria tanteraka avokoa ireo tanjona nofaritana ary nihoatra daholo mihitsy aza. Ny tanjona hampivelarana ny fanjakana tan-dalàna sy ny demokrasia ihany koa dia tratra araka izay nantenain'ny Fitsarana Avo. Ity fihatsarana ity dia vokatr'ireo ezaka natao teo amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpikirakira ny dingam-pifidianana. Ambonin'izany, nohamoraina ny fahafahan'ny vahoaka mandray ireo didy, fanapahan-kevitra ary fampahafantarana tamin'ny alalan'ny famoahana izany tao anatin'ny tranon-kalam-pifandraisana.

Nefa ny fampiharana ny taham-pandaminana izay nametra ireo fahafaha-manao dia niteraka vokatra ratsy teo amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny asa vita ary koa teo amin'ny fanohanana ara-pitaovana ity Andrim-panjakana ity.

**Fiadidiana ny Praiminisitra**

Izy no misahana ny fitantanana ny Politikam-panjakana amin'ny ankapobeny, mitantana ny asan'ny Governemanta sy miantoka ny fanatanterahana ireo lalàna. Hanaovana izany, 60 202 668 000 Ariary no nomena azy, nefa tamin'ny farany dia nihena ho 32 656 906 810,20 Ariary ny fanatanterahana ara-bola, izany hoe saiky ny antsasaky ny fandaniana novinavinaina. Tamin'ny 2013, ireo tanjona 27 napetraka dia natao hanatanterahana ireo fandaharan'asa efatra (04) tao amin'ity Andrim-panjakana ity ka ny fahatratrarana izany dia norefesina tamin'ny alalan'ny tondromarika 74, izany hoe fitomboana tondromarika miisa 13 raha oharina tamin'ny taon-dasa.

Ny fampiharana ireo atrik'asany dia nahazoana ireto vokatra manaraka ireto :

- *Ho an'ny fandaharan'asa « fitantanana sy fandrindrana »* : fandrafetana volavolan-dalàna fototra momba ny fiarovana, fikarakarana atrikasa sy seminera momba ny ady amin'ny zava-mahadomelina ; ary fanatsarana sy fanavaozana ny fahafantarana ireo lalàna misy.
- *Ho an'ny fandaharan'asa « fampandrosoana ny ambanivohitra »* : fikarakarana fivoriana fikaonan-doha 105 (tamin'ireo 25 novinavinaina) momba ny fampiharana ny politika sy paik'ady ho an'ny sehatra ara-pambolena sy ny ambanivohitra ary fampandehanana ireo Tambazotram-pandinihina ny tontolo ambanivohitra miisa dimy (05).
- *Ho an'ny fandaharan'asa « fanjarian-tsakafo sy filaminana ara-tsakafo »* : fanabeazana ara-tsakafo ho an'ireo reny mitaiza ankizy latsaky ny dimy taona (1 002 797 raha 950 000 ny vinavina) sy fanamboarana ireo fotodrafitr'asa rehetra potika niharan'ireo loza.
- *Ho an'ny fandaharan'asa « firaisankinam-pirenena »*, notombanana ho 1% ny fahalemena miatrika ireo loza raha 25% ny vinavina.

Ny fampihantonana ny sora-bola no tena antony goavana nahatonga ny hakelezan'ny fihatsarana hita tamin'ireo vokatra sasany: isan'ireny ny fampihatoana ny dingana fitsinjarana ireo tsenam-barotra tamin'ny alalan'ny tolo-bidy, ny tsy fandraisana anjaran'ireo vondrom-paritra misahana ny fandrindrana ny ady amin'ny zava-mahadomelina, ny tsy fahatanterahan'ireo fanadihadiana momba ireo antony mahatonga ny fandraisana zava-mahadomelina sy ny fihenanan'ireo fitaovana manokana ilaina ho amin'ny fandriam-pahalemana.

**Ministeran'ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana**

Ministera naorina nandritra ny fotoanan'ny tetezamita, nahazo sora-bola 2 493 289 000 Ariary ka nahatratra 1 944 915 908,21 Ariary ny fandaniany. Tamin'ireo loharanom-bolany io dia nampiasa fandaharan'asa telo (03) izy mba hanatanterahany ny iraka iandraiketany dia ny : fitantanana sy fandrindrana, fampirindrana ny fifandraisan'ireo Andrim-panjakana sy ny fanandratana ny fanjakana tsara tantana sy ny fampivelarana ny maha-olom-pirenena.

Tao anatin'ity fijery ity dia tanjona folo (10) no nofaritana, ireto fanatanterahana lazaina manaraka ireto no tena nanamarika ny taona 2013:

- fandrafetana ireo taratasy momba ny dingana nivoahana tamin'ny krizy ;
- fandrafetana ny kisary mpitari-dàlana ho an'ny fitantanana ny krizim-piarahamonina politika tamin'izany fotoana sy ny taratasim-panekena ho fanatanterahana fifidianana ampilaminana.
- fanamafisana ny « Fihavanana » tamin'ny alalan'ny fampandehanana ny asan'ny Filan-kevitry ny Fampihavanana Malagasy (FFM).

Ankilany kosa, ny tsy fahampiana ara-bola araka ny fanazavana voaray no isan'ny sakana tamin'ny fanatanterahana ireo tanjona sasany, dia ny fihenan'ny isan'ny fitaovana azo sy namboarina sy ny isan'ireo mpiasa nampiofanina ; ary ny fihenan'ny isan'ny lalàna norafetina.

**<u>Ministeran'ny Raharaham-bahiny</u>**

Mba hitantanana ny politikan'ny raharaham-bahiny dia tetibola nitentina 47 051 524 000 Ariary no nomena ny Ministera, nefa ny fiafaran'ny taona dia ny 79,74% ihany no lany. Ny Ministera dia nampiasa fandaharan'asa roa (02) « fitantanana sy fandrindrana » sy « Diplomasia sy Fiaraha-miasa », ny voalohany dia nanana tanjona roa (02) raha enina (06) kosa ny an'ny faharoa. Raha atambatra dia nahitana tondromarika 32, ny 15 no tratra ary 17 kosa no tsy tratra .

Ambany dia ambany ny vokatra ho an'ny fandaharan'asa voalohany raha nampitahaina tamin' ireo tanjona sy ireo fanatanterahana tamin'ny taon-dasa. Tao anatin'izany indrindra ny fiofanana ho an'ireo mpiasa sy ny fametrahana tambazotra ara-solosaina mifandraika amin'ny asa momba ny diplomasia.

Na dia izany anefa, afaka nohamafisina hifanaraka tamin'ny tanjona voasoratra tao amin'ny fandaharan'asa faharoa ny toeran'i Madagasikara teo anivon'ireo ambaratongam-piarahamiasa marolafy. Ity fihatsarana ity dia vokatra tamin'ny fanatrehan'ireo mpitondra ny fivoriana sy seminera marolafy miisa 23, tamin'ny fandraisan'i Madagasikara fivoriana iraisam-pirenena roa sy trano heva ary tamin'ny fikarakarana ireo fitsidihana ofisialy nataon'ireo tompon'andraikitr'ireo mpiara-miasa marolafy teto Madagasikara. Ambonin'izay, azo natao ny nanohana ny endriky ny diplomasia malagasy tamin'ireo sampan-draharaha ivelany satria tanteraka ny 75% n'ireo asa nifandraika tamin'izany.

Na dia teo aza anefa izany fihatsarana izany, ny olana nateraky ny krizy dia nisy akony ratsy maro tamin'ny fiaraha-miombon'antoka ara-toekarena hahazoana ireo zavatra ilaina ho an'ireo sehatra laharam-pahamehana. Izany koa dia isan'ny sakana tamin'ny fahazoan'ireo Vondrom-Paritra Itsinjaram-pahefana ireo famatsiam-bola mivantana avy any ivelany sy ny fanatanterahana ireo tetik'asa nivoaka tamin'ireo fifanarahana ara-paritra teto Madagasikara ;

**Ministeran'ny Fiarovam-pirenena**

Izy no miantoka ny filaminana sy ny fiarovana ireo tombontsoan'ny firenena Malagasy, niandraikitra ny fanatanterahana iraka roa (02) goavana ny Ministera dia ny « Fiarovana sy Fandriam-pahalemana » sy ny « Tafika Malagasy », nosoratana tao anatin'ny fandaharan'asa enina (06) sy tamin'ny tanjona fito (07). Tamin'ireo tondromarika roapolo (20) napetraka, dimy (05) ihany no nifanaraka tamin'izay nokendrena. Teo amin'ny fanatanterahana ara-bola indray, raha notombanana ho 163 890 937 000 Ariary ny sandan'ireo atrik'asany rehetra, ny 96,33% n'io sora-bola io ihany no laniny, izany hoe 157 881 048 793,18 Ariary.

Ambany ny fihatsarana ho an'ny iraka voalohany : tondromarika telo (03) ihany no nahatratra ny tanjona nokendrena, dia ny taham-pandrosoan'ireo asa fandinihana sy fandrafetana ny politikan'ny fiarovana, ny taham-pandrosoan'ireo asa natao hiantohana ny fahombiazan'ireo paik'ady tamin'ny fandaniana ary koa ny fampiofanana ireo Mpianatra ho Manam-boninahitra tao amin'ny ACMIL.

Nolazaina fa tsy afaka nampiasaina ny ankamaroan'ireo antontan-kevitra tao amin'ny iraka faharoa, izany hoe enina (06) tamin'ireo tondromarika 11 napetraka. Tondromarika roa (02) no tanteraka ary telo (03) hafa no tsy tratra. Araka izany, raha tsy nisy ny taham-panatanterahana ireo hetsika ara-miaramila sy ny fandraisana anjara teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena noho ny fahatapahan'ireo fiaraha-miasa, nihoatra ny vinavina teny am-piandohana kosa ireo vokatra ho an'ny isan'ny oran'ny sidina fanaraha-maso ana-habakabaka noho ireo iraka fanampiana ny ady atao amin'ny valala.

**Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarmariam-pirenena**

Isan'ny laharam-pahamehan'ny Governemanta malagasy ny hampanjaka ny fandriam-pahalemana. Manolona ireo andraikitra goavana iandraiketany dia 4,92% n'ny sora-bola tao anatin'ny tetibola no azony, izay nitentina 153 469 518 000 Ariary, nefa tsy nandany afa tsy 139 956 500 134 Ariary izy, izay taham-pandaniana sora-bola 91,61%. Mba hanatanterahany ny politikany dia nampihatra fandaharan'asa dimy (05) izy dia ny fitantanana sy fandrindrana, fanelanelanana manokana sy/na mifangaro, fandriam-pahalemana sy filaminana, fampanaraham-penitra ireo fitaovana sy fiofanana. Tamin'izany, tanjona 11 sy tondromarika 11 no norafetina.

Tsy nisy nifandraika tamin'izay novinavinaina ireo tondromarika napetraka tamin'ireto fandaharan'asa ireto. Elanelana be no hita teo amin'ny isan'ny oran'ny sidina hanatsarana ny fanaraha-maso ny sisin-tany. Araka ireo fanadihadiana natao dia mbola miankina hatrany amin'ireo fitaovan'ny vondrona hafa ao anatin'ity sehatra ity ny Zandarmaria. Tahaka izany koa ny momba ny fanamafisana ny fanaraha-maso: nihena hatramin'ny 137 044 ny isan'ny fanaraha-maso raha 146 074 ny vinavina.

Na dia teo aza izany dia saika feno ny tanjona hamerenana ny fandriam-pahalemana noho ny fandefasana zandary maro araka izay tratra. Nohamafisina ihany koa ny aro loza an-dalam-be sy anaty rano izay nahatratrarana fandikan-dalàna sy asan-jiolahy miisa 2 560 na dia teo aza ny tsy fahampian'ny fitaovana. Farany, tafakatra 96% ny taham-panatanterahana teo amin'ny fandaharan'asa « fiofanana » : nohamafisina ny fiofanana sy ny fampiofanana ireo zandary mba hahazoana vokatra tsara sy haha-matihanina kokoa azy ireo.

**<u>Ministeran'ny Atitany</u>**

Io Ministera io no miantoka ny fikarakarana sy ny fampandehanana ny fitantanana ny lafin-tany mba hanandratana ny fampandrosoam-pirenena. Araka izany, ny tetibola dia nanome azy ny sora-bola nitentina 44 431 244 000 Ariary, nefa nihena ho 29 987 485 890,68 Ariary ny fandaniany farany, izay saiky ny antsasaky ny sora-bola voavinavina. Voasoratra tao anatin'ny fandaharan'asa telo (03) ny fanatanterahany ny andraikiny : fitantanana sy fandrindrana, fitantanana ny lafin-tany ary ny fitantanana ireo loza sy ireo tranga mitera-doza.

Tondromarika 24 no nofaritana mba hanombanana ny fihatsaran'ity departemanta ity : ny antsasany no nahatratra ny tanjona nokendrena ka ny 11 dia nihoatra ireo vinavina mihitsy. Isan'ny tena nivaingana tamin'izany :

- ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpiasa any amin'ireo sampan-draharaham-paritra tamin'ny taham-panatanterahana ireo tondromarika izay tafakatra 158% ;
- ny fanadiovana ny tontolon'ireo antoko politika tamin'ny alalan'ny fandraisana ireo antoko politika miisa 153 nanoloana ny vinavina niisa 50 ary farany ;
- Ny fanohizana ireo ezaka fanatsarana ny firafitry ny sora-piankohonana : kaominina 1 352 no voakasika tamin'ireo fampahafantarana raha kaominina 120 no novinavinaina, valim-pitsarana 523 215 no nivoaka tamin'ny tombana 120 000 ary fanaraha-maso 625 no vita tamin'ireo vinavina 120.

Nefa ratsy ireo vokatra azo teo amin'ny fanofanana ireo mpiasa tety amin'ny foibe sy tamin'ny faritra, ny fanamafisana ny traikefan'ireo Lehiben'ny Boriborin-tany ary koa ny fanaovan-tsonia fiaraha-miasa momba ny fitantanana ireo loza sy ireo tranga mitera-doza izay tsy nisy fanatanterahana mihitsy.

**<u>Ministeran'ny Filaminana Anatiny</u>**

Niasa tao anatin'ny iraka « filaminam-bahoaka » ity Ministera ity, ary nanana fandaharan'asa roa (02) : fitantanana sy fandrindrana sy filaminam-bahoaka, izay nitentina 77 709 725 570 Ariary ny sora-bola farany laniny raha 82 447 189 000 Ariary ny sora-bola voalohany. Tanjona dimy (05) no natokana mba hanatanterahana ireo fandaharan'asany, izay notombanana tamin'ny alalan'ny tondromarika niisa 12 ka dimy (05) tamin'ireo no tratra.

Tsy tratra ny ankamaroan'ireo vokatra nandrasana tamin'ny fandaharan'asa voalohany, ankoatra ny fanamboarana ireo kaomisaria 13 izay nihoatra ny vinavina. Tsy nisy sampan-draharaha vaovao naorina, tsy nisy fitaovam-pivezivezena azo ary polisy niisa 163 ihany no nahazo fampiofanana raha 500 ny vinavina noho ny tsy fahampian'ny sora-bola.

Mikasika ny fandaharan'asa « filaminam-bahoaka », nahafa-po ihany ny vokatra teo amin'ny ady natao tamin'ireo fitrandrahana tsy ara-dalàna ireo harena voajanahary sy fanodikodinam-bola tamin'ny taham-panazavana ambany momba ny fanodikodinana 16,58% (tamin'ny tombatombana 80%). Nefa kosa, nitohy ny ady tamin'ny fifindra-monina miafina satria naverina tany amin'ny sisin-tany avokoa ireo mpifindra monina miafina, ary pasipaoro 45 420 no voazara raha 35 000 ny tarehimarika teny am-piandohana.

**<u>Ministeran'ny Fitsarana</u>**

Ity Ministera ity no misahana ny asa sy ny fitantanana ireo asam-pitsarana eto Madagasikara, sora-bola 75 342 648 000 Ariary no nomena azy izay laniny hatramin'ny 83,37%, izany hoe 68 942 659 217,7 Ariary. Fandaharan'asa telo (03) no tao anatin'izany : ny voalohany dia momba ny fampandehanan-draharaha ny Ministera amin'ny ankapobeny, ny faharoa momba ny fitantanana ny fitsarana ary ny farany dia mikasika ny fitantanana ny fonja. Ireto fandaharan'asa ireto dia nozaraina tamin'ny tanjona sivy (09) sy tondromarika telopolo (30) ka ny sivy (09) tamin'ireo no tratra. Ireto vokatra manaraka ireto no tena nanamarika ny taona 2013 :

- fampidirana anaty solosaina ny fikirakirana ireo antontan-taratasy tamin'ireo Fitsarana Ambaratonga Voalohany niisa telo (03) ;
- fanatanterahana ireo iraka fitsirihana sivy (09), fanadihadiana ara-panjakana teny amin'ny lapam-pitsarana ;
- fametrahana tamin'ny fomba ofisialy ireo vondrom-panabeazana ara-toe-tsaina sy ara-pitondran-tena telo (03) ho an'Antananarivo, Mahajanga ary Toamasina ;
- fampiasana ireo trano heva fampitam-baovao miisa 27 mba hifandraisan'ny olom-pirenena misimisy kokoa amin'ny fitsarana; ary
- fahavitan'ny fanorenana ny Tranoben'ny Lalàna tao anatin'ny trano tovan'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany teto Antananarivo.

Nefa ny tsy fahampiana ara-bola no anton'ny fihenan'ny isan'ireo fampiofanana am-perinasa sy ny isan'ireo iraka nanaraha-maso ireo tetik'asan'ity Departemanta ity. Ambonin'izany, tsy nisy fanorenana na fanatsarana fonja hita tamin'ny 2013.

**Ministeran'ny Fitsinjaram-pahefana**

Ny fampiharana ny politikam-panjakana teo amin'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pahefana dia voasoratra tao anatin'ny fandaharan'asa « fampandrosoana ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana », ny ankilany mikasika ny fitantanana sy fandrindrana. Raha noheverina ho 43 647 278 000 Ariary ny fandaniana teny am-piandohan'ny taona, ny fandaniana marina dia tafakatra 36 909 470 732,27 Ariary, izany hoe taham-pampiasana tetibola 84,56%.

Ny tombana ho an'ny fihatsarany dia norefesina tamin'ny alalan'ny tondromarika valo (08) ka ny antsasany tamin'ireo no nifanaraka tamin'izay novinavinaina. Isan'ireo nahomby indrindra ireto tanisaina ireto :

- ny fametrahana rafitra fandrindrana sy fanaovana fanaraha-maso sy tombana momba ny dingan'ny fitsinjaram-pahefana syny fanapariaham-pahefana: trano miisa 11 no vita fanamarinana tamin'ireo folo (10) novinavinaina teny am-piandohan'ny taona ; ary
- ny fanamafisana ny fahaleovan-tena ara-bolan'ireo Kaominina : tamin'ny vinavina 50% ho fanangonana ireo hetra anatiny, nahazoana vokatra tsara ny fanatanterahana farany izay tafakatra 100% noho ireo ezaka manokana teo amin'ny famorian-ketra.

Na dia teo aza izany fihatsarana izany, teo ihany ireo olana vitsivitsy izay nanakana ny fitohizan'ireo tanjona sasany. Araka izany, raha ny tsy fahampian'ny sora-bola no anton'ny elanelana hita teo amin'ny isan'ny famitam-baovao nampiasaina, ny endrika sarotra loatra teo amin'ireo tondromarika napetraka kosa no anton'ny tsy nahatratrarana ny vinavina teo amin'ny isan'ireo tompon'andraikitra amin'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana.

**Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola**

Miandraikitra ny fandrafetana sy ny fampiharana ireo politika ara-bola sy ara-toekarenan'ny firenena ity Ministera ity, ka isan'ny Ministera manana fandaharan'asa betsaka indrindra (06), tanjona telopolo (30) sy tondromarika. Araka izany dia ny 28,79% n'ny sora-bolan'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana no nomena azy, izany hoe 898 735 211 000 Ariary. Nefa 93,30% n'io sora-bola io no lany.

Teo amin'ny fanatanterahana ireo tondromarika 108 napetraka, raha 66 ny an'ny taon-dasa, 36 no nifandraika tamin'izay nantenain'ny Ministera. Fintinina araka izao manaraka izao ny tatitra tamin'ireo vokatra azo :

- teo anivon'ireo raharaha ara-panjakana sy ara-bola:
  - faritra 22 sy Distrika 3 nahazo ny SIIGFP
  - fametrahana ny Fitsipika momba ny fitsirihana anatiny
- teo anivon'ny fitantanana ny tetibola

- fanajana ny fe-potoana fametrahana ny Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibola eny anivon'ny Antenimiera

- famaranana ny antontan-kevitra iraisana momba ny karama (88%)

- teo anivon'ny fitantanana ny hetra

- fanokanana ireo ivon-ketra telo (03) vaovao (Ampanihy, Bekily ary Betafo)

- fifandraisan'ireo rafitra 55 tamin'ny foibe noho ny fametrahana ny NIFONLINE

- teo anivon'ny fitantanana ny fadin-tseranana :

- fanitarana ny MIDAC tamin'ireo Ministera sy mpampiasa hafa izay nahitana ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, OMH sy ny Ivon-toeram-pirenena momba ny siansa sy teknika nokleary ;

- fiakarana ho 7% ny taham-pampidiram-bola raha oharina tamin'ny vinavina noho ny fanatsarana ny hetra nalaina tamin'ny solitany ny desambra 2013

- teo anivon'ny fitantanana ny tahiry

- fankatoavana ny fifanaraham-pamatsiam-bola folo (10) tao anatin'ny tombatombana niisa valo (08)

- fanatsarana ny fe-potoana fikirakirana ireo taratasy famoaham-bola, izay efatra (04) andro raha dimy (05) andro ny vinavina ;

- fanatsarana ny taham-pamoriana ireo fananam-bola amin'ny hafa tsy hetra avy amin'ny tamberin'ny vidin'entana izay tafakatra 574 878 300 Ariary, izany hoe fiakarana 44,15% raha oharina tamin'ny tarehimarika novinavinaina.

Ankilan'izany nefa dia tsy tratra ireo tanjona sasany, nisedra olana vitsivitsy tamin'ny fanatanterahana ny andraikiny ity Ministera ity. Ezaka maro araka izany no tokony mbola hatao indrindra ny famoahana ara-potoana ny taratasin-ketra ho an'ireo orinasa, ny fampandehanana ireo ivon-toeran'ny serasera ho an'ny fadin-tseranana eo anivon'ireo birao, ny fanatsarana ny fitantanana ny kitapom-bolam-panajakana, ny fanaraha-maso ny fadin-tseranana rehetra indrindra any amin'ireo faritra malemy, ny fandoavana ny trosa ivelany, ny famadihana ny taratasim-bola momba ireo fampindramam-bola, ny fanitsiana ny kaontin'ny Tahirim-bola Ankapobe sy Tahirim-bola Fototra ary farany ny fanaraha-maso ireo tetik'asa avy amin'ny famatsiam-bola ivelany.

**<u>Primatiora Lefitra misahana ny Toekarena sy ny Indostria</u>**

Ny fitondrana ny politikan'ity Ministera ity dia notsinjaraina tamin'ny fandaharan'asa efatra (04): roa tao anatin'ny fitantanana sy fandrindrana, ny iray momba ny toekarena ary ny farany momba ny indostria. Ny sanda novinavinaina ho an'ireo atrik'asany dia tafakatra 14 536 566 000 Ariary, nefa tamin'ny fiafaran'ny taona dia tsy lany akory ny antsasany satria tsy nahatratra afa tsy 6 271 866 957,40 Ariary ny fampiasany ny tetibolany.

Tondromarika valo (08) no napetraka mba hanombanana ny fahatratrarana ireo tanjona enina (06) nosafidiany, ka ny telo (03) tamin'ireo no tratra ary ny dimy (05) tsy tratra.

Nihena ny fampiasana ny tetibola raha oharina tamin'ny vinavina teny am-piandohana noho ny fahakelezan'ny taham-pandaminana tamin'ny telovolana fahaefatra. Araka ny fanazavana, ny fandaniana dia notanterahina araka ny laharam-pahamehan'ireo Departemanta. Ambonin'izany, ny taham-pitomboan'ny toekarena izay 2,4%, dia nahitana fihenana raha ampitahaina tamin'ny tarehimarika tombana teny am-piandohan'ny taona, izay 3%. Io elanelana io dia avy amin'ny fitotongan'ny sehatra « fambolena », izay nahitana fiharatsiana nanoloana ny toe-draharaha ara-toekarena, ny fandalovan'ny rivo-doza Haruna sy ny fahanteran'ireo fotodrafitrasa ara-pambolena.

Ambony noho ireo vinavina ny vokatra azo nohon'ny fanohanana ireo indostria mpanodina andaniny, ary tamin'ny fampandehanana ny sehatra indostria ankilany. Ho an'ity tondromarika farany ity dia nihoatra lavitra tamin'izay nantenain'ny Ministera ny vokatra : taratasy fanehoan-dàlana sy fahazoan-dàlana hiasa 297 no voazara raha 15 ny vinavina teny am-piandohan'ny taona. Io tatitra tsara io dia azo noho ny fanatsarana tsikelikely ny tontolon'ny varotra teto Madagasikara. Valin'izay, noho ny fanafoanana ireo fifanaraham-piaraha-miasa iraisam-pirenena izay miandry ny fametrahana ireo rafitry ny Repoblika fahaefatra, dia tsy tanteraka ny tanjona hampirisihana sy hiarovana ny fampiasam-bola.

**<u>Ministeran'ny Varotra</u>**

Namorona fandaharan'asa roa (02) ity Ministera ity tamin'ny taona 2013, ka ny tanjona dia nifantoka indrindra tamin'ny fiantohana ny fampiasana ara-drariny ireo vola am-pelatanana, ny fanamafisana ny fahafahan'ny firenena mifaninana ary ny fampivelarana ireo takalo atao any ivelany. Mba hanatanterahana izany dia vola 10 290 060 000 Ariary no nekena ho azy, nefa tsy nisy afa tsy ny 87,89% tamin'io sora-bola io ny fandaniany. Ireto lazaina manaraka ireto ny fanatanterahana (3 tamin'ireo 6 ny tondromarika tratra) :

- ny fandaniana lalàna efatra (04) mikasika ny fanadiovana ny Varotra anatiny ;
- ny fikarakarana fiofanana miisa 52 ho an'ireo mpisehatra ara-toekarena ;
- ny fikarakarana hetsika ara-barotra iraisam-pirenena miisa 11 tamin'ireo dimy (05) novinavinaina teny am-piandohana, fihatsarana azo vokatry ny fampirisihana mafy sy fanentanana ireo mpandraharana handray anjara tamin'ny foara.

Tsapa ihany koa anefa ireto teboka manaraka ireto :

- ny fihenan'ny taham-pampiasana tetibola noho ny fanitsiana ny taham-pandaminana teo amin'ny fandaniana ;
- ny tsy fahampian'ny taham-pitomboan'ny fanondranana (6,45% raha 28% ny vinavina) noho ny fidinan'ny sandan'ireo vokatra fanondrana sasany (lavanila sy jirofo) ;

- Ny fametrahana paik'ady anankiroa (02) ho an'ireo sehatra ahitam-bokatra raha tokony ho telo (03), noho ny fanitsiana ny taham-pandaminana.

## 2. SEHATRA SOSIALY

Ny sehatra sosialy amin'ny ankapobeny, dia ahitana ny fitambaran'ireo hetsika ho fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina, singanina amin'izany ny lafiny fahasalamana, fanabeazana, ny arak'asa ary ny ara-kolontsaina. Ny sehatra sosialy dia nahitana Ministera sivy (09) : Asam-panjakana sy Asa ary Lalàna Sosialy, ny Fahasalamam-bahoaka, Tanora sy Fialam-boly, Fanatanjahan-tena, Fanabeazam-pirenena, Fampianarana teknika sy Fiofanana arak'asa, Fampianarana Ambony sy Fikarohana Siantifika, Kolontsaina sy Vakoka, ary Mponina sy Raharaha Sosialy.

Manoloana ny halehiben'ireo asa dia nomena io sehatra io ny ampahany betsaka tamin'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana, taorian'ny sehatra fitantanan-draharaha. Araka izany dia ny 31,08% n'ny sora-bola tao amin'ny tetibola ankapobe no natokana ho an'ireo fandaharan'asan'ny sehatra sosialy, izay nitentina 970 575 482 000 Ariary, nefa 80,10% no nampiasainy. Vokatr'izany, tsy nampiasaina ny 62 528 806 341,19 Ariary ambiny.

Teo amin'ny lafiny fihatsarana, raha tondromarika 228 no voatazona tamin'ny 2012, nahitana fitomboana io tarehimarika io ny 2013 ka tafakatra 243. Nihena ny fihatsaran'ity sehatra ity raha ampitahaina tamin'ny taon-dasa : ny taham-panatanterahana ireo tondromarika dia 50,43% tamin'ny 2012, izay nidina hatramin'ny 31,69% tamin'ny 2013. Ny famintinana ny fihatsarana ara-tsosialy dia aseho ao anatin'ireto sary manaraka ireto.

**Fafana 14 –** Famintinana ny fihatsarana sy ny fandaniana ny sora-bolan'ny sehatra sosialy

| Amin'ny isa | | | | | | Amin'nyAriary | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Ministera** | **Iraka** | **Fandaharan'asa** | **Tanjon'ny fihatsarana** | **Zava-kendrena** | **Zava-bita** | **Sora-bola voalohany** | **Fandaniana** |
| **9** | 15 | 43 | 100 | 243 | 77 | 970 575 482 000 | 777 451 441 158,11 |

_Loharanom-baovao_: RAP sy CGAF2013

**Fafana 15-** Fihatsarana ara-tsosialy tamin'ny 2013

| Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voafaritra | Hafa |
|---|---|---|---|---|
| **243** | 77 | 136 | 26 | 4 |
| **100%** | 31,69% | 55,97% | 10,7% | 1,65% |

_Loharanom-baovao_: RAP 2013

**Kisary 6-** Fihatsarana ara-tsosialy tamin'ny 2013



**Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy**

Ity Ministera ity dia natao hanatatanteraka ireo politikan'ny governemanta eo amin'ny lafiny asam-panjakana, asa ary lalàna sosialy, nahazo tetibola mitentina 12 075 948 000 Ariary ka ny 63,34% tamin'izany no lany. Noho ity loharanom-bola ity dia iraka telo (03) no noraisin'ny Ministera, nivondrona anaty fandaharan'asa valo (08). Ity farany dia natao hanatanterahana tanjona sivy (09). Ny fihatsaran'ireo atrik'asany dia norefesina tamin'ny alalan'ny tondromarika 79. Singanina tao anatin'ireo tondromarika 22 izay nifanaraka tamin'ny tanjona nokendrena ireo fanatanterahana tena nahomby :

- Ho an'ny iraka « ASA SY LALANA SOSIALY »

- fandaharan'asa « *fitantanana sy fandrindrana* » : fampandehanana ireo rafitra 12 momba ny fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy sy fanavaozana ireo antontan-kevitra momba ny fiarenana arak'asa sy ny fanovàna.

- fandaharan'asa « *fiarovana ny tontolo ara-piarahamonina sy arak'asa ho an'ireo mpiasa* » : fanetsehana ireo faritra telo tamin'ny fametrahana ny Sampan-draharaha ara-pahasalamana iraisan'ireo orinasa sy fanentanana orinasa telopolo (30) momba ny ady atao amin'ny SIDA ;

- fandaharan'asa « *fanohanana ny fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy sy ireo zo fototra* » : famoahana fehezan-dalàna telo (03) ho fampiharana ny Làlana Fototra momba ny Asa sy fitsirihana toeram-piasana 200 momba ny fanajana ny lalàna mifehy ny asa ;

- fandaharan'asa « *fanamafisana ny ady amin'ny fampiasana ireo ankizy tsy ampy taona* » : fampiofanana ankizy 35 tao amin'ny foibe Manjary Soa mialoha ny nampidirana azy ireo tamin'ny orinasa.

- Ho an'ny iraka « ASAM-PANJAKANA »

- fandaharan'asa « *fitantanana sy fandrindrana* » : fanorenana sy fanatsarana trano fiasana miisa fito (07), fikarakarana karazam-piofanana telo (03) momba ny fanaraha-maso – tombana sy fandinihana momba ny fampiasana mari-pahaizana hosoka ao anatin'ny Asam-panjakana ;

- fandaharan'asa « *manatsara ny kalitaon'ny asam-panjakana sy manamafy ny fahaiza-manaon'ireo mpiasa* » : fikirakirana ara-potoana ireo antontan-taratasy miisa 20 608 an'ireo mpiasam-panjakana sy fampiharana ireo fehezan-dalàna 136 momba ny fifampifehezana sy fampanaraham-penitra ireo sazy.

- Ho an'ny iraka « ASA »

- fandaharan'asa « *fitantanana sy fandrindrana* » : fikarakarana hetsika fampahafantarana ny fidirana ao anatin'ny sehatry ny asa sy fanohanana ireo mpandraharaha amin'ny sehatry ny asa ;

- fandaharan'asa « *manohana ny fiakaran'ny toekarena amin'ny alalan'ny asa manara-dalàna* » : fandrafetana ny tatitra momba ny fifandraisana misy teo amin'ireo rafitra sy ny hery ananan'ny tsenan'ny asa ; fampiofanana ireo mpikambana 18 tamin'ireo rafitra fanandratana ny asa.

Nefa ny fihatsarana ho an'ireo tanjona sasany dia voafetra koa. Ny ampahany betsaka niteraka ny elanelana dia noho tsy fahampian'ny tetibola. Isan'ireo vokatra ratsy ny isan'ny famoahana sy fampahafantarana ireo lalàna momba ny asa, ny isan'ireo mpiasa nahazo fanabeazana tao amin'ny Ivon-toeram-pirenena momba ny Asa. Teo ihany koa ny taham-pandrindrana ny atrik'asan'ireo Sampan-draharaha teo ambany fiahiany, ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpiasam-panjakana teo amin'ny tontolon'ny asa, ny fanomezan-danja manokana ny fahafahana mamorona asa ao anatin'ny FHPP sy ireo tetik'asa fampandrosoana, ary farany ny fametrahana ny rafitra ho an'ny serasera isam-paritra momba ny asa sy ny fiofanana.

**<u>Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka</u>**

Ity Ministera ity dia nametraka fanamby ny hahazoan'ny rehetra fitsaboana araka ny kalitao , tao anatin'ny fandaharan'asan'ny fiarovana sy ny fanandratana ny fahasalamana. Mba hanamorana ny fahatratrarana io tanjona io dia nampiasa fandaharan'asa enina (06) ny Ministera, izay nazavain'ireo tanjona 22 ary notombanana tamin'ny alalan'ny tondromarika 55. Satria sehatra miantraika mivantana amin'ny fiainan'ny mponina ny asany, araka izany, dia nomena ny 7,45% n'ny sora-bola tao amin'ny tetibola ankapobe, izany hoe vola 465 351 504 521,86 Ariary. Tamin'ny fiafaran'ny taona dia tsy nahalany afa tsy ny antsasak'io sora-bola io izy, izay mitentina 232 714 610 000 Ariary.

Ireo atrik'asa nentin'ny Ministeran'ny Fahasalamana dia nahazoana ireto vokatra manaraka ireto :

- *Fandaharan'asa fitantanana sy fandrindrana*
  - fiofanana sy famerenana ny fahaiza-manaon'ireo mpiasa 350 raha 80 ny vinavina teny am-piaingana ;
  - fanatsarana ny fitantanana ny tetibola tamin'ny alalan'ny fandraiketana 74,27% tao anatin'ny SIIGFP.
- *Fandaharan'asa : Fitaovan'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana fototra*
  - fampitaovana ireo CSB 65 raha CSB 18 no nokendrena hahazo izany ;
  - fampandehanana Kaominina Mendrika Salama 104 raha 45 ny tombatombana.
- *Fandaharan'asa : « kojakoja ho an'ny fanafody sy ny mombamomba azy ary ireo hafa »*
  - 50% n'ireo CSB no nampiditra ny fitsaboana sy ny fanafody nenti-paharazana, zany hoe avo roa heny tamin'izay noheverina teny am-piandohana

- *Fandaharan'asa Ady amin'ireo valan'aretina*
  - fanatanterahana fanelanelanana 41 momba ny fiarovana sy ny fandraisana an-tànana tao anatin'ny vonjy taitra ;
  - fandidiana katarakita miisa 5 558 (tao anatin'ny vinavina 2 000) ;
  - fanentanana momba ny voka-dratsy azo avy amin'ny fifohana sigara tamin'ireo toeram-pampianarana ambaratonga faharoa miisa 100.
- *Fandaharan'asa « Famelomana sy fampivelarana ny reny sy ny zaza »*
  - fampiharan'ireo CSB (31%) ny paik'ady fandraisana an-tànana ireo aretina mpahazo ny zaza.

Tsy nahitam-bokatra tsara ny sasan-tsasany tamin'ireo atrik'asa natao. Ny famerana ny sora-bola sy ny tsy fisian'ny famatsiam-bola no nampikorontana ny fanatanterahana sasany. Voakasik'izany indrindra ny famoahana ireo lohahevitra tamin'ny fikarohana momba ny fahasalamana, ny tahan'ny CSB voatsidika, ny tsy fahazoan'ny laboratoara fitaovana vaovao sy ny tsy fampiasana ny fitaovam-pitarafana. Ny elanelana hita teo amin'ny vinavina sy ny vokatra momba ny vehivavy bevohoka izay vita fitiliana in'efatra farafahakeliny mialoha ny fahaterahana, dia noho ny tsy fahampian'ny fampahafantarana sy ny tsy fahafahana nanatona ireo mponina tany amin'ny faritra saro-dàlana. Nitombo ihany koa ny taham-pahafatesana tamin'ny pesta, taha izay tafakatra hatramin'ny 17,12%, noho ny tsy fisian'ny fandraisana an-tànana sy ny fampahafantarana nahomby nataon'ny vondrona misahana ny fiarovana sy mpandray an-tànana ity aretina ity.

**<u>Ministeran'ny Tanora sy ny Fialam-boly</u>**

Araka io anarany io, ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fialam-boly dia natao hanatratrarana fijery iray ahitana teny roa: Tanora sy Fialam-boly. Ny fanatanterahana ireo atrik'asany dia nitaky sora-bola 3 141 065 000 Ariary, tsy nahatratra afa tsy 1 994 671 720,80 Ariary nefa ny fandaniana vitany tamin'ny fiafaran'ny taona.

Ny iraka « Tanora » dia nanana fandaharan'asa roa (02) sy tanjona valo (08) ka ireo asa nataony dia nahazoana ireto vokatra manaraka ireto :

- fitomboan'ny tahan'ireo tanora nentanina tao amin'ny Tranoben'ny tanora, taha izay 120% raha novinavinaina ho 100%, noho ny fisian'ny ivon-toerana ahazoana aterineto ;
- tanora miisa 102 000 no nampiasa fomba fiarovana amin'ny areti-mifindra amin'ny alalan'ny firaisana ara-nofo ;
- tanora 41 no nahazo asa matotra sy nampilamina, izay avo roa heny tamin'ny vokatra nandrasana, noho ny fampiharana ny tetik'asa fanandratana asa ho an'ireo tanora ;

- fanentanana sy fiahiana 60 ho an'ireo tanora tao anatin'ireo faritra nametrahana ny fandaharan'asa ho fampihenana ny tahan'ny tsy fananan'asa.

Nefa nanoloana ny tsy fahampiana ara-bola nateraky ny famerana ny sora-bola dia tsy vita afa tsy ny ampahany ihany ny fanatsarana/fanorenana ireo fotodrafitrasa ara-teknika sy ara-panjakana. Ambonin'izany, tanora 200 fotsiny no nandray anjara tamin'ny fifaninanan'ny famatsiam-bola ny tetik'asa madinika tamin'ny 2013, nefa tafakatra hatramin'ny 7 500 ny isan'ireo tanora novinavinaina ho amin'izany tamin'ny fiandohan'ny taona. Tafiditra tao anatin'ireo tanjona ireo ihany koa ny fanatsarana ny fahombiazan'ny Ivon-toeram-pirenena ho an'ny Tanora teo amin'ny sehatry ny fampiofanana, nefa dia tsy nisy avokoa ny fanatanterahana ireo tondromarika rehetra noho ny tsy fisian'ny loharanom-bola.

Ankoatr'izay, nahitam-bokatra tsara ny iraka « Fialam-boly » : tanteraka avokoa ireo tanjona rehetra napetraka, tao anatin'izany indrindra ny fanatanterahana ireo hetsika fialam-boly sy ara-panatanjahan-tena folo (10) tao amin'ireo tranoben'ny tanora sy ny fandraisana anjaran'ny tanora 15 050 tamin'ireo hetsika ara-tsosialy sy ara-kolontsaina.

**<u>Ministeran'ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy</u>**

Ny Ministeran'ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy dia misahana ny fandinihana, ny fampiharana ary ny fanombanana ireo paik'ady hampiharana ny politikam-panjakana ankapobe momba ny mponina, ny fiaraha-mientana sy ny fampandrosoana ara-piarahamonina, ny fanandratana ny zon'ireo olona tena sahirana ary ny fiahiana ara-tsosialy. Mba hahatongavana amin'izany dia vola mitentina 20 486 484 000 Ariary tao anatin'ny tetibola no natokana ho azy, ho fampandehanan-draharahany, nefa ambany dia ambany ny fandaniana vitany satria nanakaiky ny 39% n'ny sora-bola novinavinaina, izany hoe vola nitentina 7 988 891 609,06 Ariary. Araka izany, iraka roa no nankinina taminy « Mponina sy Fampandrosoana » sy «Fiahiana ara-tsosialy », notsinjaraina tamin'ny fandaharan'asa fito (07) sy tanjona telopolo (30). Ny fanatanterahana ireo atrik'asany dia notombanana tamin'ny alalan'ny tondromarika 53.

Tsara ho marihina ao anatin'izany fa sarotra sy tsy feno ny fanombanana ny fihatsarana ho an'ity Ministera ity satria saiky ny antsasak'ireo tondromarika no tsy nanana antontan-kevitra tamin'ny fiafaran'ny taona (antontan-kevitra 24 no tsy azo notombanana).

Ho an'ireo tondromarika hafa kosa, telo ihany no nifanaraka tamin'ny vinavina. Isan'izany ny fanaraha-maso ireo sampan-draharaha 22 momba ny fandrindrana tsaratsara kokoa sy fanaraha-maso – tombana ireo atrik'asan'ity sehatra ity, ny fanatsarana ny rafitry ny seraseran'ny Ministera tamin'ny alalan'ny fotodrafitrasa fampivondronana antontan-kevitra izay efa miasa avy hatrany ary farany ny fametrahana rafitra iray fanangonana sy fikirakirana ireo antontan-kevitra momba ny fiahiana ny ankizy manerana ny nosy, hetsika izay natao nandritra ny fankalazana ny andron'ny ankizy.

Na dia tena tsy nahafa-po aza ireo vokatra azo noho ny fahosan'ny fanatanterahana ireo tondromarika, tsara ihany ny milaza ireto vokatra vitsivitsy ireto :

- fanentanana olona miisa 300 000 mba hanana fitondran-tena mendrika sy tompon'andraikitra ;
- ny fanohanana fikambanam-behivavy miisa 100 izay nanana tanjona amin'ny fikajiana ireo harena voajanahary ;
- distrika 52 nahazo fampahafantarana ireo lalàna sy antontan-taratasy momba ny karazana sy fampandrosoana ary ireo zo maha olona ;
- fivondronan'olona na fikambanam-behivavy 412 nahazo fanohanana ara-teknika, ara-pitaovana sy ara-bola tao anatin'ireo atrik'asa ho fampidiram-bola ; ary ny
- fanamafisana ny fahaiza-manao ara-teknikan'ireo tompon'antoka 215 momba ny fiahiana ny fianakaviana sy ny ankizy.

**<u>Ministeran'ny Fanatanjahan-tena</u>**

Ho fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana teo amin'ny lafiny fanatanjahan-tena, ny Ministera dia miantoka ny fampandrosoana maharitra sy voatohana ho an'ny fanatanjahan-tena Malagasy, tamin'ny vola natokan'ny tetibola ho azy izay tafakatra 14 071 605 000 Ariary, ka lany hatramin'ny 83,38%.

Fandaharan'asa roa (02) no nampiharina tao anatin'ity fijery ity, izay nanana tanjona enina (06). Ny tanjona fanamafisana ny fitantanana ara-panatanjahan-tena ihany no vita nifanaraka tamin'ireo vinavina teny am-piandohan'ny taona. Araka izany, tamin'ny taona 2013 no nisy ny fametrahana ny rafitra iray momba ny serasera/fifandraisana sy ny fampiharana ny politikam-pirenena momba ny fanatanjahan-tena.

Tsara ihany ny fanatanterahana ho an'ireo tanjona sasany. Raha mpitarika ara-panatanjahan-tena 214 no noheverina hampiofanina, nihena ho 87 io tarehimarika io tamin'ny fiafaran'ny taona. Ambonin'izany, dimy (05) tamin'ireo fotodrafitrasa 44 hohatsaraina sy haorina fotsiny no afaka natao. Farany, lalao ara-panatanjahan-tena 32 no nokarakaraina tamin'ireo hetsika 56 noheverina teny am-piaingana.

**<u>Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena</u>**

Ity Ministera ity no miantoka ny fitantanana ny politikam-panabeazana teto Madagasikara, nanana iraka roa « Fanabeazana » sy « Fampianarana Fototra ». Izy no nahazo ny ampahany betsaka indrindra tao amin'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana (17,32%), izay vola nitentina 540 763 865 000 Ariary. Naneho ny faharisihan'ny fanjakana hanao laharam-pahamehana ny sehatra fanabeazana izany, izay andrin'ny fampandrosoana ara-toekarena. Tsara ny ilazana fa nananika ny 86,05% ny taham-pampiasana ny tetibola tamin'ny fiafaran'ny taona.

Tamin'ny fanatanterahana ireo izay voasoratra tao anatin'ny fandaharan'asa dimy (05) ary notsinjaraina tamin'ny tanjona enina (06), dia ireto manaraka ireto ny vokatry ny fanatanterahana ireo iraky ny Ministera :

- fampidirana ankizy 3 hatramin'ny 5 taona tao amin'ny fanomboham-pampianarana, tamin'ny taha 9% ;
- fihatsaran'ny fampianarana ambaratonga voalohany tamin'ny taham-pahavitana ny dingana voalohany izay 77,4% raha 65% ny vinavina teny am-piaingana, sy ny taham-pamerenan-taona voatazona ho 16%;
- fanatsarana ny rafi-panabeazana fototra dingana faharoa tamin'ny taham-pahavitana izany izay 44,8%, izany hoe fitomboana 14,8% mihoatra tamin'ny vinavina ; ary
- fahavitana ny dingana faharoa izay nahitana fiakarana 2,6% raha oharina tamin'ny vinavina.

Nefa ny fifandanjan'ny fandaniana teo amin'ireo rafitra anapariaham-pahefana sy ny fandaniana teo amin'ny rafitra foibe dia nidina hatramin'ny 136% raha 160% ny tarehimarika novinavinaina, ny ampahany tamin'ireo fandaniana dia mbola notantanina tety amin'ny foibe. Ambonin'izay, noho ny tsy fahafenoan'ireo ONG ireo fepetra ara-teknika hahazoana fanampiana dia nisy ny elanelana teo amin'ny isan'ny mponina mihoatra ny 15 taona nahay namaky teny sy nanoratra.

**<u>Ministeran'ny Fampianarana Teknika sy Fiofanana arak'asa</u>**

Ny Ministera no nandrafitra sy nampihatra ny politikam-panjakana teo amin'ny lafiny fanandratana ny asa, tamin'ny alalan'ny fanatsarana ny fampiasana mitsinjo ny maha olona. Fandaharan'asa roa no nampihariny tamin'izany, nahazoana sora-bola 26 711 566 000 Ariary izay nampiasaina hatramin'ny 87,30%.

Fanamafisana ny tohana ho an'ny asam-panjakana no tanjona tokana notohizana tao anatin'ny fandaharan'asa fitantanana sy fandrindrana : tsy tratra ny taham-pandraiketana ireo fandaniana ivelan'ny karama.

Tsara ny fanatanterahana ho an'ny fandaharan'asa faharoa, izay nametrahana tanjona telo (03). Araka izany, mpiofana 350 tao anatin'ny mponina 100 000 no nampiofanina ary trano fianarana sivifolo (90) no nampanarahana ny fenitra taorian'ny tombana raha fianarana valopolo (80) ny vinavina. Nefa ny fampiharana ny taham-pandaminana dia tsy nahafahana nametraka ireo trano fianarana valopolo (80) voavinavina tao anatin'ny takelaka ho an'ny fihatsarana: ny fitambaran'ny fanatanterahana dia tsy nahatratra afa tsy trano fianarana 67.

**Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika**

Araka ny anarany, ny Ministera dia nanaiky ny hanatanteraka iraka roa (02) : « Fampianarana ambony » andaniny ary « Fikarohana Siantifika » ankilany. Ny fampiharana ireo atrik'asany dia natao tamin'ny alalan'ny fandaharan'asa efatra (04), izay nivondronan'ny tanjona fito (07), ka ny fanatanterahana dia niteraka ny fandaniana nitentina 96 117 288 921,41 Ariary tamin'ny sora-bola teny am-piandohana 116 201 916 000 Ariary, izany hoe 3,72% n'ny sora-bola tao amin'ny tetibola ankapobe.

Na dia tsy nampiasa afa tsy ny 82,72% n'ny sora-bola aza ny Departemanta dia tsara ny fihatsaran'ireo fanatanterahany, izy no Ministera tokana nahatratra 100% ireo tondromarika rehetra napetraka (7/7). Singanina manokana ireto vokatra tsara ireto, izay nahatratra ny tanjona nokendrena na nihoatra mihitsy aza :

- mpiasa 1 792 izay nihoatra ny vinavina teny am-piandohana 1 600 teo amin'ny lafiny fanatsarana ny fitantanana ara-panjakana nataon'ny Ministera ;
- ny fanatsarana ny fifandraisana anatiny sy ivelany tao amin'ny rafi-tseraserany, tamin'ny alalan'ny fampifandraisana ireo Anjerimanontolo sy Ivon-toerana enina ;
- ny fandraisana mpianatra 395 (raha 379 ny vinavina) tao amin'ny fampianarana ambony ho an'ny mponina 100 000 ; ary
- ny fanomezana ny 5,46% n'ny tetibola ankoatra ny karama ho an'ny fikarohana mba hametrahana fikarohana siantifika miasa ho an'ny fampandrosoana.

**Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Vakoka**

Tamin'ny fitantanana ireo paik'ady momba ny kolontsaina sy ny fiarovana ny vakoka dia nanatanteraka fandaharan'asa efatra (04) ny Ministera dia ny : « *fitantanana sy fandrindrana* », « *vakoka* », « *famoronana* » ary « *hetsika ara-kolontsaina* ». Ny sora-bola izay natokana ho azy dia 4 408 423 000 Ariary, nefa 3 295 812 494,54 Ariary no nampiasaina.

Iray tamin'ireo tondromarika dimy (05) nofaritana ihany no nifandraika tamin'ny tanjona nokendrena, dia ny isan'ny teknisianina sy mpandraharaha ara-kolontsaina voaofana, izay nahitana teknisianina 35.

Momba ireo vokatra hafa, tsy nahazoana ny vokatra nantenaina ireo hetsika noho ny tsy fivoahan'ny vola tamin'ny telovolana fahaefatra. Araka izany dia vakoka enina (06) ihany no voakarakara tamin'ny 2013 raha folo (10) ny tombana teny am-piaingana. Toy izany koa ny momba ny famoronana taozavatra, ny asa tànana, ireo asa soratra sy fiteny, satria enina (06) tamin'ireo famoronana vaovao folo (10) noheverina ho tohanana no nisy. Nanampy izany koa ny fihenan'ny isan'ireo hetsika ara-kolontsaina tany amin'ny faritra: hetsika 16 no nisy raha roapolo (20) no noheverina tamin'ny fiandohan'ny taona.

## 3. SEHATRA FAMOKARANA

Ahitana Ministera valo (08) ny sehatra famokarana : Fizahan-tany, Fampiroboroboana ny Taozavatra, Fambolena sy Fampandrosoana ny ambanivohitra, Fiompiana, Jono sy Harena an-dranomasina, Tontolo Iainana sy Ala, Harena an-kibon'ny tany sy Solika. Ity sehatra ity dia nahazo ny 6,75% n'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana, izay vola mitentina 210 589 196 000 Ariary. Ambany ny fanatanterahana ireo fandaniana vitany raha ampitahaina tamin'ny sora-bola novinavinaina, tamin'ny taham-pampiasana tetibola izay 37,79%, kanefa tafiditra ao anatin'ireo sehatra izay tena nahafa-po kosa ny vokatry ny fanatanterahany (40,74%).

Fintinina ao anatin'ireto sary manaraka ireto ny fanatanterahan'ity sehatra ity.

**Fafana 16 –** Famintinana ny fihatsarana sy ny fandaniana ny sora-bolan'ny sehatra famokarana

| Isa | | | | | | Amin'ny Ariary | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Ministera** | **Iraka** | **Fandaharan'asa** | **Tanjon'ny fihatsarana** | **Tanjona kendrena** | **Zava-bita** | **Sora-bola voalohany** | **Fandaniana** |
| **8** | 8 | 19 | 41 | 81 | 33 | 210 589 196 000,00 | 56 594 509 619,91 |

*Loharanom-baovao* : RAP sy CGAF 2013

**Fafana 17-** Fihatsaran'ny sehatra famokarana

| Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voafaritra | Hafa |
|---|---|---|---|---|
| **81** | 33 | 46 | 1 | 1 |
| **100%** | 40,74% | 56,79% | 1,23% | 1,23% |

*Loharanom-baovao*: RAP 2013

**Kisary 7-** Fihatsaran'ny sehatra famokarana tamin'ny 2013




### Ministeran'ny Fizahan-tany

Ny andraikitr'ity Ministera ity voalohany dia ny mamorona tontolo iainana manamora ny fampivelarana ny sehatra fizahan-tany eto Madagasikara. Mba hahatanteraka izany dia fandaharan'asa telo (03) no norafetiny, dia ny fitantanana sy fandrindrana, fampandrosoana ny fizahan-tany sy fampivelarana ny fitsirihana sy ny fanaraha-maso momba ny fizahan-tany. Ny saran'ny fanatanterahana ireto fandaharan'asa ireto dia notombanana ho 4 799 824 000 Ariary teny am-panombohana, nefa 3 434 846 959,64 Ariary ny fandaniana vitany.

Ny fanatanterahana ireo tanjona efatra (04) noraiketina tao amin'ny fandaharan'asany dia norefesina tamin'ny alalan'ny tondromarika efatra (04) ka iray tamin'izany ihany no nifanaraka

tamin'ny tanjona nokendrena. Araka izany dia nihena ny isan'ny mpizaha-tany nitsidika an'i Madagasikara noho ny olana teo amin'ny tsy fandriam-pahalemana tany amin'ireo faritra isan-karazany manan-tantara teto Madagasikara. Raha mpizaha-tany 275 000 no noheverina hitsidika an'i Madagasikara, 196 375 ihany no tonga. Io isa io dia nahitana fihenana be raha oharina tamin'ny taon-dasa, satria mpizaha-tany 255 942 no voaisa tamin'ny 2012.

Ankoatr'izay, tanteraka nifanaraka tamin'izay nandrasan'ny Departemanta ireo fandraiketana hafa rehetra ary nihoatra mihitsy aza. Singanina tamin'izany ny vola nampidirin'ity sehatra ity : nahitana fiakarana ny fandaniam-bolan'ireo mpizaha-tany raha oharina tamin'ny taon-dasa, ka tafakatra 256,86 tapitrisa DTS raha 196 tapitrisa DTS ny tombatombana. Ambonin'izany, nisy akony tsara tamin'ny fandaharan'asa farany mikasika ny fanaraha-maso ny fampirisihana ireo mpiasa mpanara-maso sy ny fandraisana ireo fahaiza-manao avy tamin'ireo mpandraharaha ara-pizahan-tany : trano fandraisam-bahiny 658 no naraha-maso sy voajery raha 515 ny tombana teny am-piaingana.

**Ny Ministera misahana ny Fampiroboroboana ny Taozavatra**

Amin'ny maha Departemanta misahana ny fanomezan-danja ny sehatra taozavatra azy dia fandaharan'asa roa (02) no napetrany mba hahatanteraka tsara ny andraikiny. Ny sora-bola azon'ity Ministera ity dia nananika ny 1 544 406 000 Ariary ka ny antsasany tamin'izany ihany no lany (53,15%).

Ny tanjona voarakitra tao anatin'ny fandaharan'asa « fitantanana sy fandrindrana » dia natao hanatsara ny kalitaon'ny asam-panjakana, izay tsy tratra satria raha novinavinaina ho 64 ora ny fe-potoana fikirakirana ireo antontan-taratasim-panjakana, lasa 72 ora izany. Ny fanakanana ny fandraiketana nandritra ny telovolana fahaefatra no anton'izany elanelana izany.

Ankoatr'izay kosa, tsara ny vokatra ho an'ny tanjona faharoa izay voasoratra tao anatin'ny fandaharan'asa « fampivelarana ny Taozavatra » : isan'izany ny fanomezana asa ireo mpanao asa tànana, mpanao asa tànana 741 no nahazo asa raha 700 ny tanjona.

**Ministeran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny Ambanivohitra**

Ny sampana « fambolena » dia mbola mitana anjara toerana lehibe eto Madagasikara, tafiditra ho isan'ny laharam-pahamehan'ny fanjakana izy. Noho izany indrindra no nahazoan'io Ministera io ny antsasaky ny sora-bola natokana ho an'ny sehatra famokarana, vola mitentina 116 814 080 000 Ariary, izay 3,74% tamin'ny sora-bolan'ny tetibola ankapobe.

Ny fanatanterahana ny politikam-pambolena malagasy dia natao tamin'ny fampiharana fandaharan'asa roa (02) niavaka tsara : fitantanana sy fandrindrana ary tontolo maitso sy maharitra, izay nanana tanjona telo ambin'ny folo (13). Tondromarika valo (08) tamin'ireo 14 tao anatin'ny fandaharan'asa voalohany no nifanaraka tamin'ny vokatra nandrasan'ny Ministera, tao

anatin'izany ny taham-pampiasana ny tetibola, ny isan'ireo vondrona nanaovana fitsirihana, ny fanarenana ny raharaha ara-panjakana ary koa ny fampiofanana ireo ho teknisianin'ny fambolena.

Tanjona fito (07) no voatazona tao amin'ny fandaharan'asa faharoa izay natao ho fanohanana ny tontolo maitso sy maharitra, ary notombanana tamin'ny alalan'ny tondromarika 13 ny fanatanterahana natao. Fanatanterahana roa (02) ihany anefa no nifanaraka tamin'ny vokatra nandrasana, dia :

- ny fizarana amin'ireo mpamokatra zezika nilanja 6 931 taonina, izany hoe amboniny 2 931 taonina raha oharina tamin'ny tarehimarika vinavina ;
- ny fampiofanana tompon'antoky ny fampandrosoana 560 momba ireo loha-hevitra isan-karazany mikasika ny fampandrosoana ny ambanivohitra, raha 500 ny vinavina.

Tsy nahatratra ny tanjona nokendrena ireo tondromarika (11) ambiny. Tena ambany ny vokatra ho an'ny fanajariana sy fanolokoloana ireo toha-drano mpanondraka ny voly noho ny tsy fahampian'ny mpiasa nisahana izany asa izany. Ambonin'izany, tsy nisy Tahirim-Paritra momba ny Fampandrosoana Ara-pambolena afaka nampiasaina satria mbola miandry ireo dingana momba ny tolo-bidy.

**<u>Ministeran'ny Fiompiana</u>**

Natao handrafitra sy hanatanteraka ny politika momba ny fiompiana eto Madagasikara ity Ministera ity, izay nanana fandaharan'asa roa (02) dia ny fitantanana sy fandrindrana andaniny ary fampandrosoana ny famokarana momba ny biby ankilany. Ny tetibolany izay 8 812 899 000 Ariary teny am-piandohana dia lasa 6 760 770 426,31 Ariary tamin'ny farany.

Ny tomban'ny fanatanterahana ireo tanjona efatra (04) nofaritana tao amin'ny fandaharan'asa fitantanana sy fandrindrana dia noraisina tamin'ny alalan'ny tondromarika folo (10), ka telo (03) tamin'izany no tratra, enina (06) tsy tratra ary iray tsy ananana antontanisa. Ireo tondromarika momba ny fanavaozana ny rijan-teny momba ny didy amam-pitsipika sy ny fanarenana ny endrika ara-panjakanan'ny mpiasa dia naneho vokatra tena niavaka : nihoatra avokoa ireo vokatra, ary tafakatra avo roa heny tamin'ny tarehimarika vinavina. Kanefa, nisy akony ratsy teo amin'ny fanatanterahana ireo atrik'asa sasany ny tsy fahampiana ara-tetibola. Tsy nisy fanamarinana vita araka izany ary tsy nisy fanaraha-maso tombana tafapetraka nandritra ny taona 2013, sampan-draharaha enina (06) ihany no nifandray tamin'ny intranet-n'ny fanjakana raha 22 ny vinavina, ary farany, fampitam-baovao 43 tamin'ireo 125 novinavinaina hampiasaina momba ny sehatra fiompiana ihany no vita tanteraka.

Tondromarika dimy (05) no voatazona ho an'ny fandaharan'asa fampandrosoana ny famokarana momba ny biby, mba handrefesana ny fahatratrarana ireo tanjona roa (02) napetraka. Tondromarika iray (01) ihany no nifanaraka tamin'ny tanjona nokendrena ary nihoatra aza : dia ny isan'ny omby vita vakisiny tamin'ny 2013 : raha omby 650 000 no noheverina hatao vakisiny,

nahatratra 1 150 000 ny fitambarany tamin'ny telovolana fahaefatra. Tsy nisy anefa ny zava-bita teo amin'ny isan'ny fanatsarana ny fiompiana tafapetraka, noho ny olana tsy fisian'ny fitaovam-pivezivezena.

**<u>Ministeran'ny Harena an-dranomasina sy ny Jono</u>**

Nahazo sora-bola 21 839 212 000 Ariary ity Ministera ity, izay miandraikitra ny fanatanterahana fandaharan'asa roa: ny iray momba ny fitantanana sy fandrindrana, ary ny iray momba ny fampivelarana ny Jono sy ireo Harena an-dranomasina.

Tsy afaka nampiasa ny tetibola nomena azy tamin'ny 2013 afa tsy ny 28,77% ny Ministera. Ambonin'izay, tatitra ara-tontolo enina (06) tamin'ireo vinavina roapolo (20) ihany no vita, ary 70% n'ny foibem-pitantanana/sampan-draharaha no afaka nanatsara ny asa aman-draharaham-panjakana noho ny tsy fahampian'ny fahafaha-manao. Na dia tsy nahafa-po aza ny vokatra, nandeha tsara ihany ny Ivon-toerana Mpanara-maso ny Jono.

Fiantohana tsara ny fitantanana ireo harena an-dranomasina, tanjona nofaritana tao anatin'ny fandaharan'asa faharoa satria faritra fito (07) no voakasika tamin'ny fanadihadiana, nifanaraka tamin'ny vinavinan'ny taona, atrik'asa izay novatsian'ny Banky Afrikanina momba ny Fampandrosoana vola. Ambonin'izany, nihoatra ny vinavina ny isan'ny fahazoan-dàlana manjono sy ny fahazoan-dàlana manangona ireo vokatra an-dranomasina voazara : 2 892 raha 1 700 ny tanjona nokendrena teny am-piaingana. Nefa elanelana 25 000 taonina no hita tamin'ny famokarana ireo harena an-dranomasina noho ny tsy fahafenoan'ireo antontan-kevitra fototra tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana 2013.

**<u>Ministeran'ny Tontolo Iainana sy Ala</u>**

Ministera miahy ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny harena voajanahary mba hisian'ny fampandrosoana maharita eto amin'ny firenena izy. Mba hanatontosany ny andraikiny dia nametraka ireo atrik'asany tamin'ny fandaharan'asa telo (03) ny Ministera dia ny fitantanana sy fandrindrana, fitantanana maharitra ireo harena voajanahary ary ny fampivelarana ny fihetsika manaja ny tontolo iainana. Ny sara faran'ireo fandaniany dia 9 701 286 697,96 Ariary tamin'ny sora-bola voalohany 52 799 631 000 Ariary.

Ny tanjona tokana tao anatin'ny fandaharan'asan'ny Ministera dia ny hanatsara ireo rafitra fampitam-baovao momba ny ala sy ny tontolo iainana. Tanteraka izany raha jerena ireo vokatra azo, ka lohahevi-piofanana 24 no voazara tamin'ny 2013, izany hoe mihoatra avo roa heny tamin'ny vinavina.

Fihatsarana tahaka izany koa no hita ho an'ny fandaharan'asa fitantanana ireo harena voajanahary, indrindra fa ireo tanjona hampitomboana ny velaran'ny Faritr'ala Voaaro ary koa ny fanatsarana ireo rafitra fanaraha-maso ny ala sy tontolo iainana, tamin'ny taham-panatanterahana

niavaka isay 180% sy 125% isan'isany. Ny velaran-tany voavoly hazo nefa dia nahitana fihenana nanomboka ny 2010. Ny velaran-tany voavoly hazo tamin'ny 2013, araka izany dia 3 751,26 ha izay ambany lavitra mihoatra tamin'ny hazo ilain'ny mponina.

Ny tanjona napetraka tamin'ny fandaharan'asa farany dia ny hampiditra amin'ireo rafitra rehetra ny maha zava-dehibe ny tontolo iainana ao anatin'ny fandaharan'asa rehetra, ny politika sy ny paik'ady isan-tsehatra. Roa (02) tamin'ireo tondromarika telo (03) natao handrefesana ny fahatratrarana ity farany no heverina fa nihatsara dia ny fandinihana ireo fitarainana 52 momba ny tontolo iainana (raha 36 ny vinavina) sy ny fampiroboroboana ireo atrik'asan'ny « Fampitam-baovao, Fanabeazana ary Serasera » momba ny tontolo iainana miisa 25. Nefa ny havesaran'ireo fepetra sy ireo dingana tsy maintsy arahina dia nahasarotra ny fahazoana ny famatsiam-bola ho an'ireo tetik'asa natao hiadiana amin'ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro.

**<u>Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany</u>**

Ny Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany dia nanaiky ny hanatratra tanjona roa (02) mba hanatanterahana ireo fandaharan'asa roa (02) dia ny fitantanana sy fandrindrana sy fampandrosoana ny sehatra harena an-kibon'ny tany. Ireo fandaniana nifandraika tamin'ireo atrik'asany dia notombanana ho 2 386 361 000 Ariary, nefa ny fandaniany dia tsy nisy afa tsy 62,06%. Telo (03) tamin'ireo tondromarika efatra (04) no nifanaraka tamin'ny tanjona nokendrena.

Mikasika ireo vokatra azo tamin'ny fandaharan'asa fampandrosoana ity sehatra ity, tondromarika telo (03) no natao handrefesana ny tanjona tao anatiny ka ny iray (01) tamin'izany no tsy afaka notanterahina araka ny tokony ho izy. Nihena ny isan'ireo fampiasam-bola raha oharina tamin'ny tombatombana noho ny fanafoanana ny fanomezan-dàlana hitrandraka harena an-kibon'ny tany sy ny tsy fahafahana manondrana ireo harena sasany (volamena).

Ankoatr'izay, nahitana fahombiazana nanaitra ireo vokatra tamin'ireo tondromarika hafa : raha notombanana ho 237 Lavitrisa Ariary ny fidiram-bolan'ny fanondranana harena an-kibon'ny tany teny am-piaingana, tafakatra 1 259,7 Lavitrisa Ariary izany, izany hoe saika avo enina (06) heny tamin'ny vola novinavinaina ho azo.

**<u>Ministeran'ny Solika</u>**

Ireo fandaharan'asa nampiharin'ity Ministera ity dia ny fitantanana sy fandrindrana andaniny, ny fampivelarana ny sehatry ny solitany sy ny solika vita amin'ny zava-maniry ankilany. Ny vokatra teo amin'ny fampiasana ny tetibola dia 72,47% : tao anatin'ny sora-bola azony izay 1 592 783 000 Ariary, 1 154 362 822,90 Ariary ihany no nampiasaina. Teo amin'ny fanatanterahana, tsy nisy ny tondromarika tanteraka 100%.

Mikasika ny fandaharan'asa voalohany, hita ny elanelana teo amin'ny taham-pampiasana ny tetibola sy ny tanjona nokendrena, noho ny tsy fivoahan'ny vola tampoka. Ambonin'izany, ny fanatanterahana ny fandaharan'asa fampivelarana ny sehatry ny solitany sy ny solika vita amin'ny zava-maniry dia tsy vita araka izay tanjona nolazaina tamin'ny fiandohan'ny taona. Araka izany dia tsy nahatratra ny tanjona nokendrena ny tondromarika rehetra. Nahitana fihenana ny isan'ireo fifanarahana voasonia, ny fatran'ny fampiasam-bola ary koa ny isan'ireo olona nampiofanina raha oharina tamin'ny vinavina.

## 4. SEHATRA FOTODRAFITRASA

Ny sehatra fotodrafitrasa dia mampivondrona Ministera fito (07) : Angovo, Rano sy Fanadiovana, Fifandraisana, Asa Vaventy sy Famantarana ny Toetr'andro, Fampandrosoana sy Fanajariana ny Tany, Fitaterana, Paositra- Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao. Ny fanatanterahana ireo tanjona napetrak'ity sehatra ity dia nahitana fandaniana izay mitentina 99 645 257 036,10 Ariary raha voarakitra ho 263 677 897 000 Ariary ny tao anatin'ny sora-bola voalohany, ary tombanana ho 8,45% n'ny fitambaran'ny tetibola ankapobe. Fintinina amin'ireto sary manaraka ireto ireo fanatanterahana tamin'ny taona 2013.

**Fafana 18** – Famintinana ny fihatsarana sy ny fandaniana ireo sora-bolan'ny sehatra fotodrafitrasa

| Amin'ny isa | | | | | | Amin'ny Ariary | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Ministera** | **Iraka** | **Fandaharan' asa** | **Tanjon'ny fihatsarana** | **Tanjona ho tratrarina s** | **Vita** | **Sora-bola voalohany** | **Fandaniana vita** |
| **7** | 10 | 20 | 43 | 75 | 26 | 263 677 897 000,00 | 99 645 257 036,10 |

*<u>Loharanom-baovao</u> : RAP sy CGAF 2013*

**Fafana 19-** Fihatsaran'ny sehatra fotodrafitrasa

| Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voafaritra | Hafa |
|---|---|---|---|---|
| **75** | 26 | 47 | 1 | 1 |
| **100%** | 34,67% | 62,67% | 1,33% | 1,33% |

*<u>Loharanom-baovao</u>: RAP 2013*

**Kisary 8 -** Fihatsaran'ny sehatra fotodrafitrasa tamin'ny 2013



**Ministeran'ny Angovo**

Nanana ny andraikitra fototra handrafitra sy hampihatra ny politika sy paik'ady ho fampandrosoana ny sehatra ara-angovo eto Madagasikara ity Ministera ity, nanatanteraka ireo anjara asany tamin'ny alalan'ny fandaharan'asa roa (02) : fitantanana sy fandrindrana, fampandrosoana ireo fotodrafitrasa momba ny herinaratra sy ireo loharanon'angovo. Ny 43,25% tamin'ny sora-bola 20 986 733 000 Ariary izay natokan'ny tetibola ho azy mba hanatanterahana ireo fandaharan'asany ihany no laniny.

Araka izany, tsy nitondra vokatra tsara araka ny noheverina ireo atrik'asa nataon'ity Ministera ity satria ireo tondromarika nofaritana dia tsy nisy nahatratra 100% tamin'ny tanjona nokendrena teny am-piandohana. Singanina amin'izany :

- ny fahosan'ny taham-pampidirana herinaratra isan-tokan-trano izay 1,55% nefa ny vinavina dia 6%.
- ny fahatapahan'ireo atrik'asa momba ny fampiroboroboana ireo loharanon'angovo azo havaozina sy tsy azo havaozina : loharanon'angovo telo (03) no azo raha fito (07) ny vinavina ho an'ny taona teny am-piaingana, noho ny tsy fisian'ny famatsiam-bola ho an'ny fikarohana, ary farany
- ny faharatsian'ny tahan'ny fahafaham-pon'ireo tompon'antoka, izay nidina hatramin'ny antsasaky ny vokatra nandrasana: araka ny fanazavana dia mbola nahazo vahana hatrany ireo olana ara-teknika sy ara-bola.

Na dia nahafa-po ihany aza ireto vokatra ireto, ny tahan'ny fampiasam-bola tsy miankina tao anatin'ny famatsiana ny sehatra angovo dia 10,5%, izay vokatry ny tsy fahamarinan-toerana ara-politika.

**Ministeran'ny Rano sy ny Fanadiovana**

Amin'ny maha-tompon'andraikitry ny fandinihana sy ny fanatanterahana ny politikam-pirenena momba ny rano azy, ity Ministera ity dia nametraka fandaharan'asa roa ka ny fanatanterahana tena niavaka tamin'ny taom-piasana 2013 dia ny fandraisana ireo tobin-drano telo (03), ny fametrahana ireo vondrona telo momba ny tobin-drano sy ny fanohizana ireo ezaka tamin'ny fanomezan-drano fisotro madio : ny taham-pampidirana ho an'ny ambanivohitra dia tafakatra 42%.

Nefa ny fetra tao amin'ny taham-pandaminana ara-bola dia tsy nahafahan'ny Ministera nahatratra ireo tanjona teo amin'ny fampiasana tetibola. Araka izany, noheverina ho 55 754 725 000 Ariary ny fahafahana ara-bola teny am-piaingana, nefa tsy nampiasaina afa tsy 10,52%. Tsara marihina fa tondromarika folo (10) no napetraka mba handrefesana ny fahatratrarana ny tanjona ka ny efatra (04) ihany no nifanaraka tamin'ny vokatra nandrasana.

**Ministeran'ny Fifandraisana**

Teo amin'ny fanatanterahana ny politikam-panjakana dia nampihatra fandaharan'asa telo (03) ny Ministera (fitantanana sy fandrindrana, filazam-baovao sy ny fampivelarana ireo fotodrafitrasan'ny haino aman-jery), izay nivondrona tao anaty tanjona fito (07). Ny fandaniana vita dia tafakatra 8 878 997 481,80 Ariary tamin'ny vinavina 10 489 227 000 Ariary. Ireto tanisaina ireto ireo fanatanterahana goavana:

- ny fahafainganan'ny fandinihana ny fampiasana ireo fandaniana maharitra noho ny fametrahana ny CHED ;
- ny famerenana tamin'ny laoniny ireo fotodrafitrasan'ny haino aman-jerim-panjakana tany amin'ireo faritra tamin'ny alalan'ny fametrahana ireo tsatokam-pifandraisana ; ary
- ny fanorenana/fanamboarana ireo fitoerana sy fotodrafitrasa ara-teknina 14 sy ny fividianana fitaovam-pivezivezena miisa 198.

Teo ihany nefa ireo fahasarotana toy ny tsy fahampiana ara-pitaovana (fitaovam-pivezivezena) sy ny tsy fahampian'ny mpiasa ary koa ny ara-bola, izay nanakana ny fampiharana ireo atrik'asa. Hita araka izany ireo elanelana teo amin'ny fikarakarana ny fiofanan'ny mpiasa sy ny isan'ny fananan'ny Ministera voarakitra an-tsoratra.

**Ministeran'ny Asa Vaventy sy ny Famantarana ny Toetr'andro**

Ny Ministeran'ny Asa Vaventy sy ny Famantarana ny Toetr'andro no tompon'andraikitra tamin'ny fandrafetana sy ny fampiharana ary ny fanaraha-maso – tombana ny politikan'ny fanjakana teo amin'ny lafiny asa vaventy sy ny famantarana ny toetr'andro. Izy no miantoka ny fampandrosoana ireo fotodrafitrasa momba ny làlana sy ny fampandrosoana ny famantarana ny toetr'andro, iraka roa goavana no nipetraka tamin'ny Ministera, izay voasoratra tao anatin'ny fandaharan'asa efatra (04) sy tanjona valo (08).

Nanoloana ny fahosan'ny taham-pampiasan'ny Ministera ny tetibola izay 28,67% (12 260 713 721,17 Ariary raha 42 759 629 000 Ariary tamin'ny sora-bola voalohany), ny taham-panatanterahana ireo tondromarika dia 42,8%, izany hoe tondromarika enina (08) tamin'ireo 14 nofaritana mialoha no tratra. Isan'izany ny tahan'ireo faritra matanjaka ara-toekarena afaka nifandray ara-pitaterana, ny isan-jaton'ny làlam-pirenena tsara : làlana vita tara, ny tahan-ketra tatao momba ny fikojakojana ny làlana voatahiry ho an'ny FER, ny isan-jaton'ny refin'ireo làlam-pirenena voakojakoja isan-taona tao anatin'ny fikojakojana mahazatra, ary ny isan'ireo faritra mampiasa ny fampitam-baovao momba ny toetr'andro.

Tsy nisy vokatra azo tamin'ny fandrakofana famatsiam-bola ireo tetik'asa laharam-pahamehana sy ny fanatanterahana ny paik'ady fampiofanana ho an'ny mpiasa sy ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika, izay tafiditra tao anatin'ny iraka asa vaventy.

**Primatiora Lefitra misahana ny Fampandrosoana sy ny Fanajariana ny Tany**

Ity Departemanta ity dia niandraikitra ny fampandrosoana ny politikan'ny fananan-tany sy ny fametrahana ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany, ka iraka roa no nankinina taminy. Sora-bola nitentina 71 347 775 000 Ariary no nomena azy. Ny taham-pandaniana ny sora-bola dia 43,26%, izay nitentina 30 868 122 380,02 Ariary.

Nanatanteraka fandaharan'asa roa (02) ny Ministera teo amin'ny iraka *« Tany sy filaminan'ny fananan-tany »*, izay nozaraina tamin'ny tanjona roa (02). Ny tanjona voalohany dia nihevitra ny hanamafy ny fahaiza-manaon'ireo mpiasa momba ny fitantanana ireo antontan-taratasy momba ny tany, izay nihoatra ny vinavina satria mpiasa 677 no afana nahazo fiofanana raha 500 ny vinavina teny am-boalohany. Ny faharoa dia nikasika ny filaminan'ny fananan-tany sy fanavaozana ireo sampan-draharahan'ny fananan-tany, tanjona izay tsy tratra noho ny tsy fahampian'ny sora-bola. Araka izany dia niheny hatrany amin'ny antsasany ny isan'ny taratasy fanamarinan-tany vita ; nanampy izany koa ny tsy fisian'ny toeram-pandraisana momba ny fananan-tany tafapetraka nandritra ny taona 2013 nefa ny fanamby napetraka dia tafakatra hatramin'ny dimam-polo (50).

Tsy nahazoana ireo vokatra nandrasana ireo atrik'asa nentina ho an'ny iraka « fanajariana ny tany ». Araka izany, tamin'ireo tondromarika folo (10) napetraka mba hanatratrarana ireo tanjona, iray ihany no vita 100% izay singanina manokana eto, dia ny fe-potoana fikirakirana ireo antontan-taratasy izay nihatsara tokoa. Tena tsy ampy ny fanatanterahana nisy ho an'ireo tondromarika ambiny, toy ny fampiofanana ny mpiasa, ny taham-pampiasana ny tetibola, ny fitadiavana/famoronana ireo fizarana lafin-tany, ny fampivelarana ireo fizaran-dafin-tany an-drenivohitra, ny tsy fampitokana-monina ireo faritra ary ny fandrafetana ireo antontan-taratasy momba ny fandaminana ny lafin-tany, noho ny tsy famoahana ny vola tamin'izany fotoana izany.

**Ministeran'ny Fitaterana**

Ny fandaminana, ny fampanaraham-penitra ary ny kalitao ho an'ny rafitry ny fitaterana no isan'ny fanambin'ity Ministera ity. Ankoatra ny fandaharan'asa iraisan'ny Ministera rehetra, ny fitondrany ny politikany dia ny fanatanterahana fandaharan'asa roa (02): « fitaterana an-tanety sy an-damasinina » ary ireo « fitaterana an-dranomasina, an-dranomamy ary ana-habakabaka ». Ny sanda novinavinaina ho an'ireto fandaharan'asa ireto teny am-piaingana dia 38 701 384 000 Ariary. Tafakatra 32 448 441 473,40 Ariary ny fandaniana farany, izany hoe taham-pampiasana tetibola 83,84%.

Fihatsarana tsy azo atao tsinotsinona no tanteraky ny Ministera tao anatin'ny fandaharan'asa fitantanana sy fandrindrana satria tontosa araka ny vinavina ireo tanjona roa (02) napetraka. Ireo vokatra tsara dia nahakasika ny isan'ireo antontan-taratasy momba ny tsenam-

panjakana voarafitra tao anatin'ny fotoana nomena sy ny fampiofanana mpiasa miisa 63 (tamin'ny vinavina 15).

Ny taham-panatanterahana ny fandaharan'asa fitaterana an-tanety sy an-dalamby dia sandaina ho 20%, izany hoe tondromarika iray (01) ihany no tratra tamin'ireo dimy (05) napetraka. Ny fanajana ny tetiandro fanatanterahana ireo asa dia nahafahana nanamboatra ireo tetezana sy asam-bakoka miisa folo (10) tamin'ny 2013, nefa fito (07) ny vinavina. Ankilany, ny fanemorana ireo atrik'asa ho an'ny taona 2014 no anton'ny tsy fisian'ny fanorenana/fanamboarana toeram-piantsonan'ny fiara mpitatitra tamin'ny 2013. Nanampy izany ny olana teo amin'ny fanangonana fitaovana momba ny làlana, ny fahanteran'ireo fotodrafitrasa ho an'ny ampahan'ny làlam-by tamin'ireo faritra sasany ary ny olana ara-tetibola izay nahatonga ny elanela-panatanterahana tamin'ireo tondromarika sasany, dia ny refin'ny làlam-by nasiam-panamboarana, ny lanjan'ny entana nentin'ny fiara an-dàlam-by ary ny isan'ny fivoriam-panentanana momba ny aro lozan'ny fifamoivozana.

Momba ny fandaharan'asa farany, raha tsy tratra ny tanjona hampandroso ny rafitry ny fitaterana ana-habakabaka noho ny toe-draharaha ara-politika sy ara-toekarena teto amin'ny firenena, nihoatra lavitra kosa izany ho an'ny fampandrosoana ny rafitry ny fitaterana an-dranomasina sy an-dranomamy. Nasiam-panamboarana araka izay noheverina teny ampiandohana ireo fotodrafitrasa tao amin'ny Seranan-tsambon'i Mananjary. Ambonin'izany, entana an-dranomasina 915 000 taonina no ambonin'ny tarehimarika novinavinaina, fiakarana izay nisy noho ny fampiasana ireo seranan-tsambo lehibe malagasy.

**<u>Ny Ministeran'ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao</u>**

Ity Ministera ity dia nanana fijery hiantoka ny rafitry ny fifandraisana mandaitra sy mora vidy, niandraikitra iraka roa (02) izy: Paositra sy Fifandraisan-davitra sy Teknolojian'ny Fampitam-baovao sy ny Fifandraisana (TIC). Ny fanatanterahana ireo andraikiny dia nilàna sora-bola 23 638 424 000 Ariary, nefa ny 1,05% fotsiny no lany tamin'ny fiafaran'ny taona, izany hoe 248 238 000 Ariary. Tsara ny milaza fa izy no manana ny taha ambany indrindra teo amin'ny fampiasana ny tetibola.

Ny fanatanterahana ireo fandaharan'asany dia nankinina tamin'ny tanjona roa (02) : hiantoka ny fitantanana ny mpiasa ara-drariny sy ahitam-bokatra sy hiantoka ny rafi-pifandraisana mandaitra sy mora vidy. Nahafa-po ihany ireo fanatanterahana ireo tondromarika rehetra. Nefa ny famerana ny fandaniana nandritra ny telovolana fahaefatra dia tsy nahafahana nahatratra ny taham-pampiasana ny tetibola novinavinaina. Ambonin'izany, raha ivon-tserasera tsy miankina sy ivon-tserasera an-tsekoly dimam-polo (50) no noheverina hapetraka tamin'ny 2013, telo (03) ihany no tafapetraka, taham-panatanterahana kely izay 6%.

Ho fandravonana, tamin'ny alalan'ireo fanadihadiana natao dia voaporofo fa ny tetibolam-panjakana dia nanaraka ny mari-pilazana tamin'ireo tanjon'ny politikam-panjakana, izay araka ny fomba fijery vaovao nentin'ny LOLF. Araka izany, ny fitambaran'ireo tanjona norafetina dia natao hanatanterahana ireo fandaharan'asa isan-karazany izay nomena sora-bola. Mba hahazoana mijery marina ireo fanatanterahana na arak'asa na ara-tetibola ho an'ny taona 2013, dia fintinin'ity fafana manaraka ity ireo fandaniana ara-tetibola mifandray amin'ireo vokatra mivaingana (taham-panatanterahana) isaky ny Andrim-panjakana sy Ministera, voatsinjara isaky ny fandaharan'asa.

**Fafana 20**- Tahan'ny fanatanterahana ireo tondromarika isaky ny fandaharan'asa sy taham-pandaniana ny sora-bola mifanaraka amin'izany (amin'ny %)

| KAODY MIN | Andrim-panjakana sy Ministera | KAODY IRAKA | IRAKA | KAODY _FAND | FANDAHARAN'ASA | Taham-panatanterahana ny fihatsarana . | Taham-pandaniana sora-bola |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 01 | FIADIDIANA NY FAHEFANA AVON'NY TETEZAMITA | 010 | FIADIDIANA NY FAHEFANA AVON'NY TETEZAMITA | 001 | Fitantanana sy Fandrindrana | 79,21 | 95,51 |
| | | | | 201 | Fotodrafitrasa mifandray | 100,00 | 81,34 |
| | | | | 401 | Fampandrosoana ny ambanivohitra | 83,33 | 75,32 |
| | | | | 501 | Fahasalamana, fandrindrana ny fiainam-pianakaviana ary ady amin'ny VIH/SIDA | 84,64 | 8,10 |
| | | | | 801 | Firaisan-kinam-pirenena | Autres | - |
| 02 | FILAN-KEVITRA AMBONIN'NY TETEZAMITA | 020 | FILAN-KEVITRA AMBONIN'NY TETEZAMITA | 002 | Fitantanana sy Fandrindrana | 118,65 | 94,07 |
| | | | | 119 | Fanohanana ireo mpikamban'ny Andrim-panjakana | 222,95 | 99,75 |
| 03 | KONGRESIN'NY TETEZAMITA | 030 | KONGRESIN'N Y TETEZAMITA | 003 | Fitantanana sy Fandrindrana | 100,00 | 91,69 |
| | | | | 101 | Fanjakana tompon'andraikitra | 44,66 | 99,52 |
| 04 | FAHEFANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA | 040 | FAHEFANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA | 004 | Fitantanana sy Fandrindrana | 67,46 | 80,74 |
| | | | | 102 | Fanjakana tompon'andraikitra | 120,86 | 81,75 |
| 05 | FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA | 050 | FIADIDIANA NY PRAIMINISTR A | 005 | Fitantanana sy Fandrindrana | 70,50 | 58,93 |
| | | | | 402 | Fampandrosoana ny ambanivohitra | 109,55 | 29,22 |
| | | | | 403 | Fanjarian-tsakafo sy filaminana ara-tsakafo | 142,49 | 37,62 |
| | | | | 802 | Firaisan-kinam-pirenena | 100,00 | 74,50 |
| 10 | MINISTERAN'NY FIFANDRAISANA AMIN'IREO ANDRIM-PANJAKANA | 100 | FIFANDRAISA NA AMIN'IREO ANDRIM-PANJAKANA | 055 | Fitantanana sy Fandrindrana | 36,77 | 82,51 |
| | | | | 821 | Fandrindrana ny fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana | 150,00 | 90,82 |
| | | | | 822 | Fanandratana ny fanjakana tsara tantana sy fampandraisana anjara ny teratany | 61,11 | 53,31 |
| 11 | MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY | 110 | RAHARAHAM-BAHINY | 006 | Fitantanana sy Fandrindrana | 55,98 | 79,05 |
| | | | | 601 | Diplomasia sy Fiaraha-miasa | 117,02 | 85,10 |
| 12 | MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA | 122 | FIAROVANA SY FILAMINANA | 007 | Fitantanana sy Fandrindrana | 54,19 | 98,09 |
| | | | | 103 | Fitantanana ny politikan'ny fiarovana | 92,60 | 84,08 |
| | | 123 | TAFIKA MALAGASY | 008 | Fitantanana sy Fandrindrana | 63,78 | 84,09 |
| | | | | 104 | Tafika an-tanety | ND | 89,78 |
| | | | | 105 | Tafika ana-habahabaka | 110,29 | 91,45 |
| | | | | 106 | Tantsambom-pirenena | 5,50 | 91,05 |
| 13 | SEKRETERAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARMARIA | 130 | ZANDARMARI AM-PIRENENA | 009 | Fitantanana sy Fandrindrana | 87,47 | 92,35 |
| | | | | 108 | Fanelanelanana manokana sy/na mifangaro | 96,89 | 95,44 |
| | | | | 121 | Fandriam-pahalemana sy filaminam-bahoaka | 76,31 | 63,46 |
| | | | | 124 | Fampanaraham-penitra ireo fampitaovana sy fotodrafitrasa | 71,58 | 87,13 |
| | | | | 125 | Fiofanana | 96,00 | 83,69 |
| 14 | MINISTERAN'NY ATITANY | 140 | FITANTANAN A NY LAFIN-TANY | 010 | Fitantanana sy Fandrindrana | 52,67 | 91,54 |
| | | | | 109 | Fitantanana ny lafin-tany | 423,53 | 52,83 |
| | | | | 202 | Fitantanana ireo loza sy tranga mitera-doza | 113,61 | 18,84 |
| 15 | MINISTERAN'NY FILAMINANA ANATINY | 150 | FILAMINAM-BAHOAKA | 036 | Fitantanana sy Fandrindrana | 42,97 | 94,74 |
| | | | | 120 | Filaminam-bahoaka | 90,10 | 50,66 |

| KAODY MIN | Andrim-panjakana sy Ministera | KAODY IRAKA | IRAKA | KAODY _FAND | FANDAHARAN'ASA | Taham-panatanterahana ny fihatsarana . | Taham-pandaniana sora-bola |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 16 | MINISTERAN'NY FITSARANA | 160 | FITSARANA | 012 | Fitantanana sy Fandrindrana | 68,17 | 94,60 |
| | | | | 111 | Fitantanana ny Fitsarana | 87,50 | 68,54 |
| | | | | 112 | Fandraharahana ny Fonja | 86,50 | 86,99 |
| 17 | MINISTERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA | 170 | FITSINJARAM-PAHEFANA | 044 | Fitantanana sy Fandrindrana | 65,07 | 63,01 |
| | | | | 113 | Fampandrosoana ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana | 150,00 | 84,93 |
| 21 | MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA | 220 | FITANTANAM-BOLA SY TETIBOLA | 013 | Fitantanana sy Fandrindrana | 94,46 | 84,05 |
| | | | | 114 | Fitantanana ny tetibola | 98,04 | 125,68 |
| | | | | 115 | Fitantanana ny hetra | 591,67 | 55,89 |
| | | | | 116 | Fadin-tseranana | 104,61 | 67,64 |
| | | | | 117 | Tahirim-bola | 46,52 | 43,35 |
| | | | | 803 | Asa sosialy | 114,64 | 59,03 |
| 25 | PRIMATIORA LEFITRA MISAHANA NY TOEKARENA SY NY INDOSTRIA | 290 | FITANTANANA NY TOEKARENA | 014 | Fitantanana sy Fandrindrana | 87,43 | 79,45 |
| | | | | 604 | Toekarena | 106,67 | 43,26 |
| | | 340 | INDOSTRIA | 051 | Fitantanana sy Fandrindrana | 64,83 | 57,65 |
| | | | | 605 | Indostria | 600,50 | 4,68 |
| 32 | MINISTERAN'NY ASAM-PANJAKANA,NY ASA ARY NY LALANA SOSIALY | 310 | ASA SY LALANA SOSIALY | 041 | Fitantanana sy Fandrindrana | 137,50 | 62,01 |
| | | | | 804 | Fiarovana ny tontolom-piarahamonina sy arak'asa ho an'ireo mpiasa | 47,94 | 39,17 |
| | | | | 805 | Fanohanana ny fifanakalozan-kevitra ara-piarahamonina sy ireo zo fototra | 69,54 | 46,58 |
| | | | | 812 | Fanatsarana ny ady atao amin'ny fampiasana ny ankizy | Autres | 0,00 |
| | | 320 | ASAM-PANJAKANA | 015 | Fitantanana sy Fandrindrana | 52,65 | 85,58 |
| | | | | 118 | Fanatsarana ny asam-panjakana sy fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpiasam-panjakana | 71,48 | 63,75 |
| | | 330 | ASA | 038 | Fitantanana sy Fandrindrana | 46,67 | 0,00 |
| | | | | 607 | Fanohanana ny fitomboan'ny toekarena amin'ny alalan'ny asa manara-dalàna | 61,05 | 43,33 |
| 35 | MINISTERAN'NY FIZAHAN-TANY | 350 | FIZAHAN-TANY | 040 | Fitantanana sy Fandrindrana | 100,00 | 87,51 |
| | | | | 608 | Fampivelarana ny fizahan-tany | 101,23 | 50,34 |
| | | | | 610 | Fampandrosoana ny fitsirihana sy ny fanaraha-maso momba ny fizahan-tany | 127,77 | 19,14 |
| 36 | MINISTERAN'NY VAROTRA | 360 | VAROTRA | 037 | Fitantanana sy Fandrindrana | 91,64 | 90,42 |
| | | | | 606 | Varotra | 103,16 | 54,17 |
| 37 | MINISTERAN'NY FIFANDRAISANA | 370 | FIFANDRAISANA | 30 | Fitantanana sy Fandrindrana | 90,02 | 83,38 |
| | | | | 212 | Filazam-baovao | 50,23 | 52,57 |
| | | | | 213 | Fampandrosoana ireo fotodrafitrasan'ny haino aman-jery | 100,00 | 97,53 |
| 38 | MINISTERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY TAOZAVATRA | 342 | TAOZAVATRA | 46 | Fitantanana sy Fandrindrana | 112,50 | 53,78 |
| | | | | 611 | Fampivelarana ny Taozavatra | 105,86 | 51,42 |
| 41 | MINISTERAN'NY FAMBOLENA | 410 | FAMBOLENA | 016 | Fitantanana sy Fandrindrana | 83,10 | 89,83 |
| | | | | 404 | Tontolo maitso sy maharitra | 72,55 | 11,73 |
| | | | | 405 | Fikarohana ara-pambolena | 237,61 | 21,18 |
| 42 | MINISTERAN'NY FIOMPIANA | 420 | FIOMPIANA | 039 | Fitantanana sy Fandrindrana | 94,92 | 86,66 |
| | | | | 406 | Fampandrosoana ireo vokatra avy amin'ny biby | 66,52 | 51,04 |

| KAODY_ MIN | Andrim-panjakana sy Ministera | KAODY IRAKA | IRAKA | KAODY _FAND | FANDAHARAN'ASA | Taux Moyen de réal. de perform . | Taux Moyen cons. de crédits |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 43 | MINISTERAN'NY JONO SY NY HARENA AN-DRANOMASINA | 430 | JONO | 003 | Fitantanana sy Fandrindrana | 55,23 | 86,80 |
| | | | | 408 | Fampandrosoana ny Jono sy ny Harena an-dranomasina | 89,41 | 7,36 |
| 44 | MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY ALA | 440 | TONTOLO IAINANA | 017 | Fitantanana sy Fandrindrana | 200,00 | 88,72 |
| | | | | 701 | Fitantanana maharitra ireo harena voajanahary | 163,05 | 5,94 |
| | | | | 703 | Fampivelarana ny filaminana ara-tontolo iainana | 177,31 | 18,80 |
| 51 | MINISTERAN'NY ANGOVO | 510 | ANGOVO | 031 | Fitantanana sy Fandrindrana | 41,76 | 87,62 |
| | | | | 203 | Fampivelarana ireo fotodrafitrasa momba ny herinaratra sy ireo loharanon'angovo | 48,11 | 24,94 |
| 52 | MINISTERAN'NY RANO | 520 | RANO SY FANADIOVANA | 032 | Fitantanana sy Fandrindrana | 86,96 | 86,00 |
| | | | | 205 | Fampivelarana ny fahazoan-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana | 87,63 | 7,39 |
| 53 | MINISTERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY | 530 | HARENA AN-KIBON'NY TANY | 019 | Fitantanana sy Fandrindrana | 109,20 | 82,11 |
| | | | | 609 | Fampandrosoana ny sehatra harena an-kibon 'ny tany | 248,65 | 34,42 |
| | | 540 | SOLIKA | 056 | Fitantanana sy Fandrindrana | 72,52 | 84,68 |
| | | | | 204 | Fampandrosoana ny sehatry ny solitany sy ireo solika mifangaro | 73,17 | 40,13 |
| 61 | MINISTERAN'NY ASA VAVENTY SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO | 610 | ASA VAVENTY | 020 | Fitantanana sy Fandrindrana | 45,83 | 91,19 |
| | | | | 206 | Fampivelarana ny fotodrafitrasa momba ny làlana | 102,50 | 12,75 |
Ny fandaniana momba ny karama no nahazo sora-bola betsaka indrindra izay mahatratra 43,29% tamin'ny sora-bola rehetra. Nahitana fiakarana ny anjara notazominy tamin'ny fitambaran'ny fandaniana. Raha 48% izany tamin'ny 2012 dia lasa 51,39% tamin'ny 2013 niaraka tamin'ny fandaniana teo ho eo amin'ny 92,76%. Ny sora-bola natokana ho an'ny fandaniana ankoatra ny karama sy FHPP dia 33,25% sy 23,46% isan'isany tamin'ny fitambaran'ny sora-bola rehetra.

Niakatra ny taham-panjifana ny sora-bola teo amin'ireo fandaniana ara-drafitra ary tafakatra 100%. Nefa ny anjarany tao anatin'ny fitambaran'ireo fandaniana rehetra dia tena kely hatrany satria 1,71% fotsiny. Ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha no nandrafitra ny 30% n'ireo fandaniana vita ary nandany sora-bola hatramin'ny 92,36%. Ny isan-jaton'ny fandaniana momba ny zana-bolan'ny trosa tao anatin'ireo sora-bola rehetra sy tao anatin'ireo fandaniana rehetra dia tena ambany tamin'ny taha isan'isany 6,46% sy 3,17%. Nahitana fiakarana 18,45% ny fanatanterahana ny FHPP raha oharina tamin'ny 2012, izany hoe 333 Lavitrisa Ariary. Tamin'ny vinavina 732 Lavitrisa Ariary, ny taham-panatanterahana dia teo amin'ny 45%.

**Fafana 25 :** Fitsinjarana ny fampiasana ireo fandaniana araka ny karazany

(amin'ny Ariary)

| Karazam-pandaniana | Sora-bola farany | Fandaniana | % tamin'ny sora-bola rehetra | Taham-pandaniana ny sora-bola | % tamin'ny fandaniana rehetra |
|---|---|---|---|---|---|
| ZANA-BOLAN'NY TROSAM-PANJAKANA | 201 816 812 000,00 | 77 272 596 658,74 | 6,46 | 38,29 | 3,17 |
| LAHASA MOMBA NY KARAMA | 1 351 536 102 000,00 | 1 253 654 522 634,30 | 43,29 | 92,76 | 51,39 |
| LAHASA ANKOATRA NY KARAMA | 794 054 731 000,00 | 733 406 219 137,03 | 25,43 | 92,36 | 30,06 |
| LAHASA MOMBA NY RAFITRA | 42 181 737 000,00 | 41 772 551 051,00 | 1,35 | 99,03 | 1,71 |
| PIP | 732 459 570 000,00 | 333 532 204 110,16 | 23,46 | 45,54 | 13,67 |
| **FITAMBARANY** | **3 122 048 952 000,00** | **2 439 638 093 591,23** | **100,00** | **78,14** | **100,00** |

*Loharanom-baovao : CGAF,DGB*

**Kisary 10 :** Fitsinjarana ny fampiasana ireo fandaniana araka ny karazany




*Loharanom-baovao: DGB*

### 3. Endrik'ireo fandanian'ny fampandehanan-draharaha isaky ny karazan-kaonty goavana

Ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha tao anatin'ny fandaniana rehetra 2 439 Lavitrisa Ariary dia 775 Lavitrisa Ariary. Izany dia 31,77% ny fitambaram-beny.

Ireo « Famindrana » no nomena sora-bola betsaka indrindra. Sora-bola 534 Lavitrisa Ariary tao anatin'ny sora-bola rehetra 836 Lavitrisa Ariary no nomena azy, izay ampahany 65,15%. Ireo karazan-kaonty roa hafa dia tsy nanana afa tsy ny 34,85% tamin'ny sora-bola.

Ny taha ankapoben'ny fandaniana dia 92,70% ary nahatratra ny 98,11% ho an'ireo « Famindrana ». Ho an'ireo « Tambin-karama» sy « entana sy asa aman-draharaha» kosa, ny taham-panatanterahany dia 92,80% sy 77,75% isan'isany.

**Fafana 26 :** Fitsinjarana isaky ny karazan-kaonty goavana ireo fandanian'ny fampandehanan-draharahan'ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana

(Amin'ny Ariary)

| Kaonty goavana | Sora-bola farany | Fandaniana | % tamin'ny sora-bola rehetra | Taham-pandaniana ny sora-bola | % tamin'ny fandaniana rehetra |
|---|---|---|---|---|---|
| Entana sy asa aman-draharaha | 197 948 648 200,00 | 153 899 247 441,24 | 23,67 | 77,75 | 19,85 |
| Tambin-karama | 93 460 481 675,00 | 86 727 792 726,96 | 11,18 | 92,80 | 11,19 |
| Famindrana | 544 827 338 125,00 | 534 551 730 019,83 | 65,15 | 98,11 | 68,96 |
| **FITAMBARANY** | **836 236 468 000,00** | **775 178 770 188,03** | **100,00** | **92,70** | **100,00** |

*Loharanom-baovao : CGAF, DGB*

**Kisary 11 :** Fitsinjarana isaky ny karazan-kaonty goavana ireo fandanian'ny fampandehanan-draharahan'ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana




*Loharanom-baovao*: *DGB*

### 4. Endrik'ireo FHPP isaky ny karazana famatsiam-bola

Ilaina ny fandinihana ireo vokatry ny fampiasana tetibola arakaraka ny karazazam-pamatsiam-bola mba handrefesana ny fahombiazana tamin'ny ezaky ny fanjakana tamin'ireo fomba nahafahana nahita loharanom-bola hamatsiana ireo andraikitra ara-tsosialy sy ara-toekarena sahaniny.

Ny fitomboan'ny habetsahan'ny sora-bola ho 24,95% sy ny fiakaran'ny fandaniana ho 38,91% mihoatra tamin'ny taona 2012 no nanamarika ny famatsiam-bola anatiny tamin'ny tetibola ankapobe. Izany fandaniana izany dia nitentina 315,24 Lavitrisa Ariary, izany hoe 148,45% tamin'ny sora-bola farany natokana ho an'ny famatsiam-bola anatiny.

Tafakatra 184,90 Lavitrisa Ariary ny fandaniana mikasika ny DTI, izany hoe 44 899,14% tamin'ny sora-bola farany.

Ambany lavitra tamin'izay noraiketina teny am-boalohany ny fandaniana momba ny RPI, izany hoe 66,26% tamin'ny sora-bola farany, izay nanamarina ny fifehezana ny fandaniam-bolam-panjakana.

Momba ny famatsiam-bola ivelany kosa, tsapa ny fihenan'ny fandaniana 66,53% mihoatra tamin'ny taona 2012, izany hoe 18,29 Lavitrisa Ariary nefa niakatra ho 0,83% ny sora-bola farany.

**Fafana 27 :** Fitsinjarana ny fampiasana ireo fandanian'ny FHPP araka ireo karazam-pamatsiam-

bola

(Amin'ny Ariary)

| Kaody | Filazana | Sora-bola farany | Fandaniana | Taham-pandaniana ny sora-bola (%) | % tamin'ny fandaniana rehetra |
|---|---|---|---|---|---|
| **10** | RPI | 192 727 881 000,00 | 127 712 699 903,05 | 66,27 | 38,29 |
| **20** | DTI | 411 822 000,00 | 184 904 545 809,00 | 44 899,14 | 55,44 |
| **30** | TVA | 19 086 727 000,00 | 2 625 773 760,64 | 13,76 | 0,79 |
| **40** | FCV | 0,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **FAMATSIAM-BOLA ANATINY** | | **212 226 430 000,00** | **315 243 019 472,69** | | |
| **60** | FANAMPIANA | 301 286 770 000,00 | 13 147 155 694,44 | 4,36 | 3,94 |
| **70** | FINDRAMAM-BOLA | 218 946 370 000,00 | 5 142 028 943,03 | 2,35 | 1,54 |
| **FAMATSIAM-BOLA IVELANY** | | **520 233 140 000,00** | **18 289 184 637,47** | | |
| **FITAMBARANY** | | **732 459 570 000,00** | **333 532 204 110,16** | **45,54** | **100,00** |

*<u>Loharanom-baovao</u> : DGB*

**Kisary 12 :** Fitsinjarana ny fampiasana ireo fandanian'ny FHPP araka ireo karazam-pamatsiam-bola




*<u>Loharanom-baovao</u> : DGB*

## 5. Endrik'ireo fandaniana isaky ny faritra

**Fafana 28 :** Fitsinjarana ny fampiasana ireo fandaniana isam-paritra

(Amin'ny Ariary)

| Faritra | | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Fandaniana | Anjara tamin'ny fandaniana rehetra % |
|---|---|---|---|---|---|
| FARITRA | ALAOTRA | 19 174 864 000,00 | 19 005 099 110,00 | 4 421 689 630,00 | 1,11 |
| | AMORON MANIA | 3 325 503 000,00 | 3 065 423 000,00 | 1 479 450 055,20 | 0,37 |
| | ANALAMANGA | 120 950 292 000,00 | 118 743 935 000,00 | 108 896 391 423,72 | 27,27 |
| | ANALANJIROFO | 2 619 546 000,00 | 2 763 234 000,00 | 1 366 785 348,62 | 0,34 |
| | ANDROY | 1 643 048 000,00 | 1 646 439 000,00 | 977 309 408,69 | 0,24 |
| | ANOSY | 2 658 816 000,00 | 2 674 908 000,00 | 1 660 544 305,93 | 0,42 |
| | ATSIMO ANDREFANA | 94 583 678 000,00 | 92 092 195 332,00 | 46 290 650 266,75 | 11,59 |
| | ATSIMO ATSINANA | 2 944 859 000,00 | 2 930 612 000,00 | 1 490 520 308,71 | 0,37 |
| | ATSINANANA | 68 262 039 000,00 | 70 475 031 590,00 | 62 067 235 608,00 | 15,54 |
| | BETSIBOKA | 1 664 705 000,00 | 1 591 619 000,00 | 600 653 489,91 | 0,15 |
| | BOENY | 58 355 635 000,00 | 58 115 569 000,00 | 49 963 376 797,60 | 12,51 |
| | BONGOLAVA | 1 701 007 000,00 | 1 603 481 000,00 | 766 268 937,67 | 0,19 |
| | DIANA | 36 213 379 000,00 | 36 242 460 000,00 | 29 456 511 765,06 | 7,38 |
| | MATSIATRA AMBONY | 77 417 640 000,00 | 79 428 677 000,00 | 74 510 366 390,40 | 18,66 |
| | IHOROMBE | 1 556 170 000,00 | 1 649 659 000,00 | 1 046 714 790,47 | 0,26 |
| | ITASY | 6 115 276 000,00 | 6 141 133 000,00 | 1 153 677 086,92 | 0,29 |
| | MELAKY | 1 882 461 000,00 | 1 857 416 000,00 | 1 160 795 250,62 | 0,29 |
| | MENABE | 8 583 743 000,00 | 8 864 662 000,00 | 2 202 145 355,77 | 0,55 |
| | SAVA | 6 188 159 000,00 | 6 266 637 000,00 | 1 905 249 656,32 | 0,48 |
| | SOFIA | 3 454 669 000,00 | 3 433 886 000,00 | 2 080 067 150,20 | 0,52 |
| | VAKINANKARATRA | 5 769 339 000,00 | 6 068 496 875,00 | 3 644 467 621,94 | 0,91 |
| | VATOVAVY | 3 930 644 000,00 | 3 918 282 000,00 | 2 238 805 576,46 | 0,56 |
| **FITAMBARANY HO AN'NY FARITRA (1)** | | **528 995 472 000,00** | **528 578 854 907,00** | **399 379 676 224,96** | **100,00** |
| FOIBE | ACCPDC | 11 369 208 000,00 | 9 479 211 000,00 | 8 038 471 320,94 | 0,39 |
| | PGA | 2 581 684 272 000,00 | 2 583 990 886 093,00 | 2 032 219 946 045,33 | 99,61 |
| **FITAMBARANY HO AN'NY FOIBE (2)** | | **2 593 053 480 000,00** | **2 593 470 097 093,00** | **2 040 258 417 366,27** | **100,00** |
| **FITAMBARAMBENY (1)+(2)** | | **3 122 048 952 000,00** | **3 122 048 952 000,00** | **2 439 638 093 591,23** | |

*<u>Loharanom-baovao</u>: DGB*

Tamin'ny 2013, ny fandaniana tamin'ny tetibola ankapobe teny anivon'ny faritra dia nahatratra 399,38 Lavitrisa Ariary. Nitombo 14,11% izany fandaniana izany raha oharina tamin'ny 2012. Raha faritra enina no nahazo ny 92,94% tamin'ny fandaniana ho an'ny faritra, ny faritra Analamanga no lohalaharana ka nanana taham-panatanterahana 27,27%, ny an'ireo dimy hafa kosa dia teo anelanelan'ny 7% sy 18%. Mikasika ireo faritra hafa, tsy nihiatra ny 1% ny anjarany tamin'ireo fandaniana rehetra, tao anatin'izany ohatra ny faritra Itasy sy Atsimo Atsinanana izay nanana isan'isany 0,29% sy 0,37%.

Ny taham-pandaniana ny sora-bola hita tamin'ireo renivohi-paritany teo aloha dia nihoatra ny 80% ka singanina amin'izany ny faritra Atsimo Andrefana izay nandany sora-bola hatramin'ny 50%. Nahatratra ny 93% ny faritr'i Matsiatra Ambony narahin'ny faritra Analamanga tamin'ny taham-pandaniana 91%. Faritra 11 no niovaova teo anelanelan'ny 48% sy 63% dia : Androy, Ihorombe, Melaky, Analanjirofo, Amoron'i mania, Atsimo Atsinanana, Anosy, Sofia, Vatovavy, Vakinankaratra, Atsimo Andrefana. Ny faritra Itasy kosa no nanana taha ambany indrindra satria 18% fotsiny ny fandaniana vitany tamin'ny sora-bola nomena azy.

Tsapa ny fitomboan'ny fandaniana 12,15% tety amin'ny foibe raha oharina tamin'ny taona 2012, izay nitentina 2 040,26 Lavitrisa Ariary. Singa roa no hita ao anatin'ny rafitra foibe. Voakasik'izany ireo Andrim-panjakana/ Ministera foibe mifandray amin'ny PGA izay nandany vola nitentina 2 032,22 Lavitrisa Ariary sy ireo Masoivoho sy Solon-tenan'i Madagasikara any ivelany izay nandany 8 038 Lavitrisa Ariary. Raha atambatra, ny 83% tamin'ny fandanian'ny Fanjakana Malagasy tamin'ny 2013 dia natao teto anivon'ny foibe avokoa.

## III. <u>Ireo Tetibola Anankina</u>

Ireo Tetibola Anankina dia ahitana hatrany ny famokaran'entana sy asa aman-draharaha ataon'ny Sampan-draharahan'ny Tranompirintim-pirenena sy ny Sampan-draharahan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra. Ireo vokatra sy fidiram-bola ary ireo fandaniana ho an'ireto Tetibola Anankina ireto dia novinavinaina isan'isany ho 12,54 Lavitrisa Ariary sy 4,42 Lavitrisa Ariary. Raha ampitahaina tamin'ny 2012 dia nahitana fihenana kely 4,37% ny fitambaran'ny tetibolan'ny Tranompirintim-pirenena ary tsy niova kosa ny an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra.

### A. <u>Tranompirintim-pirenena</u>

#### 1. Vola niditra tamin'ny Tranompirintim-pirenena

Ny vola niditra marina dia 6,40 Lavitrisa Ariary. Io tarehimarika azo io dia nahasahana ny 51,06% tamin'ny vinavina ary nandrafitra ny 92,41% tamin'ireo sara fandoa.

**Fafana 29 :** Vola niditra tamin'ny Tranompirintim-pirenena 2013

(Amin'ny Ariary)

| Kaonty | Filazana | Vinavina 2013 | Sara fandoa | Famoriam-bola vita | Ambiny ho voriana |
|---|---|---|---|---|---|
| **7721** | Asa aman-draharaha | 100 000 000,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **7722** | Vokatra efa vonona | 3 500 010 000,00 | 6 555 770 988,70 | 6 161 127 533,99 | 394 643 454,71 |
| **7725** | Asa | 4 219 980 000,00 | 368 425 624,10 | 236 877 805,86 | 131 547 818,24 |
| **7726** | Entana | 35 000 000,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **7728** | Hafa | 20 000 000,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **7781** | Fanafoanana ireo taratasim-bola | 10 000,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **7788** | Vokatra hafa | 100 000,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **7933** | Fitaovana sy fampitaovana | 100 000 000,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **7934** | Fitaovam-pitaterana | 250 000 000,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **TOTAL** | | **8 225 100 000,00** | **6 924 196 612,80** | **6 398 005 339,85** | **526 191 272,95** |
| **7783** | Fihoaran'ireo tetibola anankina | 4 317 000 000,00 | 6 588 680,00 | 6 588 680,00 | - |
| **Fitambarambe** | | **12 542 100 000,00** | **6 930 785 292,80** | **6 404 594 019,85** | **526 191 272,95** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> Kaontim-pitantanan'ny Tranompirintim-pirenena*

Raha ampitahaina tamin'ny taon-dasa dia nahitana fiakarana ny taham-panatanterahana mihoatra tamin'ny vinavina. Raha afaka namory 5,40 Lavitrisa Ariary tamin'ny vinavina 11,99 Lavitrisa Ariary ny Tranompirintim-pirenena tamin'ny 2012, izany hoe 45,04% tamin'ny vinavina, tamin'ny 2013 kosa, raha 12,54 Lavitrisa Ariary no nandrasana, 6,40 Lavitrisa Ariary no azo, izany hoe nihoatra kely ny antsasaky ny fidiram-bola novinavinaina.

Ireo vokatra vita sy ny fidiram-bola tamin'ny asa no nandrafitra ny ampahany betsaka tamin'ireo vola niditra. Tamin'ny sara fandoa nitentina 6,93 Lavitrisa Ariary, 526 191 272,95 Ariary sisa no tsy feno tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana 2013. Na izany aza nefa dia nahavita namatsy ireo fandaniana rehetra natao ihany ny vola niditra.

## 2. Fandanian'ny Tranompirintim-pirenena

Tafakatra 5,00 Lavitrisa Ariary ny fandanian'ny Tranompirintim-pirenena. Izany dia nahitana ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha izay tombanana mihoatra ny 4,99 Lavitrisa Ariary sy ny fandanian'ny hana-pamokarana izay tsy nahatratra afa tsy 6 588 680,00 Ariary.

Ity fafana ambany ity dia maneho fa ambany ny taham-pampiasana ny tetibola indrindra teo amin'ny fandanian'ny hana-pamokarana. Tsy nisy afa tsy ny 39,89% tamin'ny vinavina ny fitambarany. Ambonin'izany, fiakaran'ny fandaniana mihoatra ny 676,63 tapitrisa Ariary no hita raha oharina tamin'ny taona 2012. Izany dia vokatry ny fitomboan'ireo fandaniana isan-karazany, toy ny fividianana entana izay saiky avo roa heny, teo amin'ny 1,00 Lavitrisa Ariary hatramin'ny 2,28 Lavitrisa Ariary.

**Fafana 30** : Fandanian'ny Tranompirintim-pirenena 2013

(Amin'ny Ariary)

| Kaonty | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Fandaniana | Sora-bola tsy nampiasaina |
|---|---|---|---|---|
| **lohateny 23** | 40 000 000,00 | 120 000 000,00 | 0,00 | 120 000 000,00 |
| **lohateny 24** | 4 252 000 000,00 | 4 982 000 000,00 | 6 588 680,00 | 4 975 411 320,00 |
| **lohateny 28** | 25 000 000,00 | 25 000 000,00 | 0,00 | 25 000 000,00 |
| **Fitambaran'ny fandanian'ny hana-pamokarana** | 4 317 000 000,00 | 5 127 000 000,00 | 6 588 680,00 | 5 120 411 320,00 |
| **lohateny 60** | 2 701 000 000,00 | 2 701 000 000,00 | 2 143 296 924,40 | 557 703 075,60 |
| **lohateny 61** | 2 991 500 000,00 | 3 216 500 000,00 | 2 278 704 960,80 | 937 795 039,20 |
| **lohateny 62** | 792 600 000,00 | 1 028 600 000,00 | 512 689 838,60 | 515 910 161,40 |
| **lohateny 63** | 5 000 000,00 | 5 000 000,00 | 0,00 | 5 000 000,00 |
| **lohateny 64** | 1 615 000 000,00 | 344 000 000,00 | 16 378 276,00 | 327 621 724,00 |
| **lohateny 65** | 110 000 000,00 | 110 000 000,00 | 45 772 432,60 | 64 227 567,40 |
| **lohateny 67** | 10 000 000,00 | 10 000 000,00 | 0,00 | 10 000 000,00 |
| **Fitambaran'ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha** | 8 225 100 000,00 | 7 415 100 000,00 | 4 996 842 432,40 | 2 418 257 567,60 |
| **Fitambarambeny** | **12 542 100 000,00** | **12 542 100 000,00** | **5 003 431 112,40** | **7 538 668 887,60** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> Kaontim-pitantanan'ny Tranompirintim-pirenena*

**Kisary 13 :** Fandanian'ny Tranompirintim-pirenena 2013




*<u>Loharanom-baovao :</u> Kaontim-pitantanan'ny Tranompirintim-pirenena*

## B. Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao

Ny fandinihana ny vokatra tamin'ny fiafaran'ny fitantanana dia namoaka fa marin-toerana teo amin'ny 4,42 Lavitrisa Ariary ny fifandanjan'ny vola niditra sy ny fandanian'ny Tetibola Anankin'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra hatramin'ny taona 2011. Tsy voatazona kosa ny fihatsarana teo amin'ny fanatanterahana ny fidiram-bola tamin'ny taon-dasa. Ny fandaniana nefa nitombo. Vokatr'izany, fatiantoka no hita tamin'ny fanatanterahana ny taom-piasana 2013.

### 1. Fidiram-bolan'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao

Raha afaka nihoatra ny vinavina ny fidiram-bola tamin'ny taon-dasa, tamin'ny 2013 kosa dia 67,33% fotsiny ny taham-panatanterahana izay 2,98 Lavitrisa Ariary tamin'ny vola azo raha 2,88 Lavitrisa Ariary ireo sara fandoa. Raha 420,80 tapitrisa Ariary ny tombony novinavinaina teny am-piandohana, lasa 1,37 Lavitrisa Ariary izany tamin'ny fiafaran'ny taona.

**Fafana 31** : Fidiram-bolan'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao

(Amin'ny Ariary)

| Kaonty | Filazana | Vinavina 2013 | Sara fandoa | Famoriam-bola vita | Ambiny ho voriana |
|---|---|---|---|---|---|
| **7714** | Haba | 4 000 000 000,00 | 1 505 748 113,91 | 1 600 721 470,00 | - 94 973 356,09 |
| **7732** | Vokatra tamin'ireo atrik'asa fanampiny | 0,00 | 3 515 460,00 | 3 515 460,00 | 0,00 |
| **7783** | Fihoaran'ny tetibola anankina | 420 800 000,00 | 1 372 213 656,05 | 1 372 213 656,05 | 0,00 |
| **7900** | Fidiram-bola hafa | 0,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| | **Fitambarany** | **4 420 800 000,00** | **2 881 477 229,96** | **2 976 450 586,05** | **- 94 973 356,09** |

*Loharanom-baovao : Kaontim-pitantanan'ny PTNT*

### 2. Fandanian'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao

Fintinina ao anatin'ity fafana manaraka ity ny antsipirian'ny fandanian'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao.

**Fafana 32 :** Fandanian'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao 2013

(Amin'ny Ariary)

| Filazana | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Fandaniana | Sora-bola tsy nampiasaina |
|---|---|---|---|---|
| **lohateny 21** | 68 500 000,00 | 61 500 000,00 | 0,00 | 61 500 000,00 |
| **lohateny 23** | 9 000 000,00 | 9 000 000,00 | 0,00 | 9 000 000,00 |
| **lohateny 24** | 60 985 000,00 | 77 485 000,00 | 20 787 200,00 | 56 697 800,00 |
| **Fitambaran'ny fandanian'ny hana-pamokarana** | **138 485 000,00** | **147 985 000,00** | **20 787 200,00** | **127 197 800,00** |
| **lohateny 60** | 2 049 227 000,00 | 2 049 227 000,00 | 1 777 876 936,19 | 271 350 063,81 |
| **lohateny 61** | 644 438 000,00 | 675 368 000,00 | 596 154 292,00 | 79 213 708,00 |
| **lohateny 62** | 1 207 250 000,00 | 1 166 820 000,00 | 685 095 311,32 | 481 724 688,68 |
| **lohateny 64** | 4 100 000,00 | 4 100 000,00 | 0,00 | 4 100 000,00 |

| Filazana | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Fandaniana | Sora-bola tsy nampiasaina |
|---|---|---|---|---|
| **lohateny 65** | 375 000 000,00 | 375 000 000,00 | 311 153 017,88 | 63 846 982,12 |
| **lohateny 67** | 2 300 000,00 | 2 300 000,00 | 0,00 | 2 300 000,00 |
| **Fitambaran'ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha** | **4 282 315 000,00** | **4 272 815 000,00** | **3 370 279 557,39** | **902 535 442,61** |
| **Fitambaran'ny fandaniana** | **4 420 800 000,00** | **4 420 800 000,00** | **3 391 066 757,39** | **1 029 733 242,61** |

*Loharanom-baovao : Kaontim-pitantanan'ny PTNT*

Ny fandanian'ny Tetibola Anankina Paositra sy Fifandraisan-davitra izay novinavinaina ho 4,42 Lavitrisa Ariary dia lasa 3,39 Lavitrisa Ariary tamin'ny farany, izany hoe elanelam-panatanterahana 23,29% raha oharina amin'ny vinavina. Kely ny ampahany tamin'ny fandanian'ny hana-pamokarana nefa nihoatra ny 99% tamin'ny fandaniana rehetra ny an'ny fampandehanan-draharaha. Ny ampahany betsaka tamin'ireto fandaniana ireto dia natokana ho an'ny fandaniana momba ny mpiasa. Ny ambiny natao hividianana ireo entana sy asa aman-draharaha ary koa ireo fandaniana hafa ho fampandehanana ny Tetibola Anankina.

**Kisary 14 :** Fandanian'ny Paositra, Fifandraisan-davitra ary Teknolojia Vaovao 2013




*Loharanom-baovao : Kaontim-pitantanan'ny PTNT*

## C. Fintina ho an'ireo Tetibola Anankina

Ny fintina ho an'ireo Tetibola Anankina dia aseho amin'ity fafana manaraka ity :

**Fafana 33 :** Fintina ho an'ireo Tetibola Anankina 2013

| Tetibola anankina | Vola miditra | | | | Fandaniana | | | | (Amin'ny Ariary) |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Vinavina teny am-boalohany | Vinavina farany | Fanatanterahana | Taha | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Fanatanterahana | Taha | Vokatra |
| **Tranoprintim-pirenena** | 12 542 100 000,00 | 12 542 100 000,00 | 6 404 594 019,85 | 51,06 | 12 542 100 000,00 | 12 542 100 000,00 | 5 003 431 112,40 | 39,89 | 1 401 162 907,45 |
| **Paositra sy Fifandraisan-davitra** | 4 420 800 000,00 | 4 420 800 000,00 | 2 976 450 586,05 | 67,33 | 4 420 800 000,00 | 4 420 800 000,00 | 3 391 066 757,39 | 76,71 | -414 616 171,34 |
| **Fitambarambe** | **16 962 900 000,00** | **16 962 900 000,00** | **9 381 044 605,90** | **55,36** | **16 962 900 000,00** | **16 962 900 000,00** | **8 394 497 869,79** | **49,49** | **986 546 736,11** |

*Loharanom-baovao : Kaontim-pitantanan'ny IN, Kaontim-pitantanan'ny PTNT, Kajy SSEB*

Ny vokatry ny fampiasana ny Tetibola Anankina dia nahazoana tombony 986 546 736,11 Ariary. Vokatra azo tamin'ny tombony azo tao amin'ny Tranompirintim-pirenena izay nanesorana ny fatiantoka tao amin'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra. Fihenana goavana no tsapa araka izany raha ampitahaina tamin'ireo vokatra azo tamin'ny taon-dasa. Izany dia noho ny fihenan'ny vola niditra tao amin'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra.

Aseho ao anatin'ity kisary manaraka ity ny fanatanterahana ny fidiram-bola sy ny fandaniana:

**Kisary 15:** Fintina ho an'ireo Tetibola Anankina 2013







<u>*Loharanom-baovao :*</u> *Kaontim-pitantanan'ny IN, Kaontim-pitantanan'ny PTNT, Kajy SSEB*

## IV. Kaonty Manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana

Ny fafana manaraka dia anehoana ny fampiasana ireo Kaontim-Barotra izay ahitana ny ankamaroan'ny hetsika tamin'ny fidiram-bolan'ireo kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana. Ny CRCM araka izany dia nahavory mihoatra ny 95% n'ny fidiram-bola novinavinaina.

**Fafana 34 :** Vinavina sy fanatanterahana ireo fidiram-bolan'ny Kaontim-Barotra 2013

(Amin'ny Ariary)

| Kaonty | Filazana | Vinavina | Fanatanterahana | Elanelana | Taham-panatanterahana (%) |
|---|---|---|---|---|---|
| **7484** | Hetsika momba ny harena an-kibon'ny tany | 135 720 000,00 | 235 385 376,00 | -99 665 376,00 | 173,43 |
| **7562** | Fanampiana tamin'ny tamberin'ny vidin'entana | 0,00 | 18 469 600,00 | -18 469 600,00 | 0,00 |
| **7581** | CPR | 5 209 467 000,00 | 674 784 619,60 | 4 534 682 380,40 | 12,95 |
| **7582** | CRCM | 306 123 324 000,00 | 100 986 807 223,64 | 205 136 516 776,36 | 32,99 |
| **7713** | Saran'ny fitsirihana | 6 896 239 000,00 | 732 596 600,50 | 6 163 642 399,50 | 10,62 |
| **7714** | Sara tamin'ny fanomezan-dàlana ara-panjakana | 5 000 000,00 | 520 547 632,00 | -515 547 632,00 | 10 410,95 |
| **7715** | Haba naloan'ireo mpamokatra sy mpitrandraka | 1 000 000 000,00 | 0,00 | 1 000 000 000,00 | 0,00 |
| **7716** | Sara fandrendrehana firavaka | 0,00 | 193 674,00 | -193 674,00 | 0,00 |
| **7718** | Haba hafa | 0,00 | 708 381 126,00 | -708 381 126,00 | 0,00 |
| **7721** | Asa aman-draharaha | 1 365 373 000,00 | 1 329 340 445,70 | 36 032 554,30 | 97,36 |
| **7722** | Vokatra efa vonona | 20 000 000,00 | 0,00 | 20 000 000,00 | 0,00 |
| **7725** | Asa goavana | 30 000 000,00 | 0,00 | 30 000 000,00 | 0,00 |
| **7728** | Vokatra hafa tamin'ireo hetsika | 0,00 | 3 338 045 076,10 | -3 338 045 076,10 | 0,00 |
| **7732** | Fampanofàna isan-karazany | 20 000 000,00 | 500 000,00 | 19 500 000,00 | 2,50 |
| **7734** | Famaboana ataon'ny Fanjakana | 0,00 | 106 920,00 | -106 920,00 | 0,00 |
| **7737** | Lamandy sy sazy ara-bola | 286 400 000,00 | 18 098 100,00 | 268 301 900,00 | 6,32 |
| **7784** | Natokana ho an'ny mpiasa | 375 975 000,00 | 0,00 | 375 975 000,00 | 0,00 |
| **7788** | Vokatra hafa | 5 000 000 000,00 | 0,00 | 5 000 000 000,00 | 0,00 |
| **FITAMBARANY** | | **326 467 498 000,00** | **108 563 256 393,54** | **217 904 241 606,46** | **33,25** |

*<u>Loharanom-baovao</u> :Antontanisan'ny vola miditra tamin'ireo CPT*

Ny fanatanterahana ny fidiram-bola ao amin'ny kaontim-barotra matetika dia tsy dia manakaiky loatra ny vinavina. Raha tsy nanaovana vinavinana-tetibola ireo kaonty sasany, ny hafa kosa na notombanana ambony be, na notombanana ambany be. Araka izany dia elanelana goavana no nisy teo amin'ny taham-panatanterahana, hatramin'ny ambany indrindra izay latsaky ny 10%, hatramin'ny ambony indrindra izay avo iray alina heny tamin'ny vinavina. Isan'nizany ireo hetra tatao tamin'ny fanomezan-dàlana ara-panjakana. Ny asa aman-draharaha ihany no nahazo fihatsarana nahafa-po teo amin'ny famoriam-bola mivaingana.

Ho an'ny CPR sy CRCM, 12,95% et 32,99% isan'isany tamin'ny fidiram-bola nandrasana taminy no niditra. Fanatsarana kely tamin'ny taham-pamoriana no tsapa teo amin'ny CPR raha nidina nihoatra ny isa dimy ny an'ny CRCM.

**Fafana 35** : Endrika ankapoben'ireo CPT 2013

(Amin'ny Ariary)

| Filazana | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Fanatanterahana |
|---|---|---|---|
| **Vola miditra** | **400 538 582 000,00** | **400 538 582 000,00** | **117 320 046 651,76** |
| Kaonty fampindramam-bola | 74 071 084 000,00 | 74 071 084 000,00 | 4 306 790 258,22 |
| Kaonty fandraisana anjara | 0,00 | 0,00 | 4 450 000 000,00 |
| Kaontim-barotra | 321 467 498 000,00 | 321 467 498 000,00 | 108 563 256 393,54 |
| Kaonty avahana manokana | 5 000 000 000,00 | 5 000 000 000,00 | 0,00 |
| Haba tamin'ireo Fikambanana iraisam-pirenena | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **Fandaniana** | **493 126 613 000,00** | **493 126 613 000,00** | **368 437 762 564,46** |
| Kaonty fampindramam-bola | 13 576 440 000,00 | 13 576 440 000,00 | 0,00 |
| Kaonty fandraisana anjara | 153 082 675 000,00 | 153 082 675 000,00 | 38 035 242 691,36 |
| Kaontim-barotra | 321 467 498 000,00 | 321 467 498 000,00 | 330 402 519 873,10 |
| Kaonty avahana manokana | 5 000 000 000,00 | 5 000 000 000,00 | 0,00 |
| **Fihoaran'ny Fandaniana amin'ny Vola miditra** | | | **-251 117 715 912,70** |

*<u>Loharanom-baovao</u> : CGAF*

Nitohy ny fatiantoka tamin'ireo CPT. Tsy nahafahana namatsy na dia ireo fandaniany ihany aza ny vola niditra. Raha noheverina ho 117,32 Lavitrisa Ariary fotsiny ny vola niditra, ny fandaniana vita kosa dia nananika ny 368,44 Lavitrisa Ariary, ka nahatonga ny fatiantoka 251,12 Lavitrisa Ariary.

Izany fatiantoka be izany dia nateraky ny :

- ny fahakelezan'ny vola niditra tamin'ireo kaontim-barotra, indrindra fa ny an'ny CRCM sy CPR teo anivon'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola. Vola 108,56 Lavitrisa Ariary tamin'ny vola nantenaina hiditra izay 321,47 Lavitrisa Ariary ihany no tafiditra. Ny fandaniana nefa tafakatra 330,40 Lavitrisa Ariary. Ny hetsika tamin'ireo kaontim-barotra ihany koa dia namoaka fatiantoka nananika ny 221 Lavitrisa Ariary. Izany dia 88,34% tamin'ny fitambaran'ny fatiantoka rehetra.
- ny fatiantoka tamin'ny kaontin'ny fandraisana anjara : nihoatra lavitra tamin'ny vola niditra ny fandaniana. Ny vola niditra dia 4,45 Lavitrisa Ariary. Ny fandaniana kosa dia tafakatra 38,03 Lavitrisa Ariary. Ny 11,70% tamin'ny fandaniana ihany no voarakotry ny vola niditra. Tena ambany izany taha izany na dia nihatsara aza mihoatra tamin'ny taona 2012.

## V. <u>Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany (FCV)</u>

Ny vinavin'ny vola miditra tamin'ny fampiasana ireo FCV dia 398,80 tapitrisa Ariary. Tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana 2013 dia 606,52 tapitrisa Ariary no tanteraka. Izany dia naneho elanelana miabo 52,09%. Tsy nisy nefa ny fandaniana voasoratra na teo amin'ny vinavina na teo amin'ny fanatanterahana. Araka izany dia tombony 606,52 tapitrisa Ariary no vokatry ny fampiasana ireo FCV.

Fintinin'ireo kisary sy fafana eto ambany ny vola niditra sy ny fandaniana tamin'ireo FCV. Tamin'ireo taona dimy farany dia tombony no nisy tamin'ireo vokatra na dia teo aza ny fihenana goavana nanomboka ny taona 2012.

**Fafana 36 :** Endrik'ireo FCV 2013

(Amin'ny Ariary)

**Tamberin'ny vidin'entana**

| **Filazana** | **Sora-bola voalohany** | **Sora-bola farany** | **Fanatanterahana** | **(%)** |
|---|---|---|---|---|
| **Vola miditra** | **398 800 000,00** | **398 800 000,00** | **606 518 299,38** | **152,09** |
| Fanampiana tamin'ny tamberin'ny vidin'entana | 398 800 000,00 | 398 800 000,00 | 606 518 299,38 | **152,09** |
| **Fandaniana** | **0,00** | **0,00** | **0,00** | **0,00** |
| Fampandehanan-draharaha | 0,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **Fihoarana tamin'ny FCV** | | | | **606 518 299,38** |

*Loharanom-baovao : SGAB – Kajy SSEB*

**Fafana 37:** Endrik'ireo FCV 2013

(Amin'ny Ariary)

| **Fitanisana** | **2009** | **2010** | **2011** | **2012** | **2013** |
|---|---|---|---|---|---|
| Vola miditra | 3 203 279 313,22 | 2 873 164 151,10 | 1 247 689 093,94 | 522 671 979,04 | 606 518 299,38 |
| Fandaniana | 1 189 065 317,42 | 40 000,00 | 104 235 018,00 | 0,00 | 0,00 |
| **Vokatra (1 - 2)** | **2 014 213 995,80** | **2 873 124 151,10** | **1 351 926 122,94** | **522 673 991,04** | **606 520 312,38** |

*Loharanom-baovao : SGAB – Kajy SSEB*

**Kisary 16 :** Endrik'ireo FCV 2013



## VI. Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakana (OCDP)

Ny OCDP no mampiray ireo lahasa momba ireo trosa anatiny sy ivelany. Ny fitambarany dia nahazoana tombony 215,51 Lavitrisa Ariary. Ny fafana manaraka no amoahana ny endriky ny fanatanterahana ny fidiram-bola sy ny fandaniana tao anatiny.

**Fafana 38 :** Endriky ny OCDP 2013

(Amin'ny Ariary)

| Fitanisana | Vola miditra | | | Fandaniana | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Vinavina voalohany | Vinavina farany | Fanatanterahana | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Fandaniana |
| Trosa anatiny | 1 901 252 003 000,00 | 1 901 252 003 000,00 | 8 319 486 972,40 | 1 889 227 363 000,00 | 1 889 227 363 000,00 | 0,00 |
| Trosa ivelany | 237 272 440 000,00 | 237 272 440 000,00 | 322 227 859 969,91 | 232 726 041 000,00 | 232 726 041 000,00 | 115 035 651 753,99 |
| **Fitambarany** | **2 138 524 443 000,00** | **2 138 524 443 000,00** | **330 547 346 942,31** | **2 121 953 404 000,00** | **2 121 953 404 000,00** | **115 035 651 753,99** |
| ***Fihoaran'ny Fandaniana amin'ny Vola miditra*** | | | | | | **215 511 695 188,32** |

*Loharanom-baovao :CGAF*

Ho an'ireo trosa anatiny, 8,32 Lavitrisa Ariary no azo tamin'ny fidiram-bola 1 901,25 Lavitrisa Ariary novinavinaina, izany hoe taham-panatanterahana 0,44%. Na dia teo aza ny vinavinam-pandaniana 1 889,23 Lavitrisa Ariary dia tsy nisy tanteraka izany. Momba ireo trosa ivelany kosa dia tafahoatra ny vinavina ny vola niditra. Ny fitambaran'ny fandaniana izay 115,03 Lavitrisa Ariary dia nahafahana nahazo tombony 207,19 Lavitrisa Ariary.

Ho famintinana, momba ny hanisisa ankapoben'ny fanatanterahana ny tetibola tamin'ny taona 2013, tamin'ireo taona maro nanarahana ny politikam-pitsitsiana, ny Fanjakana dia afaka nifehy tsara ny fatiantoka tamin'ny famerana ny fandaniana araka ny fidiran'ny hetra. Araka izany, ny fatiantoka dia 519 467 085 855,43 Ariary nandritra ny taona 2012, nihena izany ary tsy nahatratra afa tsy 42 858 612 199,74 Ariary tamin'ny 2013. Ambonin'izany dia tsapa fa tsy niakatra loatra noho izay voarakitra tao amin'ny Lalàna mifehy ny Tetibola Voalohany ny fatiantioka.

# VOLAVOLAN-DALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA

## FANADIHADIANA IREO ANDININY

Ahitana andininy folo (10) ity volavolan-dalàna Fandravonana ity.

Ny andininy voalohany hatramin'ny fahadimy dia natokana hilazana ny tarehimarik'ireo fanatanterahana sy ireo vokatra azo tamin'ireo fizaran-tetibola dimy izay nitsinjarana ireo lahasan'ny Tetibola 2013, araka izay navoakan'ireto antontan-taratasy fanamarinana ireto :

1. Lahasan'ny Tetibola ankapobe ;
2. Lahasan' ireo Tetibola Anankina ;
3. Fampiasana ny Kaonty Manokan'ny Tahirimbolam-panjakana ;
4. Fampiasana ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany ;
5. Fampiasana ho Renivola ny Trosam-panjakana.

Ny andininy fahaenina no anehoana ny fihoarana tamin'ny sora-bola tombana nandritra ny fitantanana 2013.

Ny andininy fahafito no mamoaka ny kaontim-bokatry ny taona 2013 izay araka ny andininy faha 43 amin'ny Lalàna Fehizoro laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004, ny andininy fahavalo kosa no manome alalana ny hampidirana ny fatiantoka ao amin'ny Kaonty maharitry ny Tahirim-bolam-panjakana. Farany, ampiarahina amin'ity volavolan-dalàna ity ny tatitry ny Fitsarana momba ny Kaonty izay nanadihadiany ireo vokatry ny fanatanterahana ny Tetibola 2012 sy ny Fanambaram-pitoviana ho an'ny kaontin'ireo Mpanalalana sy ny Mpitahiry volam-panjakana ary ny CGAF tamin'ny Tetibola 2013.

Toy izay sy toy izay Andriamatoa Filoha, Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, Andriamatoa Minisi-panjakàna, Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra, Andriamatoa Sekreteram-panjakàna no anton'izao volavolan-dalàna izao ka voninahitra ho ahy ny mitondra azy mba ho ankatoavinareo.

Antananarivo, faha

NY MINISTRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA

**François Marie Maurice Gervais RAKOTOARIMANANA**

# VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA

# MITONDRA NY LALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA 2013

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

**----------------------**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA tamin'ny**

**Mitondra ny Lalàna Fandravonana ny Tetibola taona 2013**

Nankatoavin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriany ny ……………………..

Ny Filohan'ny Repoblika,

- Araka ny Lalàm-panorenana,
- Araka ny fanapahana faha -HCC/D tamin'ny

Mamoaka izao lalàna izao:

**Andininy voalohany**:

Hita fototra ny vokatry ny lahasan'ny tetibola ho an'ny taona 2013 izay nahatratra **2 430 792 437 080,38 Ariary** ho an'ny vola miditra, ary **2 439 638 093 591,23 Ariary** ho an'ny vola mivoaka, izany hoe fatiantoka **8 845 656 510,85 Ariary.**

**Andininy faharoa** :

Hita fototra ny vokatra afa-karatsaka ny Lahasan'ny Tetibola Anankina tamin'ny 2013 izay mitentina ; amin'ny vola miditra **9 381 044 605,90 Ariary** ary amin'ny vola mivoaka **8 394 497 869,79 Ariary**, izany hoe nahitana tombony **986 546 736,11 Ariary,** izay ahitana :

a- Ho an'ny teti-bola anankina Tranompirintim-pirenena, ny vola miditra dia **6 404 594 019,85 Ariary** ary ny vola nivoaka **5 003 431 112,40 Ariary** izany hoe nanatombo **1 401 162 907,45 Ariary** ny vola miditra izay arotsaka ao amin'ny tahirin'io teti-bola io.

b- Ho an'ny teti-bola anankina Paositra sy Fifandraisan-davitra, ny vola miditra dia **2 976 450 586,05 Ariary** ary ny vola nivoaka dia **3 391 066 757,39 Ariary** izany hoe fatiantoka **414 616 171,34 Ariary** izay ampidirina ao amin'ny tahirin'io teti-bola io.

**Andininy fahatelo** :

Hita fototra ny vokatry ny fampiasana ny Kaonty Manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana ho an'ny taona 2013 izay mitentina isanisany toy izao ; vola miditra **117 320 046 651,76 Ariary,** ary ny vola mivoaka **368 437 762 564,46 Ariary**, izany hoe fatiantoka **251 117 715 912,70 Ariary**.

**Andininy fahaefatra** :

Hita fototra ny vokatra azo avy amin'ny fampiasàna ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany, izay mitentina isanisany, tamin'ny vola miditra **606 518 299,38 Ariary** ary tamin'ny vola mivoaka **0,00 Ariary**, nahazoana tombony **606 518 299,38 Ariary.**

**Andininy fahadimy** :

Hita fototra ny vokatry ny Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakàna izay mitentina isanisany ho toy izao, vola miditra **330 547 346 942,31 Ariary** ary ny vola mivoaka **115 035 651 753,99 Ariary**, nahazoana tombony **215 511 695 188,32 Ariary**.

**Andininy fahaenina:**

Hita fototra ireo fihoarana rehetra tamin'ny sora-bola izay nitentina **208 445 376 204,11 Ariary**.

Ankatoavina araka izany, ho fampiharana ny andininy faha 13 amin'ny Lalàna Fehizoro laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny Lalàna mifehy ny Tetibola, ny fanoratana ireo sora-bola mifanaraka amin'ny fanarenana izany fihoarana izany.

**Andininy fahafito :**

Hita fototra araka ny fitsinjarana niseho tao anatin'ny takela-pamintinana niaraka tamin'ity volavolan-dalàna ity ireo vokatra tamin'ny taona 2013 izay ahitana:

1- ny fatiantoka tamin'ny lahasan'ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana **8 845 656 510,85 Ariary ;**
2- ny tombony azo avy amin'ny lahasan'ny Teti-bola Anankina **986 546 736,11 Ariary ;**
3- ny endri-piova afa-karatsaky ny fatiantoka tamin'ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-panjakàna **251 117 715 912,70Ariary .**
4- ny endri-piova afa-karatsaky ny tombony avy tamin'ny Fampiasana ny Tamberin'ny Vidin'entana Fanomezana avy any ivelany izay **606 518 299,38 Ariary ;**
5- ny endri-piova afa-karatsaky ny tombony azo avy amin'ny Kaonty Fampindramam-bola izay **215 511 695 188,32 Ariary**.

**Andininy fahavalo :**

Ekena ny fanoratana ao amin'ny Kaonty Maharitry ny Tahirimbolam-panjakana ny vola mitentina **42 858 612 199,74 Ariary,** izay fatiantoka tamin'ny taona 2013.

**Andininy fahasivy:**

Ankatoavina ireo takelaka ampiarahina amin'ity Lalàna ity.

**Andininy fahafolo**:

Havoaka amin'ny Gazetim-panjakàna'ny Repoblika ity Lalàna ity. Hotanterahina ho toy ny Lalàm-panjakana izany.

**Navoaka hanankery teto Antananarivo, ny**

**Hery Martial RAJAONARIMAMPIANINA R.**

Hita mba hatovana amin'ny
Didim-panjakàna laharana faha
Tamin'ny

**Avy amin'ny Praiminisitra,**
**Lehiben'ny Governemanta,**

**MAHAFALY Solonandrasana Olivier**